Fomba Fampianarana Moderina

Nosoratana ho an'ireo mpampianatra any amin'ireo sekoly eto Madagasikara sy any amin'ireo firenena toa azy

Robert MacGregor, BSc, PGDE
Nandika azy amin'ny teny malagasy, RAJAOFERA Mbolatiana Lilianah.



Azo ampiasaina sy adika maimaimpoana

Fandikan-teny 3.5.7

Tsidiho ny http://mada-enseignants.org raha te hahazo ireo fandikan-teny farany sy ireo fitaovana hafa

Sasin-teny/Preface

Ny fampianarana dia asa mendrika. Ny mpampianatra dia manova izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fanabeazany sy ny fanomezany ainga ireo tanora. Ny tanora nahazo fanabeazana tsara dia hanana fiainana tsara kokoa ary hahatonga ny fireneny hanan-karena sy hahomby kokoa.

Tamin'ny taona 2016, izaho dia nanolotra fampiofanana ho an'ireo mpampianatra avy eto an-toerana teto Madagasikara. Ilay fampianarana dia natao mba hampidirana karazana pedagojia izay hanatsara ny vokatra ara-pianarana eto Madagasikara. Ity boky ity dia nosoratana ho an'ny mpampianatra rehetra nefa mifanentana kokoa amin'ireo izay mampianatra ankizy na mpianatra mihoatran'ny 9 taona. Nasaina mba hiverina taty aho, ary nanoratra ity boky ity mba hanampiana ireo mpanofana mpampianatra eto an-toerana sy ireo miofana ho mpampianatra.

Amin'ity boky dikan-teny malagasy ity, ireo lohateny rehetra dia natao amin'ny teny anglisy sy malagasy mba hanampy ahy amin'ny fampiofanana amin'ny teny anglisy.

Zon'ny mpamorona/ Copyright

Ity boky ity dia nosoratana mba hanatsarana ny fanabeazana eto Madagasikara ary amin'ny toeran-kafa koa. Raha mandika ity boky ity ianao dia iangaviana mba:

- Hitazona ny anarako ho mpanoratra sy ity fanambarana ny zon'ny mpamorona ity.
- Hampahafantatra ahy ny fomba nanampian'ity boky ity anao na ny toerana misy anao. Manomeza fanitsiana na hevitra. Mifandraisa amiko amin'ny alalan'ity tranonkala ity: http://mada-enseignants.org
- Handika ity boky ity araka izay ilainao azy nefa angatahina mba hatao amin'ny vidiny mirary hatrany izany.
- Hijery ny "version" farany ao amin'ity tranonkala manaraka ity ilay mpanonta ilay boky http://mada-enseignants.org
- Hanohana ireo mpampiofana mpampianatra amin'ny alalan'ny fanomezana vola fanampiana.

Fankasitrahana/Acknowledgements

Ny tenako dia feno fankasitrahana an'ireto manaraka ireto:

RAJAOFERA M. Lilianah, mpandika-teny mahafatra-po sady filoha lefitry ny tale mpanorina izao tetikasa izao.

RAHARIMANANA Juliette Chantal sy RATSIMBA Clarisse ary FIKATOA Voahanginirina Virginie izay nitsara ny boky amin'ny dikan-teny malagasy.

Shawn Gibson sy Sue Clynes izay nampahery ahy sy nitsara ny boky amin'ny teny anglisy.

Eliane RAHARINIRINA izay nanao ny sary amin'ny fonon'ny boky sy ireo ao anatiny ao.

Kimberly Radford (http://www.helpmg.org) izay nampahery sy nanoro-hevitra tamin'ny lafiny maro.

Ireo mpianatra izay nanatrika ny fampiofanana.

Bob Kibble izay nanome ahy aingam-panahy tamin'ny fanaovana ilay sahanasa natao sary amin'ny fonon'ny boky ary nampianatra ahy ny ankamaroan'ny zavatra haiko mahakasika ny fampianarana.

Monika Gora izay nanampy ahy tamin'ny fanatontosana ilay toko mikasika ny fianarana fiteny.

Sarah Anderson izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ilay toko mikasika ny fahasarotana ara-pianarana.

Ireo namana sy fianakaviana izay nampahery, nanambara ny heviny, nanolo saina sy nanampy ara-bola tamin'ny fanatanterahana ity tetikasa ity.

Emma Stewart izay nanome aingam-panahy tamin'ny fanoratana ilay toko mikasika ny "méthode phonique".

Andriamanitra izay nanome ahy aingam-panahy sy hevitra ary fahafahana hanatanteraka ity tetikasa ity.

Mikasika ny mpanoratra/About the author

Robert dia manana mari-pahaizana "avec mention très bien" sy diploma momba ny fanabeazana avy any amin'ny oniveristen'i Edinburgh, Ecosse. Niasa teo anivon'ny fampianarana nandritra ny 15 taona, tao anatin'izany dia nampianatra tany amin'ireo sekoly lafatra dia lafatra toy ny Jerudong International School, tany Brunei ary Brighton college, tany Angletera. Tamin'ny taom-pianarana 2015-2016, Robert dia nampianatra siansa ireo mpianatra 9 ka hatramin'ny 18 taona tao amin'ny sambo MV Africa Mercy (MercyShips) tao Toamasina. Nandritra izany fotoana izany no namolavolany programa fampiofanana mpampianatra malagasy tena mahomby izay mifanentana amin'ireo fanamby sy tombontsoa eto Madagasikara. Ankehitriny dia mipetraka ao Antananarivo izy, mitantana ny tetikasa fampiofanana mpampianatra sy mampianatra siansa sy matematika ao amin'ny British School ihany koa. Amin'ny fotoana mampalalaka azy, Robert dia tia mitsangatsangana eny ambanivohitra ary mitety tendrombohitra amin'ny bisikileta, mahandro sakafo, mpandalina finoana ary mankafy ny fiarahana amin'ny sakaizany.

Raha te-hifandray/Get in touch

Tianay ny haheno vaovao avy aminareo raha hitanareo fa nanampy anareo ity boky ity. Mifandraisa aminay ao amin'ny http://mada-enseignants.org

Fanoroam-pejy

1. Fampidirana/ Introduction 7
2. Inona avy ireo tanjon'ny fanabeazana/ what are the purposes of education 8
Inona no antony hanabeazantsika?/ Why do we educate? 9
3. Inona avy no afaka hampianarina any an-tsekoly? /What can schools teach? 12
Inona no nianarantsika tany an-tsekoly?/ What did we learn at school? 12
Ireo zavatra samihafa ianarana/ Different things people learn 12
4. Ahoana no fomba ahazoana fahalalana/How people learn 16
Fampifandraisana/Making connections 16
Famerenana/ Repetition 17
5. "Apprentissage actif"/Active Learning 19
Apprentissage traditionnel/Didactic learning 19
Apprentissage actif/ Active learning 20
Activités pour l'apprentissage actif/Active learning activities 21
« Penser, Apparier, En groupe de 4, Partager »/ Think Pair Square Share 21
Ankihibe/Thumbs 22
Aotra hatramin'ny dimy (0 à 5)/Fist to five 22
Fanaovana modely (modélisation)/Modelling 23
Fametrahana fanontaniana/Questioning 25
Fandaharana karatra/Card sort 26
Fady 27
Laharana fanehoan-kevitra/Opinions line 28
« Prise de note active »/Active note taking 28
Lalao/Play 29
6. Ny sokajin'i Bloom/Bloom's Taxonomy 31
Inona no mahazava-dehibe ireo fahaiza-manao izay ambonimbony amin'ny sokajin'i Bloom? /Why are skills in the higher levels of Bloom's Taxonomy important? 31
Sokajy 1: Mitadidy/Level 1: Remember 32
Sokajy 2: Mahazo/Level 2: Understand 33
Sokajy 3: Mampihatra/Level 3: Apply 33
Sokajy 4: Mitsikera/Level 4: Analyse 34
Sokajy 5: Manombana/Level 5: Evaluate 35
Sokajy 6: Mamorona sy manao "synthèse"/Level 6: Creating and synthesis 37
7. Fitsapam-pahaizana/Assessment 39
Inona no antony hanaovana fitsapam-pahaizana?/Why assessment? 39

Karazana fitsapam-pahaizana/Types of assessment 39

Fitsapam-pahaizana izay hanome anao sy ny mpianatrao valiny malaky – Evaluation formative/Assessment that gives you and learners' immediate feedback - formative assessment 40

Fanadinana avy amin'ny mpampianatra na ny sekoly/Tests set by the teacher or school 42

Fanadinam-panjakana na fanadinana famaranana ny taom-pianarana/National or end of year examinations 46

Hevitra vitsivitsy momba ny fitsapam-pahaizana/ A few other thoughts about assessment 46

8. Fahazoana fahombiazana amin'ny fanadinana/Achieving examination success 48

1. Fomba fianarana mahomby amin'ny fanomanana fanadinana/ Successful exam study 48

2. Ny kolontsain'ny sekoly/ School Culture 50

3. Fitsapam-pahaizana sy fidirana an-tsehatra/Assessment and interventions 52

4. Ny fampanaovana fampiasana izay misy fanontaniana mitovy endrika amin'ny fanontaniana any amin'ny fanadinana mandritra ny lesona/Put exam practise in lessons 53

9. "Programme parascolaire"/The extra curriculum 55

10. Fahasarotana ara-pianarana/Learning Difficulties 64

Ahoana no hanampiana ireo mpianatra manana fahasarotana ara-pianarana / How to help students with learning difficulties? 64

Famintinana ny mikasika ireo fahasarotana ara-pianarana mateti-pitranga/ Summary of common learning difficulties 65

Dyslexie /Dyslexia 66

Dysgraphie /Dysgraphia 67

Dyscalculie/Dyscalculia 68

Ireo mpianatra sahirana mifantoka sy mihaino/Students who struggle to focus and pay attention 69

Ireo mpianatra tratran'ny "Autisme"/ Students with Autism 70

Fahataran'ny fitomboana/ Stunting 71

Syndrome d'alcoolisation foetale / Foetal Alcohol Syndrome 72

Fanehoan-kevitra ankapobeny/General comments 72

11. "Différenciation pédagogique"/ Differentiation 73

Lesona 1: lesona "non- différenciée"/ Lesson 1: A non-differentiated lesson 73

Lesona 2: Lesona "différenciée" / Lesson 2: A differentiated lesson: 74

Ny "théorie" mikasika ny "différenciation" / Differentiation theory 75

"Différenciation par tâche" / Differentiation by task 76

"Différenciation par résultat" / Differentiation by outcome 76

"Différenciation par assistance" / Differentiation by support 77

12. Fiarovana ny ankizy/ Child Protection 78
Inona no atao hoe fahasimbana na fanararaotana?/What is harm or abuse? 78
Famantarana ny fisian'ny fanararaotana/Signs of abuse 79
Inona no tokony atao manoloana ny fanararaotana/What to do about abuse 79
13. Ny fandraisan'anjaran'ny fiaraha-monina/Community involvement 81
Fandraisan'ny ray aman-dreny andraikitra/Parental involvement 81
Inona no azon'ny sekoly atao hanampiana ireo ray aman-dreny mba ho taitra amin'ny fanabeazana/How can schools help parents get excited about education? 82
Inona no tokony hataon'ireo ray aman-dreny ao an-tokantrano mba hampiseho ny fahalianany amin'ny fanabeazana/What should parents do at home to show interest in education 83
14. Drafitra fanomanan-desona/Lesson Planning 84
Ny fanomanana drafitra lavitr'ezaka/Long term planning 85
Ny fanomanana drafitra ho an'ny herinandro vitsivitsy/Medium term planning 86
Fanomanana drafitra lesona tsirairay/ Planning individual lessons 86
Hevitra hafa momba ny fandrafetana lesona/Other lesson planning thoughts 92
15. Fametrahana tanjona ho an'ny mpianatra/Setting goals for students 93
16. Fifehezana ny fitondran-tena /Behaviour management 94
17. Fanabeazana amin'ny fiteny roa/Bilingual Education 96
Ny olana amin'ny fiteny eo amin'ny sehatry ny fanabeazana/Language issues in education 96
Fikarohana mikasika ny fanabeazana amin'ny fiteny roa/Research into bilingual education 97
Ny fomba fampianarana fiteny mahomby/Effective language teaching 98
18. Fitaovam-pampianarana na 'ressource pédagogique' sy toro-hevitra/Teaching resources and ideas 102
Ary farany/And finally... 104

Ity boky ity dia atolotra ho an'ireo mpampianatra eto Madagasikara.

1. Fampidirana/ Introduction

> *'Tsara noho ny andro anarivony hianarana mafy ny andro iray hiarahana amin'ny mpampianatra mahay'* – ohabolana Japonais

Ilay mpampianatra nahafinaritra ahy indrindra dia tena tia ilay taranja nampianariny ary nahita zavatra mahaliana, lazaolana (problème) na "activité" hampidirina amin'ny lesona ampianariny foana. Ny lesona rehetra dia nahafinaritra ary nisy karazana "activités" avokoa. Olona be fitiavana sady nanokana fotoana mba hahafantarana anay bebe kokoa izy.

Fa na ratsy na tsara ny mpampianatrao fahiny dia manentana anao aho mba hamaky ity boky ity amin-kitsim-po. Be dia be ireo hevitra sy teknika vaovao ato anatin'ity boky ity izay afaka hahatonga ny fampianaranao ho tsara kokoa noho ny an'ireo mpampianatra anao tamin'ny fahazazanao.

Ny mpampianatra rehetra dia manova ny fiainan'ireo mpianany ary ireo mpampianatra tsara dia hahatonga ireo mpianany hahahomby amin'ny taranja ampianariny sy amin'ny fiainany. Izany fahombiazana izany dia afaka hanova ny firenena sy ny fiaraha-monina misy azy.

Activité/Activity

Fakafakao miaraka amin'ireo mpampianatra hafa ireto fanontaniana manaraka ireto, na diniho ireo fanontaniana. Soraty amin'ny kahie ireo hevitrao:

1) Eritrereto ireo mpampianatra nampianatra anao tany an-tsekoly, na mpampianatra efa nojerenao nampianatra. Mifidiana mpampianatra iray izay heverinao fa tena mahay.

a) Inona no hitanao manokana tamin'ny fomba fampianarany?
b) Araka ny hevitrao, inona koa ireo toetra hafa tokony hananan'ny mpampianatra tsara?

2) Ahoana no mety hahatonga ny fampianarana tsara hiteraka fiovana amin'ny fiaraha-monina na firenena?

2. Inona avy ireo tanjon'ny fanabeazana/ what are the purposes of education

'Ny fanabeazana dia fahazavana, ny tsy fahampiany dia aizina' – ohabolana russe

Activité 1/Activity 1

Miresaha amin'ireo mpampianatra hafa, na diniho ireto fanontaniana ireto. Soraty ireo valin-teninao:

1) Inona no maha zava-dehibe ny sekoly sy ny fanabeazana?

2) Afaka ny hobeazina ve ny olona na dia tsy mankany an-tsekoly aza?

Activité 2/Activity 2

Matetika dia manana tarigetra ny sekoly. Ny tarigetra dia manoritsoritra ny tanjon'ny sekoly.

1) Vakio ireo tarigetra efatra etsy ambany ireo ary mariho izay mahafinaritra anao.
2) Lazao ny antony itiavanao ireo tarigetra ireo.

Fanamarihana mikasika ny fampianarana/ teaching note: Mariho fa eto dia ataoko izay hahatonga anao handinika mikasika ny fampianarana, fa tsy miresaka na manoratra mikasika ny fomba fampianarana tsara fotsiny aho. Hahay kokoa ny mpianatra raha mandinika fa tsy mihaino fotsiny ny tenin'ny mpampianatra.

Sekoly 1/ School 1
Ny tarigetranay dia ny hanome tontolom-pianarana tsara ho an'ny mpianatra rehetra mba hahafahan'izy ireo manatratra izay rehetra ilainy mba hahomby.

Sekoly 2/ School 2
Ny tarigetranay dia ny hanome toeram-pianarana ho an'ireo ankizy tsy manan-kialofana. Ny tanjonay dia ny hanampy ireo ankizy ireo hiala amin'ny tontolon'ny fahantrana sy ny tsy fisiam-panantenana amin'ny alalan'ny fanolorana azy fampianarana, ireo fahaiza-manao ilaina amin'ny fiainana andavan'andro, toetra tsara ary tontolo feno fitiavana izay hanome alalana azy hiditra amin'ny fiaraha-monina iombonana.

Sekoly 3/ School 3
Izahay dia miezaka mba hampita sy hanome:

- Ny fitiavana mianatra tsy an-tery
- Foto-pahalalana sy fahaizana izay entina mamantatra sy mitsikera izao tontolo ivelomantsika izao ary izay hanomana antsika, amin'ny alalan'ireo fomba fijery vaovao mahakasika ny fampianarana, ho amin'ny tontolo mety hivelomantsika amin'ny ho avy.
- Fampahafantarana sy fanomezan-danja ny lafiny ara-panahy ny fiainantsika.
- Ny fahavitrihana ho an'ny tontolo ivelan'ny toeram-pianarana - ohatra, ny fanatanjahantena, mozika sy ny zava-kanto.
- Ny fanajana ny fahasamihafana misy amin'ny hafa sy ny fanekena fa ny ezaka sy ny zava-bitan'ny tsirairay anatin'ny fiaraha-monina dia mitovy lanja avokoa.
- Ny fahatsapana ny filan'ny tsirairay ary ny finoana marina fa - na firy taona na firy taona - dia afaka mitondra fiovana, eto an-toerana sy manerana izao tontolo izao, amin'izao vaninandro ankehitriny izao.

Raha fehezina dia mifofotra mafy izahay mba hamoaka olona nahazo fampianarana tsara, mahay mandefitra, manana saina tia karokaroka, izay vonona handray anjara feno sy mavitrika ary hitondra vokatra tsara eo amin'ny fiainam-pirenentsika sy maneran-tany.

Sekoly 4/ School 4
Izahay dia miezaka mba hanome fanabeazana mifototra amin'ny Baiboly ho an'ireo ankizy, mba hahatonga azy ireo haniry hanaraka an'I Jesosy marina.

Miezaka izahay mba hanolotra ireo foto-pahalalana sy fahaiza-manao izay ilain'ireo ankizy mba hahafahany manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Izany dia hotanterahina amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny Ray aman-dreny amin'ny famolavolana toetra kristiana ao amin'ireo zanany.

Izahay dia mampianatra ireo toetra tsara araka ny Baiboly ary manome fampianarana avo lenta izay mifanaraka amin'ny filana ara-batan'ny mpianatra tsirairay (manao izay hankafizan'ny ankizy ny fanatanjahantena sy hahaizany mikarakara vatana), ny filany ara-pihetseham-po (hanampy ny ankizy mba ho tonga olona hanana fihetseham-po mirindra ary hahay hiatrika am-pahendrena sy am-pahamatorana ireo olana ara-tsosialy eo amin'ny fiainana) ary ny filany ara-panahy (hanampy ny ankizy mba hifandray amin'Andriamanitra).

Inona no antony hanabeazantsika?/ Why do we educate?

Ny tarigetra dia mirakitra ireo antony nahatonga antsika hanabe. Anisan'ny hevi-dehibe anatin'ny tarigetra ny:

- Hampita fahalalana sy fahaiza-manao ho an'ny mpianatra.
- Hanampy ny mpianatra mba ho tia fianarana**.**
- Hanosika ny mpianatra mba hametra-panontaniana mikasika ny tontolo manodidina antsika.
- Hanomana ny mpianatra ho amin'ny fiainana ao anatin'ny tontolo izay hisy azy any aoriana.
- Hanampy ny mpianatra mba hahafantatra ny fisian'ny lafiny ara-panahy ny fiainana.
- Hanome tombontsoa ny mpianatra mba hahafahany manao fanatanjahantena, mozika sy zava-kanto.
- Hampianatra ny ankizy mba hanaja ny hafa na dia misy aza ny tsy fitoviana.
- Hanampy ny ankizy mba hieritreritra izay ilain'ny hafa.
- Hampiditra tsikelikely ao an-tsain'ny mpianatra fa izy ireo dia afaka mampivoatra izao tontolo izao.
- Hanampy ny ankizy mba hahatratra ny fahalalana tokony hananany sy hanana tontolo-pianarana tsara.
- Hanampy ny mpianatra mba hanalavitra ny fahantrana sy ny tsy fananan-kialofana.
- Hampianatra ny mpianatra ireo fahaiza-manao ilaina amin'ny fiainana andavan'andro.

Nefa mino aho fa ny fanabeazana dia manana tanjona maro hafa ankoatra ireo voalazan'ny fanambarana tarigetra ireo. Anisan'izany ny:

- Hampianatra ireo ankizy mba ho afaka amin'ny fanadinam-panjakana lehibe.
- Hampianatra ireo fahaiza-manao fototra ilaina mba hatafita amin'ny fiainana: mamaky teny, manoratra, manisa ary miteny.
- Hahafahana manova ny sokajy ara-tsosialy. Ny rafim-pampianarana tsara dia mahatonga olona iray avy amin'ny fianakaviana mahantra ho tafita lavitra.
- Mampianatra ireo fahaiza-manao ilaina mba hahazoana asa na fanabeazana.

- Mampianatra ireo mpianatra ny fomba fianarana fahaiza-manao vaovao na traikefa tsy nianarany tany an-tsekoly.
- Mampianatra ireo mpianatra mba ho tonga olona tsara kokoa eo anivon'ny fifandraisany amin'ny hafa, fanompoany ny hafa, fikajiany ny tontolo iainana ary amin'ny fomba fiainana ara-pahasalamana.
- Mampianatra ireo mpianatra mba ho tia mitsikera, hahay hampihatra ny fahalalana ananany amin'ny toe-javatra vaovao, hamokatra fahalalana vaovao ary hamaha olana.
- Ny fianarana dia tokony hiezaka mba hiaro ny ankizy amin'ny fahasimbana ateraky ny fanilihana, fiainana ao anatin'ny fahantrana na ny fanararaotana.

Ho an'ny sekoly kristiana irery:

Ampianaro ireo mpianatra ireo hevi-dehibe mikasika ny finoana kristiana, anisan'izany:

- Ny finoana kristiana dia fivavahana mifototra amin'ny fahasoavana. Izany hoe tsy misy fepetra maro izay mila arahinao mba ho tonga kristiana. Ampianaro ireo mpianatra fa avy amin'ny finoana an'i Jesosy dia afaka ny ho voavela ny fahotany. Ireo kristiana dia tsy mitovy fomba fiaina amin'ireo izay tsy kristiana noho ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny fahamelan-keloka ary noho izany dia te hanaraka ny lalany izy amin'ny fiainany, fa tsy noho ny fiheverany fa voatery atao izany mba hahazoana tambiny avy amin'Andriamanitra.
- Andriamanitra dia tia ireo mpianatra araka ny maha-izy azy ary tena miahy azy ireo fatratra, na inona na inona mahasahirana azy na tsy mety ataony.
- Andriamanitra dia miantso ireo kristiana mba hampihatra ny finoany. Tiany isika raha hiaina tsara, araka izay nambarany ao amin'ny Baiboly.
- Fianarana Baiboly amin'izay fomba mifanentana amin'ny taonan'ireo mpianatra. Mianara ireo lohahevitra sy ireo boky rehetra ao amin'ny Baiboly. Ireo mpianatra ao amin'ny sekoly kristiana dia tokony hahafantatra tsara ny Baiboly rehefa hiala ao izy.
- Andriamanitra dia tia azy ireo anio. Izy ireo kosa dia tokony hahay "hihaino" izay tiany hambara amin'izy ireo sy hamantatra raha tenin'Andriamanitra tokoa ny hafatra iray amin'ny alalan'ny fijerena raha mifanaraka amin'izay voasoratra ao amin'ny Baiboly izany.
- Ny kristiana dia mpanota, manao fahadisoana ary manao zavatra tsy mety. Fantaro fa rehefa manao zavatra tsy mety ny kristiana dia tsy solo-tena an'Andriamanitra izy.
- Ireo karazana toetra tsara ara-Baiboly, ao anatin'izany ny fitiavana, famelan-keloka, fahalalan-tanana, fo manompo, fangorahana, fahatsoram-po, fahononam-po ary fiainam-piaraha-monina.
- Manampy ireo mpianatra hiatrika ireo olana izay mitranga amin'ny lalan'ny kristiana.
- Manampy ireo mpianatra mba hiaina fiainana mitoky amin'Andriamanitra fa tsy amin'ny herin'ny tenany.
- Manaova fanompoam-pivavahana isan'andro, fotoana fohy hieritreretana toetra iray mahakasika ny finoana.
- Mampianatra ireo ankizy mba hivavaka, ary asio vavaka mandritra ny andro ianarana. Ary tena tsara tokoa raha mivavaka ho an'ireo olana eo amin'ny fiainan'ireo mpianatra ary manamarika izany rehefa novalian'Andriamanitra ny vavaka.
- Hampandraiso andraikitra amin'ireo fotoana natokana ho an'ny fiainana Kristiana ireo ankizy. Ny maha-ankizy azy dia tsy midika fa tsy afaka mandray anjara mavitrika amin'ny fivavahana izy ireo, mamantatra izay tian'ny Baiboly ambara amin'izy ireo, mihaino ny tenin'Andriamanitra ary mampihatra izany.

- Manampy ireo mpianatra mba hahafantatra ny fomba hiainany amin'ny maha kristiana azy eto amin'izao tontolo izao, any an-tsekoly, any an-trano, eny amin'ny fiaraha-monina sy toeram-piasana.
- Ny finoana dia safidy malalaka. Tsy ny ankizy rehetra no hifidy ny hino, ary izany dia safidy malalaka ananany.

Tamin'ny fotoana nampianarako tao amin'ny sambo Africa Mercy, izay sambo hopitaly kristiana, dia nisy olona maro avy amina antokom-pinoana samihafa niaraka nanao asa fanompoana, nivavaka ary nanolotra fampianarana kristiana. Misy ireo fiangonana izay manana fampianarana mivily lavitra amin'ny votoatin'ny finoana sy fomba kristiana, fa ny fampianaranao dia tsy tokony hikasika izay antokom-pinoana 'marina' sy 'diso', fa tokony hirona kokoa amin'ny fahalalana an'Andriamanitra kosa. Raha fantatr'ireo ankizy hoe iza moa Andriamanitra ary afaka 'mandre ny feon'ny mpiandry ondry' izy dia tsy hotamana any amin'ireo toerana izay mampianatra hafatra lavitra ny fahamarinana.

Maro ireo tanjon'ny fanabeazana. Aza taitra amin'ireny! Rehefa mamaky ity boky ity ianao dia hahita ny tanjon'ny fanabeazana misimisy kokoa.

Activité /Activity

Fakafakao ireo fanontaniana ireo ary soraty ireo valin-teninao:
1) Diniho ireo tanjon'ny fanabeazana. Inona amin'ireo no efa tanterahinao na tanterahin'ny sekoly misy anao?
2) Inona ireo zavatra tianao hiezahana hohatsaraina mikasika ny fampianaranao na ny fampianaran'ny sekoly misy anao? Misafidiana tsy mihoatran'ny 3 – tsy afaka ny hanatsara ny zavatra rehetra indray mandeha ianao!
3) Inona ireo teboka hitanao tena manan-danja indrindra tao anatin'ity toko ity?

3. Inona avy no afaka hampianarina any an-tsekoly? /What can schools teach?

'Ny fampianarana no mamokatra ireo asa hafa rehetra' – mpanoratra tsy fantatra

Activité/Activity

Eritrereto ireo zavatra nianaranao, tany an-tsekoly, tany an-trano, na tany amin'ny fianarana ambony.

1) Inona avy ireo zavatra samihafa nianaranao?

2) Inona ireo zavatra nianaranao *ka mbola ampiasainao hatramin'izao?*

Inona no nianarantsika tany an-tsekoly?/ What did we learn at school?

Misy zavatra tadidiko ihany ireo zavatra nianarako tany an-tsekoly fa saika hadinoko avokoa ireo "information" tsy nampiasaiko matetika. Raha izany...Inona no dikan'ny nianarako raha hadinoko avokoa ny ankamaroany?

Ny fanabeazana dia nanome ahy zavatra manan-danja mihoatra ny fahalalana fotsiny. Nampianatra ahy fahaiza-manao. Afaka mamaky teny aho, afaka manoratra, afaka manao matematika, afaka mianatra zava-baovao, afaka miteny frantsay kely, afaka mamaha olana, mahay mitsikera zavatra. Nianatra mikiry manoloana ny famahana olana aho. Nianatra niara-miasa tamin'ireo mpianatra hafa sy ny sisa maro hafa koa!

Amin'ny maha mpampianatra anao dia tokony hofantatrao fa tsy izay fomba hahafahan'ireo mpianatra amin'ny fanadinana fotsiny ihany no ampianarinao. Mety tsy hampiasa ireo zava-dalin'ny fizika ireo mpianatrao amin'ny fiainany andavanandro. Nefa mety hampiasa ny fahaizany fizika izy rehefa handinika rafitra iray araka ny lojika na haneho zavatra amin'ny alalan'ny matematika.

Ireo zavatra samihafa ianarana/ Different things people learn

Eto indray isika dia hijery ireo karazana zavatra samihafa afaka ianarana:

Karazana fahaizana: « fait » (fahalalana na tranga).
Ohatra: Fahaizana ny formule $E=mc^2$ na fahafantarana fa 'smoked' dia ny " forme passé" ny 'smoke'. Fahaizana "table de multiplication". Fahaizana ny fifangaroan'ny loko mba hanome loko hafa.
Hevitra fanampiny: Ny "fait" no matetika fototr'ireo karazana fahaizana hafa. Ohatra, mba hamakiko teny dia mila fantatro ny dikan'ny teny vakiko.

Karazana fahaizana: Fahazoana (Compréhension).
Ohatra: Raha halatsako ny peniko dia hilatsaka. Ny fahazoana dia manazava ny *antony.*
Hevitra fanampiny:
Matetika dia misy karazana "niveau de compréhension". Arakaraka ny taona sy ny fahaizan'ny mpianatra no hanazavanao zavatra iray:

Niveau inférieur: Ny "gravité" no misintona ilay penina hilatsaka.
Niveau intermédiaire: Ny "masse" dia mifanintona, tahaka ny fifampisintonan'ny andriamby. Izany no antsoina hoe "gravité".
Niveau supérieur: Ny lalana momba ny anton'ny "gravité ".

Karazana fahaizana: Famahana olana.
Ohatra:

- Fandinihana ny antony mahatonga ny moto iray tsy mety ho velona.
- Inona no tsaratsara kokoa: mividy vary 200Ar ny kapaoka sa vary 1000Ar ny kilao?
- Ahoana no fomba hampamokatra bebe kokoa ny tanimbary?
- Famantarana ny dikan'ny teny anglisy vaovao iray amin'ny alalan'ny fampitahana azy amin'ny teny efa hay.

Fanazavana fanampiny:
Ny fampianarana famahana olana dia tena zava-dehibe. Mety tena hanahirana koa, ireto ary misy toro-hevitra vitsivitsy:

- Matetika dia mamaha olana fotsiny isika fa tsy mahafantatra ny fizotran'ny fisainantsika mamaha izany. Mieritrereta lalina mba hahazoanao ny fizotran'ny fisainanao. Avy eo, hazavao ny mpianatrao izany.
- Omeo "problème" maro ny mpianatra.
- Asio "problème" sarotra, antonony, mora arakaraka ny fahaizan'ny mpianatra. Matetika ny fanontaniako dia miantomboka amin'ny mora ary mihasarotra hatrany.

Karazana fahaizana: asa fampiharana (travaux pratiques)
Ohatra:

- Manjaitra.
- Mitondra bisikileta.
- Zava-kanto (Art).
- Milomano.
- "Science appliquée".
- Fampiasana solosaina.

Hevitra fanampiny:
Mora kokoa ny hahaizan'ny mpianatra asa fampiharana raha toa ka tonga dia manao fampiharana arahina toro-hevitra sy fanampiana izy.

Misy fahaiza-manao azo avy amin'ny fangalana tahaka ny mpampianatra (ohatra: ny fahaizana mitondra bisikileta na milomano, mitovy avokoa izy ireo ho an'ny olona rehetra).

Misy kosa fahaiza-manao tsy mety halain-tahaka, ohatra: ny taozavatra tsara dia azo avy amin'ny famorononana zavatra vaovao, fa tsy maka tahaka ny asan'ny sasany fotsiny.

Ho famolavolana izany fahaizana asa fampiharana izany dia tokony hampahery ny mpianatra hatrany isika ka hampahafantatra azy ireo fa azo atao tsara ny manao fanandramana ary tsy maninona na manao fahadisoana aza. Ny fahadisoana dia zava-dehibe amin'ny fianarana…raha toa ka fantatr'ilay mpianatra fa nanao fahadisoana izy.

Matetika ny manao asa tarika (devoir en goupe) dia manampy ny mpianatra mba hahay satria afaka mifampizara izay traikefa sy toro-hevitra ananany izy ireo. Indrindra fa amin'ny fianarana mampiasa solosaina.

Karazana fahaizana: Fiteny.
Ohatra: Fianarana Malagasy, Frantsay, Anglisy.

Hevitra fanampiny:
Tena ilaina ny fahafahan'ireo mpianatra hamaky, hanoratra, hihaino ary hiteny io fiteny io. Raha mila fanazavana fanampiny ianao dia vakio ilay toko mikasika ny fanabeazana amin'ny fiteny roa.

Karazana fahaizana: Toe-tsaina mitsikera.
Ohatra: Tsikerao ity fanontaniana ity 'Tsara ho an'I Madagasikara ve ny fisian'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ao Ambatovy?'.
Hevitra fanampiny:
Maro amintsika no manana ny heviny mikasika an'Ambatovy, nefa kosa tsy mahatsapa fa io resaka io dia tena sarotra. Ambatovy dia misy lafiny tsara ary lafiny ratsy.

Ny toe-tsaina mitsikera dia nofaritana ho '"analyse objective" sy fanombanana olana iray ahafahana manangana hevitra.'

Ny fijery tsy miangatra (analyse objective) dia midika hoe tsy mandeha araka ny fihetsem-po fa mandanjalanja ny hevitra mikasika ny olana iray. Indraindray dia ilaina ny fahazoana ny hevitra amin'ireo andaniny roa. Rehefa azonao ireo hevitra rehetra dia afaka mitsara amin'izay ianao na mametraka ny fomba fijerinao mikasika ilay olana araka ireo porofo hitanao.

Raha toa ka mahay mitsikera ny mpianatra dia hahomby kokoa izy amin'ny fiainany satria afaka mamaha ny ankamaroan'ny olana tonga eo amin'ny fiainany. Fa mety handreraka koa…satria mety hametraka fanontaniana maro be mikasika izay zavatra henony izy ary mety tsy hiombon-kevitra aminao indraindray. Fa masahia mampirisika azy mba hanana izany toetra izany!

Karazana fahaizana: Fahasalamana sy toetra tsara, eo anivon'ny isam-batan'olona ary ara-tsosialy.
Ohatra:

- Mianatra mba ho marina.
- Mianatra mihevitra ny hafa.
- Mianatra miaro-tena amin'ireo loza eto amin'izao tontolo izao.
- Mianatra mikarakara vatana.
- Mianatra ny mikiry hatrany manoloana ireo fanamby.
- Fahendrena.

Hevitra fanampiny: Ity dia fomba iray ahafahan'ny mpampianatra tsara manova ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fampianarana ireo mpianatra mba ho olona marina, mahitsy, be fitiavana, salama ary mahomby.

Karazana fahaizana: Ny ara-panahy.
Ohatra: Raha sekolim-pinoana ny sekolinao dia tokony hampianatra ny ankizy mba hanaraka ilay finoana arahin'ilay sekoly. Tafiditra amin'izany ny fanaovana fanompoam-pivavahana, vavaka, fianarana Soratra Masina, fanompoana ny fiaraha-monina na fanangonam-bola ho an'ireo anatin'ny fahantrana.
Hevitra fanampiny: Ho an'ny sekoly kristiana dia mety ho sarotra ny hampianatra ny ankizy mba tena hanana finoana ary hiaina amin'ny finoana fa tsy hahafantatra ny fisian'ny finoana fotsiny. Ny kristiana dia mino fa Andriamanitra dia nanome antsika safidy malalaka. Izany hoe ny finoana dia safidy – tsy afaka hoterena ny hino ny mpianatra.

Karazana fahaizana: Fahaiza-mamorona.
Hevitra: Ny fahafahana mamorona hevitra vaovao, ohatra amin'ny sehatry ny zava-kanto, asa, amin'ny fomba famahana olana na amin'ny mozika dia tena ilaina mba hahafahana mahomby . Maro ny olona no tsy manana toe-tsaina mivoatra ary tsy afaka mamorona fomba vaovao na fomba tsaratsara kokoa entina hanaovana zavatra iray. Ireo mpamboly dia manohitra mafy ny fanovana ny fomba fambolena nentin-drazana fantany na dia omena fomba vaovao izay hampitombo ny vokatra azony aza izany. Maro ireo lalana ahafahana manao asa ahazoana tombony be dia be eto Madagasikara nefa tsy misy manomboka.

Betsaka ireo karazana fahaizana mety hisy. Ny mpampianatra tsara dia hiezaka hampiditra karazana fahaizana samihafa amin'ny lesony. Misy oha-pitenenana iray milaza hoe ' Tsy hohadinonao mandrakizay ny fahaizana mitondra bisikileta'. Ny fahalalana sy ny fahazoana dia mora hadino fa ireo karazana fahaizana hafa kosa dia tadidy foana, indraindray mandritra ny fiainana manontolo mihitsy.

Fanontaniana/Questions

Fakafakao miaraka amin'ireo mpampianatra hafa ireto fanontaniana ireto ary soraty ny valin-teninao:

1) Inona ireo karazana fahaizana tsy noeritreretinao nefa afaka ampianarina any an-tsekoly mialohan'ny namakinao ity toko ity?

2) Inona avy ireo karazana fahaizana efa ampitaina ao amin'ny sekoly misy anao?

3) Inona avy ireo karazana fahaizana tianao ho hita bebe kokoa ao amin'ny sekoly misy anao?

4) Inona no zavatra nanaitra anao ary hitanao fa zava-dehibe tao anatin'ity toko ity?

5) *Fitsikerana:* Inona no zavatra tsy ekenao amin'ity toko ity? Nahoana?

4. Ahoana no fomba ahazoana fahalalana/How people learn

> *'Ny fanabeazana dia ilay mbola tafajanona ao an-tsaina na dia efa adino avokoa aza ireo zavatra nianarana.'* Psychologue B.F. Skinner

Somary sarotsarotra ny mahazo ny fomba hahaizan'ny olona. Ity toko ity dia hanazava fohifohy ny "neurosciences" ambadiky ny fianarana.

Fampifandraisana/Making connections

Mba hahaizan'ny olona zavatra iray dia mila mampifandray ny zava-baovao izany amin'ny zavatra efa hainy izy ary mamerimberina mametika izany zava-baovao hainy izany.

Ny "information" voatahiry ao amin'ny saintsika dia fitambatambarana hevitra maro izay nampifandraisana. Mba hahafahana mitadidy zavatra vaovao sy mitahiry izany dia mila mampifandray izany amin'ireo tahiry efa nananantsika isika.

Raisiko ohatra:

> 'Thurso dia anarana azo avy amin'ilay anarana fatan-daza "Thor". Taona maro taloha tany dia ny "Viking" no nonina tao'

Ho sarotra aminao ny hitadidy izany. Nefa raha izao no lazaiko:

> 'Thurso no anaran'ny **tanana** niaviko. Izany anarana izany dia azo avy amin'ny anaran'ilay **Andriamanitra ara-tantara (dieu mythique)** nantsoina hoe "Thor". Taona maro taloha tany dia ny **foko** iray antsoina hoe "viking" no nonina tao.'

Io dia mora tadidina kokoa. Efa afaka mampifandray io fahalalana vaovao io amin'ny fahalalana efa nanananao ianao. Fantatrao ny atao hoe tanana, andriamanitra ary foko, ka afaka mampifandray izany fahalalana vaovao izany amin'ny sainao ianao.

Tena ilaina ny miezaka mampifandray ny fahalalana vaovao amin'ireo fahalalana efa nananan'ireo mpianatra rehefa mampianatra. Maro ireo fomba mety hanaovana izany:

- Asehoy ireo fifandraisan'ireo fahalalana vaovao sy ireo fahalalana efa nananan'ireo mpianatra rehefa mampianatra ianao. Ohatra : raha mampianatra momba ny rafitra politikan'ny Afrika Atsimo ianao, dia tokony hampitahanao amin'ny rafitra politika efa mahazatra eto Madagasikara izany.
- Ataovy miara-miasa tsiroaroa ireo mpianatra milaza ny mampitovy sy ny mahasamy hafa zavatra roa, ohatra:
    - Inona no mampitovy sy ny mahasamy hafa ny "nombre premier" sy ny "entier"?
    - Inona no mampitovy sy ny mahasamy hafa ny "réaction chimique exothermique" sy ny "réaction endothermique"?
- Mampiasa sary (carte mentale) hampifandraisana ireo hevitra. Misy mpianatra tena tia ireny, misy kosa mankahala ireny. Ny fanehoana an-tsary dia famerenan-desona tena mahomby. Etsy ambany etsy dia misy fanehoana an-tsary mamehy ity toko ity.



Famerenana/ Repetition

Ny neuroscience dia milaza fa mizara roa ny fitadidiantsika:

Ny mémoire à court terme izay mitahiry fahatsiarovana ao anatin'ny fotoana fohy ary manadino avy eo.

Ny mémoire à long terme izay mitahiry fahatsiarovana ao anatin'ny fotoana maharitra.

Ny tanjontsika dia ny hamadika ireo zavatra ao amin'ny "mémoire à court terme" ho any amin'ny "mémoire à long terme". Toro-hevitra ho an'izany:

1) Fintino ireo hevi-dehibe tao amin'ny lesona eny am-pamarananana ny lesona. Afaka mametraka fanontaniana izay mila valian'ny mpianatra ianao na mila fakafakainy miaraka.
2) Asaivo mamerina ny lesona nianarany tany am-pianarana androtriny ny mpianatra rehefa any an-tranony. Mety amin'ny alalan'ny fanomezana azy fanontaniana atao enti-mody na manao "note" na manao "carte mentale" an'ireo hevi-dehibe. Raha mamerina izay zavatra vaovao nianarany ireo mpianatra anatin'ny 24 ora nianarany izany dia ho mora aminy ny hitadidy an'izany ela.
3) Rehefa manomboka lesona ianao, dia avereno ireo lesona taloha. Afaka manoratra fanontaniana fohifohy eo amin'ny solaitra be ianao ka mametraka izany amin'ny mpianatra rehetra na mampiasa fomba hafa izay hampandray anjara ny kilasy iray manontolo.
4) Ny fanaovana fitsapam-pahaizana kely (interrogation rapide) isan-kerinandro na fitsapam-pahaizana isam-bolana dia hamerina izay efa nianaran'ireo mpianatra ary hanampy azy

hanamafy ny “mémoire à long terme” ananany. Ireo mpianatra dia tokony hamerin-desona hiatrehany ny fitsapam-pahaizana.

5) Ny ankamaroan’ny fahalalana dia mila averina jerena mihoatra ny indray mandeha mba ho lasa any amin’ny “mémoire à long terme”. Tsara ihany koa raha averimberina matetika ary elanelanina tsikelikely ny fotoana ianarana izany. Raha ohatra ka mianatra zavatra vaovao aho ka mamerimberina izany in-dimy : 1) andro nianarana azy; 2) andro manaraka; 3) afaka herinandro 4) afaka 1 volana 5) afaka 3 volana, ho azo antoka kokoa fa ho tadidiko ao anatin’ny fotoana maharitra izany.
6) Ny fanaovana zavatra mampavitrika, toy ny fampianarana ireo fahalalana azo na ny famaliana fanontaniana mikasika ny lesona dia fomba famerenan-desona mahomby kokoa raha oharina amin'ny famakiana lesona fotsiny.
7) Farany, ny fahazotoana dia manova zavatra tokoa. Raha toa ka liana amin’ny zavatra ianarany ny mpianatra dia ho mora kokoa aminy ny hahay izany. Mila miezaka mitady fomba hisarihana ny mpianatra mba hianatra ianao.

Raha fehezina, tena zava-dehibe ny fampifandraisan’ny ankizy ny fahalalana azony amin’ny fahalalana efa ananany ary mamerimberina izany matetika mba hahaizany izany.

Fanontaniana/ Questions

1) Mieritrereta kely mikasika ny lesona izay hampianarinao amin’ity herinandro ity. Ahoana ny fomba hampifandraisanao ny fahalalana avy amin’izany lesona izany amin’izay zavatra efa hain’ireo mpianatra? *Ampiharo izany amin’ity herinandro ity.*

2) Mieritrereta kely mikasika ny kilasy iray izay ampianarinao. Inona no eritreretinao hatao mba hahatonga ireo mpianatra hamerina matetika ireo fahalalana vaovao noraisiny? Inona no “activité” hampiasainao? *Ampiharo izany amin’ity herinandro ity.*

3) Miezaha manao fanehoana an-tsary (carte mentale) ny lohahevitra iray izay hampianarinao. Rehefa vonona ianao, ampianaro manao toy izany ny mpianatrao. Ary ataovy manao fanehoana an-tsary lohahevitra iray efa nampianarinao izy ireo – fa tsy maka tahaka ny anao. Tokony ho samy hafa avokoa ny an’ny tsirairay.

4) *Fitsikerana:* Ahoana no hahafantaranao fa ny fanovana hampiharinao amin’ny lesonao dia hampivoatra ny fahaizan’ireo mpianatra?

5. "Apprentissage actif"/Active Learning

'Izay henoko, hadinoko'
'Izay hitako, tadidiko'
'Izay ataoko, azoko' Ohabolana sinoa

Activité/Activity

1) Ataovy sary an-tsaina kely ireo kilasinao. Mandritra ny lesona, inona no ataon'ireo mpianatrao? Mifidiana amin'ireto hevitra manaraka ireto ary ampio amin'ireo hevitrao manokana :

Matory	Manonofy atoandro	Mitabataba
Mihaino	Mandika izay soratanao	Mamaky teny
Mijery sary na "schémas"	Mijery horonan-tsary	"Excursion éducative" (ohatra:mankany an-tsena)
Mijery "démonstration"	Mamaly fanontaniana	Mandray anjara mavitrika amin'ny sahanasa
Miara miasa amin'ireo mpianatra hafa	Manamboatra modely (modélisation)	Manao fikarohana mikasika ilay lohahevitra (fa tsy tolorana fotsiny)

2) Saintsaino kely ireo fotoana hanaovanao "activité" miaraka amin'ny mpianatrao, izay hahazoanao valin-teny avy amin'izy ireo. Ohatra: mametraka fanontaniana amin'izy ireo ianao.
a) Rehefa mamaly ny fanontaniana apetrakao ireo mpianatra dia firy amin'izy ireo no mandray anjara? Iray? Roa? Ny mpianatra rehetra?
b)Raha tsy ny mpianatra rehetra no mandray anjara dia inona kosa no ataon'ireo mpianatra sasany?

3) *Fitsikerana:* Diniho kely ireo "activité" tao amin'ny fanontaniana 1). Inona amin'ireo no hitanao tena ilaina mba hahaizana? Nahoana?

Apprentissage traditionnel/Didactic learning

Ny ankamaroantsika dia niaina tamina mpampianatra izay nampiasa fomba fampianarana nentim-paharazana na "traditionelle". Wikipedia[1] dia nanome famaritana mahakasika izany : Amin'ny "méthode d'enseignement traditionnelle", ny mpampianatra dia manolotra fampianarana ho an'ny mpianatra ary ny mpianatra dia saika mihaino fotsiny. Izy io dia fomba fampianarana mifantoka amin'ny mpampianatra ary mirona amin'ny votoatin'ny lesona. Ny votoatin-kevitra na ny fahalalan'ny mpampianatra dia tsy azo iadian-kevitra.

Mandritra ny fizotry ny fampianarana, ny mpampianatra dia manome toromarika, baiko, manatitra ny votoatin'ny lesona ary manome ny fahalalana vaovao rehetra ilaina. Ny zavatra ataon'ny mpianatra dia ny mihaino sy mitadidy ireo votoatin-kevitra... "cours magistral" izay anisan'ny fomba fampianarana tena ampiasaina.'

[1] https://en.wikipedia.org/wiki/Didactic_method

Anatin'ny kilasy "traditionnel" dia mety tena hahay ny mpianatra sasany. Fa maro ihany koa no manonofy atoandro, tsy mifantoka, manao hadaladalana, izany hoe tsy mandray na mahazo lesona izy ireo. Izany no mahatonga ny fikarohana momba ny fampianarana sy fianarana maneho fa ny fampianarana "traditionelle" dia anisan'ny fomba fianarana tsy mamokatra indrindra.

Ity tabilao manaraka ity dia maneho ny isan-jaton'ny "information" voarain'ny mpianatra ampianarina amin'ny fomba samy hafa:

	Fomba fampianarana	**Isan-jaton'ny "information" voaray**
Traditionelle	Lahateny	5%
	Famakiam-boky	10%
	Mijery horonantsary na "presentation"misy sary	20%
	"Démonstration"	30%
active	"Discussion de groupe"	50%
	Fampiharana izay voarakitra ao anatin'ny lesona amin'ny alalan'ny fanaovana izany.	75%
	Mpianatra mampianatra mpianatra hafa	90%

Io tabilao io dia manambara amintsika fa raha tiana hivoatra ny fihazonan'ny mpianatra "information" dia mila "actif" kokoa ireo mpianatra mandritra ny lesona. Tena sarotra ny manafoana io fomba fampianarana "traditionnelle" io, misy zavatra mila hambara amin'ireo mpianatra fotsiny ary raha tsy misy boky fampianarana tsara azo ampiasaina, ireo mpianatra dia mila mandray an-tsoratra izay zavatra ianarany mba hahafahany mamerina izany avy eo. Na izany aza dia mampirisika anareo hatrany aho mba hampitombo tsikelikely ny fampiasanareo ny fomba fampianarana "active".

Tsy ho vitako ny hampianatra ka tsy hampiasa fomba fampianarana "traditionnelle" mihitsy. Ny mpianatra dia mila lesona tsara ho raisiny any anaty kahieny ary misy zavatra tena sarotra ampianarina raha tsy mampiasa lahateny. **Na izany aza ny fampianarana "traditionnelle" dia afaka ny ho voarain'ny mpianatra ihany amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra "active".** Ohatra: Afaka ampanaovina "prise de note active" ny mpianatra mba hamadihana ny ankamaroan'ireo sahanasa miendrika "traditionelle" ho lasa "active".

Apprentissage actif/ Active learning

Ny tahirin-kevitra[2] iray dia namaritra ny "apprentissage actif" ho:

- Fahazoana fahalalana amin'ny alalan'ny fandraisana anjara na fanolorana hevitra.
- Ny fomba hitazomana ny mpianatra mba havitrika ara-tsaina ary matetika ara-batana amin'izay zavatra ianarany amin'ny alalan'ireo "activité" izay hahatonga azy hanangona hevitra, hieritreritra ary hamaha olana.
- Fomba entina hampanaovana ny mpianatra "activité" izay tsy maintsy hanosika azy hikaroka hevitra sy hieritreritra ny fomba hampiasainy ireo hevitra ireo.
- Fitakiana ny mpianatra mba hanombana tsy tapaka ny fahazoany sy ny fahaizany ny hevitra resahina na mamaha olana amina taranja iray.

[2] Inona no manaporofo fa mandaitra ny fampianarana mavitrika?, Joel Michael, revue sur les progrès de l'education en physiologie, 30: 159-167, 2006

Ny “apprentissage actif” dia mampandray anjara ny ankaramoan’ny mpianatra ao an-dakilasy amin’ny fianarany. Ireo sahanasa atao dia harafitra mba hahatonga ny mpianatra rehetra hieritreritra sy hamakafaka “information”. Betsaka ireo tombony azo avy amin’izany:

- Afaka mampiakatra hatramin’ny 15% ny naotim-panadinan’ny mpianatra.
- Mampifantoka bebe kokoa ny mpianatra.
- Manatsara ny fihazonana ny fahalalana.
- Manampy ny mpianatra mba hahay hianatra irery (fa tsy tolorana).
- Mahatonga ny fianarana mahafinaritra kokoa.
- Mampianatra fahaiza-manao hafa ankoatra ny fandikana, fihainoana ary fitadidiana fotsiny.

Ny fianarana mampianatra amin’ny fomba mampavitrika ny mpianatra dia mila fotoana, indrindra raha mbola tsy niaina izany mivantana ianao. Fa mendrika ny hanaovana ezaka!

Activités pour l’apprentissage actif/Active learning activities

Ity fizarana manaraka ity dia hanome anao karazana “activités” izay afaka ampiasainao any an-dakilasy mba hampavitrika ny mpianatrao. Rehefa nanandrana ny sasany amin’ireo ianao dia manandrama hafa indray ary mamorona “activité” hafa izay mifanaraka amin’ny taranja ampianarinao.

« Penser, Apparier, En groupe de 4, Partager »/ Think Pair Square Share

Matetika rehefa mametraka fanontaniana ao an-dakilasy dia toy izao ny fisehoany:

> *Mpampianatra:* 'Jack, mba lazao amiko ny fomba niforonan’ny tendrombohitra?'
> *Jack:* [taitra tamin’ny torimaso] 'Azafady ramose, afaka averina ve ilay fanontaniana?'
> *Mpampianatra:* 'Ahoana no niforonan’ny tendrombohitra?'
> *Jack:* [menamenatra sady mifoha tsara] 'Avy amin’ny alalan’ny orana ramose.'
> *Mpampianatra:* 'Diso. Lili, inona ny valiny?'

Fa amin'ny "Penser, Apparier, En groupe de 4, Partager" dia ny *kilasy iray manontolo* no mamaly ny fanontaniana:

> *Mpampianatra:* 'Tiako ianareo rehetra samy hieritreritra ny fiforonan’ny tendrombohitra'
> [Manomeza 1 minitra hieritreretany, soraty eo amin’ny solaitra be ilay fanontaniana]
> *Mpampianatra:* 'Izao dia makà namana iray ary lazao azy izay rehetra fantatrao mahakasika ny fiforonan’ny tendrombohitra.'
> [Manomeza 2 minitra hiresahany, mifampizara izay hainy ny mpianatra. Raha misy ankizy tsy misy namana dia ataovy miaraka tsitelotelo izy izy ireo]
> *Mpampianatra:* 'Izao dia miaraka tsiefatrefatra ary zarao izay noresahinareo'.
> [manomeza 2 minitra hiresahana ny mpianatra hizarany izay resaka efa nataony. Raha misy anankiroa tsy tafiditra amin’ny groupe tsiefatrefatra dia ataovy miaraka tsieninenina]
> *Mpampianatra:*'Groupe 1, ilazalazao izay zavatra noresahinareo aho'
> [Group 1 mizara, matoky tena satria efa nifampizara tamin’ireo namany indroa. Ny mpampianatra manitsy raha misy diso, na manome fampaherezana raha marina]
> *Mpampianatra:* 'Groupe 2, lazalazao aminay hoe ny andinindin’ny resakareo teo'

Araka izao hitanao izao, ity “méthode” ity dia mahatonga ny mpianatra rehetra ho tafiditra amin’ny resaka atao mahakasika ilay fanontaniana ary mety na firy na firy ny isan’ny mpianatra!

Ity “méthode” ity ihany koa dia mahatonga ireo mpianatra saro-kenatra hahasahy hiteny manoloana ny mpianatra rehetra. Rehefa avy miresaka momba ny valin-teniny amin’ny namany izy ireo dia matetika matoky tena kokoa raha hizara ny valin-teniny amin’ny mpianatra rehetra.
Afaka dinganinao ilay firesahana tsiroaroa na ilay tsiefatrefatra raha te hitsitsy fotoana ianao.

Ankihibe/Thumbs



Ity manaraka ity dia “activité” tena tsara hanaovana ireny “marina sa diso” ireny. Mety hitsapana tsara ny fahazoan’ny mpianatra ihany koa ity “activité” ity, hijerena raha azon’ny mpianatra ny lesona na tsia.

Ireo mpianatra dia afaka manambara ny heviny aminao sy amin’ny mpianatra rehetra amin’ny alalan’ireto fihetsika manaraka ireto:

Ohatra:
Mpampianatra: 'Marina sa diso: Durban dia renivohitry Afrika Atsimo? Tiako ianareo raha hieritreritra ao anatin’ny 10 segondra ary avy eo ataovy manondro ambony ny ankihibenareo raha marina, antongilano raha tsy hainao ary ataovy manondro ambany raha diso.'

[Avy eo ny mpampianatra mandinika ny mpianatra rehetra, mijery ny valiny ary manasa ireo mpianatra mba hampiseho mazava ny safidiny raha toa ka tsy hitan’ny mpampianatra tsara izany. Amin’ny farany dia lazainy amin’ny mpianatra ny valiny marina]

Mpampianatra: 'Asehoy ahy ny fahazoanareo ny lesona androany. Ankihibe manondro ambony midika hoe mazava tsara, mihilana midika hoe eo eo ary ambany midika hoe tsy azonao mihitsy'.

[Avy eo dia mijery ny mpianatra rehetra ny mpampianatra mba hijery ny valiny. Raha tsy nanondro ambony ny ankihiben’ny mpianatra dia mametraka fanontaniana fanampiny indray ny mpampianatra: 'Inona no tsy azonao?'. Izany dia hanampy ny mpampianatra amin’ny fanomanana lesona hanampiana ireo mpianatra amin’ny manaraka na raha ohatra ka fahadisoan-kevitra tsotra fotsiny izany dia mba hanitsiany izany avy hatrany]

Tsara raha ampiasaina izany mba hamantarana haingana raha nanaraka ilay lesonao ireo mpianatra amin’ny faran’ny lesona! Aza malahelo raha tsy azon’ny mpianatrao tanteraka ny lesonao. Indraindray manahirana ny lohahevitra ary tsy ny mpianatra rehetra no hahazo tanteraka izany. Misy fotoana kosa mety tsy nety ny fanazavanao ilay lesona ka mila mieritreritra fomba hafa tsara kokoa hanazavana izany ianao.

Aotra hatramin’ny dimy (0 à 5)/Fist to five

Mitovitovy amin’ilay fampiasana ankihibe fa betsaka kokoa ny karazana valiny afaka atolotra amin’ny alalan’izany ka mahatonga an’ity “activité” ity mety ampiasaina amina toe-javatra samihafa.

Maneho ny isa 1-5 amin'ny tanany iray (na 1-10 amin'ny tanany roa) ireo mpianatra.

Betsaka ireo fomba azo ampiasaina izany:
1) Entina hamaliana andiam-panontaniana (QCM), iarahan'ny mpianatra rehetra. Ohatra : Inona no TSY ilaina amin'ny fandrehetana afo:
1) oxygène
2) rano
3) solika
4) Hafanana
(Ny valiny dia 2)

2) Mba hamaliana fanontaniana hanomezana isa, ohatra firy ny 5x2-1? (ny valiny dia 9). Io no "activité" voalohany matetika ataoko rehefa avy mampianatra "équation physique", ohatra: F=ma; raha 5kg ny "masse" ary 0.4 m s^{-2} ny "accélération", firy ny "Force"? (Ny valiny dia 2 Newtons)

3) Mba hanehoanao ny hamafin'ny fihetseham-ponao momba ny zavatra iray, ohatra: Manao ahoana ny fitiavanao an'ny Toamasina, raha 1= halanao, 3= "neutre", 5= Tianao be.

4) Mba hamantarana ny anaran'ny fizarazaran'ny "schéma" iray, ohatra: fanehoana an-tsary ny sela (schéma d'une cellule) amin'ny biolojia. Manorata lisitra arahana tarehimarika ny anaran'ny faritra samihafa amin'ny sela. Raha mety, hampandraiso anjara amin'ny alalan'ny fanontaniana ireo mpianatra ka anontanio azy ny anaran'ny faritra rehetra amin'ny sela. Avy eo dia manaova sarina "cellule" ka isaky ny mahavita ny sarin'ny faritra iray amin'ilay "cellule" ianao dia asaivo asehon'ny mpianatra anao ny tarehimarika manome ny anaran'ilay faritra nataonao sary.

Raha sarotra be ilay fanontaniana napetrakao dia afaka akambanao amin'ilay « Penser, apparier, en groupe de 4, partager » (TPSS) ity "activité" ity.

Fanaovana modely (modélisation)/Modelling

Matetika dia sarotra ny mahazo ny fomba fiasan'ny zavatra tsy hitantsika maso. Ohatra: Ny endriky ny sela, ny toetoetrin'ny "volcan". Matetika dia ny "modely" no entina hanehoana izany.

Ny modely dia fanehoana tsotsotra ny zavatra tena misy. Ohatra ireny fiara kely kilalao ireny dia modelin'ny fiara tena izy. Misy lafiny itovizany. Samy misy kodiarana, misy vatana sy varavarankely. Samy afaka mandeha eny amin'ny arabe. Betsaka koa ny mahasamy hafa azy. Tsy misy motera. Tsy misy familiana. Tsy misy jiro.

Ny fiara kilalao dia afaka entina hampianarana ny endriky ny fiara tena izy amin'ny olona mbola tsy nahita fiara hatramin'izay. Manome fahafahana ny olona iray hikasika sy hahita. Manampy azy hieritreritra ny fiasan'ny fiara sy ny endriny.

Mety efa mampiasa modely ihany ianao rehefa mampianatra, matetika "schéma" natao tanana izany. Fa eto kosa dia ny modely "*actif*" no horesahiko, ny mpianatra dia handray anjara amin'ny fanaovana ilay modely, izy ireo mihitsy no hanao ilay modely na ho tafiditra amin'ilay modely ny tenany.

Ohatra iray: olik'aratra (circuit électrique) misy vatoaratra (pile) sy takamoa (ampoule). Ity ohatra ity dia natao sary amin'ny fonin'ity boky ity.
Teoria: Ny électron dia mandeha mihodidina ny "circuit électrique" izay misy "pile", ka mandeha avy any amin'ny miabo (positive) mankany amin'ny miiba (negative).
Ilay modely:
1) Manaova "circuit électrique" tena izy, misy "pile", "fil" ary "ampoule" mirehitra mba hojeren'ny mpianatra (raha mety).

2) Omeo vato kely avokoa ny mpianatra tsirairay, na taratasy miforiporitra tahaka ny baolina.

Ilay vato na taratasy dia endriky ny "électron".

3) Ataovy mitsangana manao boribory ny mpianatra. Mety mila mankany ivelan'ny efitrano fianarana ianareo mba halalaka tsara ny toerana.

4) Apetraho eo amin'ny tanan'izy ireo havia ilay "électron". Lazao izy ireo mba **tsy** hanetsika ny tanany havia.

5) Lazao izy ireo mba handray ilay "électron" amin'ny tanany havanana, ary hamindra izany eo amin'ny tanana havian'ny olona eo an-kavanany. (Mijoroa eo amin'ilay boribory ary asehoy azy ireo ny fanaovana izany). Izany dia hampita ny "électron" eny an-tanan'izy ireo amin'ny olona manaraka.

6) Rehefa azon'izy ireo ny tiana hatongavana, asaivo hafindrany ny électron eny an-tanany rehefa miteny ianao hoe: "ampitao"

7) Ampitapitao foana ilay "électron" mandra-pahazoan'ireo mpianatra ny fandehan'ny "électron" ao anaty taribỳ.

8) Mbola afaka hitarina toy izao izany fanoharana izany:

- Maka mpianatra iray manao ny asan'ny "interrupteur" – izay miteny hoe 'areheto' sy hoe 'vonoy' mba hanombohana sy hanajanonana ilay fandehanan'ny électron (miaraka amin'ny tosika kely avy any amin'ny mpampianatra).
- Afaka asiana mpianatra iray hafa manao "pile" – avadiho ilay "pile" dia hizotra amin'ny lalana mifanohitra tamin'ilay teo ireo "électron".
- Ampiakaro ny hafainganam-pandehan'ny famindrana ireo "électron" - izany dia hampiakatra ny herin'ny rianaratra (courant).
- Asio mpianatra anankiray manisa ny "électron" mandalo amin'ny toerana iray. Izany dia tahaka ny mampiasa "coulombmètre" izay manisa ny habetsahan'ny "charge" mandalo amin'ny toerana iray.

9) Manaova “schéma” an’ izany “circuit” izany mandritra ilay “activité” mba hahafahan’ireo mpianatra mampifandray ilay sary amin’ilay modely sy ilay “circuit” tena izy.

10) Fakafakao miaraka amin’ireo mpianatra ny mampitovy sy ny mahasamy hafa izany fanoharana izany amin’ny tena izy:

> Mampitovy: ireo “électron” dia mandeha avy any amin’ny – mankany amin’ny +; rehefa vonoina ny “interrupteur” dia tsy mihetsika ireo “électron”.
>
> Mahasamy hafa: betsaka kokoa ny isan’ny “électron” amin’ny tena fiainana; betsaka kokoa ny isan’ny 'mpitondra “électron”' anatin ‘ny taribỳ tena izy; Miadana be ny hafainganam-pandehan’ny “électron” amin’ny olika tena izy.

11) Manontania mpianatra hoe 'Inona no asanao amin’ity modely ity?'. Ny valiny marina dia taribỳ (fil).

Famintinana/Summary

Ny modely dia fitaovana tena mahomby tokoa amin’ny fanampiana ny mpianatra mba hahazo ireo zavatra tsy hitany maso.
Misy karazany telo ny modely:

- Ny modely atao sary an-taratasy.
- Ny modely dia mety ho zavatra azo tsapain-tanana tahaka ny fiara kilalao. Tena tsara ho an’ny mpianatra ihany koa raha toa zarazaraina ho tarika izy ireo ka samy miaraka manamboatra modely.
- Ny modely dia afaka mampiasa olona, tahaka io modelin’ny “circuit électrique” etsy ambony io.

Eritrereto: Inona no modely azonao ampiasaina amin’ny taranja ampianarinao? Miezaha mieritreritra modely azo ataon’olona maro miaraka, na modely hahafahan’ny kilasy iray manontolo mandray anjara. Miresaha amin’ireo mpampianatra hafa ary manandrama mampiasa modely amin’ny lesona.

Fametrahana fanontaniana/Questioning

Ny fanomezana ny mpianatra lisitra fanontaniana maromaro dia manampy ny mpianatra mba hiditra tanteraka amin’ilay lohahevitra ary hahay ireo teboka lehiben’ny lesona. Rehefa avy mampianatra amin'ny fomba "traditionnelle" ianao dia tokony hanokana fotoana any am-pamaranana ny lesona mba hamalian'ireo mpianatra fanontaniana mikasika ireo hevi-dehiben’ny lesona. Izany dia hahatonga ireo mpianatra hamerina ireo teboka lehibe noresahina tamin’ny lesona ka hanamafy ny fitadidiany izany.

Fanamarihana kely mikasika ny famoronana fanontaniana:

- Asio fanontaniana mora izay mamerina ireo hevi-dehiben’ny lesona.
- Aza fanontaniana izay mahatonga ny mpianatra hamerina fahalalana fotsiny ihany no apetraka. Fa mametraha fanontaniana sarotra kokoa izay hampieritreritra ny mpianatra. Jereo ilay toko manaraka mikasika ny sokajin’i Bloom.
- Tadidio fa betsaka ireo fanontaniana izay tsy misy valiny iray marina na misy valiny marina mihoatra ny iray. Zavatra roa tsikaritro teto Madagasikara:

  - Mpampianatra izay mandiso ny mpianatra raha mampiasa fomba hafa kanefa marina izy hamahana olana amin'ny matematika. Fomba ratsy izany!
  - Afaka manome naoty ratsy ny mpampianatra amin'ny "art" raha nampiasa ny fitiavany mamorona ilay ankizy fa tsy nandika an'ilay sary nataon'ny mpampianatra. Fomba ratsy izany!
- Asio fanontaniana sarotsarotra kokoa anankiray na roa any amin'ny faran'ilay lisitra fanontaniana mba hampieritreritra ireo mpianatra mahay kokoa.
- Fanomezana modelin'ny valim-panontaniana: Matetika sarotra loatra ho an'ireo mpianatra ireo fanontaniana sarotsarotra amin'ny fotoana voalohany hametrahanao izany. Mety tsy maintsy hanampy azy ireo ianao mba hahaizany ny fomba tokony hamakafakana sy hamaliana ireo fanontaniana sarotsarotra ireo.
- Ny *"Question ouverte"* dia mety hahazoana valiny maro ('Lazalazao ahy hoe nanao ahoana ny andronao'), ary ny *"Question fermée"* dia iray ihany ny valiny ('Inona no anaran'ny renivohitry Madagasikara?'). Miezaha mametraka "question ouverte" rehefa mampianatra ianao.

Fandaharana karatra/Card sort

Ny ankizy dia mora mahay amin'ny alalan'ny kilalao. Ny fandaharana karatra dia kilalao izay hangalana ny mpianatra karatra maromaro ka mampifandray izany.

Amin'io ohatra eo ambany io, ny mpianatra dia tokony hanapaka io taratasy io manaraka ireo tsipika ireo ary mampifandray ireo teny ireo amin'ny famaritana azy:

Fanaovana modely	Ny mpianatra rehetra dia afaka mamaly fanontaniana amin'ny alalan'ny tanany.
"Penser-Apparier-En groupe de 4-Partager/TPSS	Manasa ny mpianatra hamaly ireo fanontaniana anatin'ny kahieny.
Aotra ka hatramin'ny dimy (0 à 5)	Namboarina mba hanampy ny fahazoana Sistema sarotra na tsy hita maso.
Ankihibe	Fanomezana rafitra hanampiana ireo mpianatra somary votsavotsa na hanampiana amin'ireo fanontaniana sarotsarotra.
Fametrahana fanontaniana	Mieritreritra irery ireo mpianatra, avy eo mampita izany amin'ny namany, mizara izany amin'ny vondrona mpianatra efatra ary amin'ny farany mizara izany amin'ny mpianatra iray manontolo.
Échafaudage	Fomba hahafahan'ny mpianatra milaza hoe marina/diso na hanambarana ny fahazoany ny lesona.

Afaka manamboatra karatra soratana an-tànana ianao na manonta ka asaivo hetezan'ny mpianatra izany.

Mila fotoana lavalava ihany ny fanamboarana karatra, kanefa afaka manonta izany ianao ary manao "plastification". Rehefa vita izany dia asaivo angonin'ireo mpianatra izany ka akambany amin'ny "trombone" izany na ataony anaty valopy. Afaka averinao ampiasaina izany amin'ny fotoana

manaraka. Raha voarindranao tsara ny fanaovana izany dia hankafỳ io sahanasa io ireo mpianatra ary ho hitan'izy ireo fa mety tsara hamerenan-desona izany.

Échafaudage/Scaffolding

Ny "échafaudage" dia teknika ampiasain'ny mpampianatra mba hanamora ny hamalian'ny mpianatra fanontaniana iray na ny hamahany olana.

Matetika dia sahirana ny mpianatra rehefa tsy maintsy hamaly fanontaniana mitaky valiny lava na mitaky fanarahana dingana maromaro. Ny fanaovana "échafaudage" dia mizarazara ny "tâche" ho kelikely kokoa, ho asa mora atao kokoa ka afaka ny hahavita izany ireo mpianatra sahirana nanao izany.

Ohatra: Diniho kely ity fanontaniana mikasika famoronan-dahatsoratra ity 'Manorata lahatsoratra iray pejy mikasika ny famokarana herinaratra eto Madagasikara. Ary manomeza toro-hevitra mikasika ny famokarana herinaratra amin'ny ho avy'.

Ireo mpianatra somary votsavotsa dia ho sahirana ary tsy hahafantatra ny tokony hanombohany izany. Ampio izy mba handrafitra ny valim-panontaniany amin'ny alalan'ny fizarazarana ny asa tokony hataony. Ireto fanontaniana manaraka ireto dia afaka hapetrakao amin'izy ireo mba hanampiana azy:

a) Inona avy ireo karazam-pamokarana herinaratra eto Madagasikara?
b) Ho an'ireo karazam-pamokarana herinaratra isany avy, soraty:
    i) Ny tanjaky ny herinaratra vokariny.
    ii) Inona avy ireo lafiny tsara sy ratsy mikasika io fomba famokarana io.
    iii) Aiza no ahitana io karazana famokarana herinaratra io.
c) Fakafakao ireo lafiny tsara sy ratsy mikasika ny fomba famokarana herinaratra tsirairay.
d) Manomeza hevitra hanatsaran'i Madagasikara ny famokarany herinaratra amin'ny ho avy.

Anisan'ny fomba fanaovana io "échafaudage" io ny fanaovana "fenoy ny banga", izay tena mety amin'ny famerenana ireo hevi-dehibe ary fampianarana voambolana. Ohatra: Ny _____ dia tahaka ny gidro, fa eto Madagasikara kosa no ahitana azy.

Betsaka ireo fomba ahafahana manao io "échafaudage" io.

Fady

Kilalao hafa koa. Ity kosa dia natao hianarana teny sy ny dikany.

1) Ataovy lisitra amin'ny taratasy ireo teny tokony ho hain'ireo mpianatra.

2) Miantsoa mpianatra mahay iray mba ho eny aloha. Omeo teny iray izy ary asaivo hazavainy (amin'ireo mpianatra rehetra) ny dikany. Raha sahirana ilay mpianatra, toroy hevitra amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana izay hamerina ny fitadidiany izy. Ny teny izay hazavain'io mpianatra io dia fady izany hoe tsy azony atao ny manonona ilay teny.

3) Ny iray kilasy kosa mamantatra ilay teny ka mihiaka ny valiny na mananga-tanana.

4) Mifidiana indray mpianatra hafa ary omeo teny hafa izy. Afaka mifidy ilay mpianatra izay nahamarina ilay fanontaniana teo aloha ianao, fa kendreo mba ho mpianatra samy hafa no handray anjara.

Laharana fanehoan-kevitra/Opinions line

Ny mpianatra dia tia milaza ny heviny mikasika lohahevitra iray, ary ity “activité” ity dia fomba tsara hitarihana resaka amin’ny mpianatra.

Hevero ity fanontaniana ity 'Moa hitanao fa tsara ny asa fanabeazana ataon’ny fanjakana eto Madagasikara?'

Ataovy mitsangana eo amin’ny faritra ankavia ny efitrano fianarana ireo mpianatra izay mankasitraka ny asa ataon’ny fanjakana, ary eo amin’ny ankavanana izay mahita fa ratsy ny asany. Ary ireo mahita fa eo eo ihany ny asa vitany dia tokony hitsangana eo afovoany.

Avy eo dia asaivo miresaka momba ny antony mahatonga azy mihevitra izany amin’ireo namany manodidina azy ilay mpianatra.

Ary farany, mifidiana mpianatra iray hizara ny heviny amin’ireo hafa. Tokony hiezaka handresy lahatra ireo mpianatra hafa mba hanaiky ny heviny izy ka hifindra toerana any amin’izay mifanaraka amin’izany ireo mpianatra raha niova ny heviny.

Ny mpampianatra kosa dia mila mitandrina tsara mba hamoaka hevitra voalanjalanja na tsy manambara hevitra mihitsy amin’ny fanontaniana mety hiteraka disadisa toy ilay teo.

« Prise de note active »/Active note taking

Ampiasao ho solon’ny fanaovana lahateny na famakiana boky ity « méthode » ity mba hampavitrika ny fianarana.

1) Asaivo mandray an-tsoratra ireo teboka lehibe voarakitra ao anatin’ny lahatateny ataonao na zavatra vakiany ireo mpianatra.

2) Asaivo milaza ireo hevitra izay hitany fa manan-danja ireo mpianatra. Soraty ireo hevitra marina. Ny mpianatra rehetra dia tokony hihaino an’ireo valin-teny avy amin’ireo mpianatra hafa ary hijery raha voarainy an-tsoratra avokoa ireo hevi-dehibe.

3) Fenoy raha toa ka misy hevitra tsy voalazan’izy ireo.

Izany dia hanampy ireo mpianatra somary votsavotsa mba hahita ireo hevi-dehibe fa ireo mpianatra mahay kosa dia hahavita hamantatra izany irery.

Raha toa somary votsavotsa ireo mpianatra dia azo atao ihany koa ny mandika ny lesona ary mamela banga eo amin’izay tokony ho toeran’ny teny manan-danja ka asaina fenoin’izy ireo izany. Raha sarotra amin’ireo mpianatra ny mameno ireo banga dia omeo lisitra misy teny afaka ampiasainy hamenoana izany izy. Aza hadino ny manome azy ireo ny valiny marina eny am-pamaranana ny lesona mba ho marina ny lesona any anaty kahieny.

Lalao/Play

Ny lalao dia zava-dehibe amin'ireo ankizy, indrindra ho an'ireo ankizy izay mbola any amin'ny akany fibeazana. Amin'ny alalan'ireo lalao kivarivary no ahafahan'ireo ankizy mamantatra ny tenany sy izao tontolo izao, ahafahany maneho ny heviny mahakasika ny olana eo amin'ny fiainana sy mamolavola ireo fahaiza-miaina takian'ny fiaraha-monina sy fahaizana mieritreritra ary mamerina ireo fahalalana sy fahaiza-manao efa nananany.

Ho an'ny mpianatra rehetra, ny lalao dia miteraka fahazotoana ary manome tombontsoa lehibe hianarana sy hanaovana famerenana. Ho an'ireo mpianatra lehibe kokoa, ny 'filalaovana' "nombre", hevitra na teny dia afaka manampy ireo mpianatra mba hahafehy bebe kokoa ny taranja iray. Ny fanandramana zavatra ary ny fijerena izay mitranga dia manampy ny olona mba hahafehy izany haingana.

Ny mana-pahaizana dia milaza fa ny ankizy madinika dia tokony hanana tombontsoa hilalaovana anatin'ny ora iray any an-tsekoly. Afaka manome lohahevitra hitarihana ilay lalao ny mpampianatra amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo fitaovana tsotsotra mifandray amin'izany, fa ireo ankizy dia mila manana fahafahana mamorona ary milalao araka izay tiany. Raha toa ka tsy mahazatra azy ireo ilay lohahevitra dia mety tsy tena handray anjara amin'izany izy ireo.

Ho an'ireo ankizy madinika, azonao atao ny mampiditra lohahevitra iray, ohatra "mpamboly" ary avy eo, manome fitaovana vitsivitsy mifandray amin'izany, ohatra, tapa-kazo izay endriky ny voly na sampan-kazo endriky ny fitaovana fambolena, ka mamela ireo ankizy milalao avy eo. Tsy voatery ho avo lenta ny fitaovana omena azy ireo , ilay ankizy maka sary an-tsaina izany no zava-dehibe.

Amin'ny maha mpampianatra anao dia tokony handray anjara amin'ny kilalao ataon'izy ireo ianao, asaivo manoritsoritra izay mitranga ao izy ireo na miaraha milalao aminy. Raha mampianatra Frantsay ianao dia asaivo milalao amin'ny teny frantsay izy ireo, fa aza hadino ny mampahafantatra azy ireo teny ilainy amin'izany mialohan'ilay lalao!

Afaka asianao hira, tsianjery, dihy, kilalao, horonan-tsary, fanaovana asa-tanana ny lesonao. Afaka entina hisarihana ny mpianatra hampiasa ny fahaiza-mamorona ananany ireo rehetra ireo, ohatra, asaina mamorona hira vaovao iray izay mampianatra teny frantsay vitsivitsy na dihy maneho ny fitomboan'ny zava-maniry izy. Ny fanaovana asa tanana dia hanampy ireo mpianatra mba hampivoatra ny fahaizany mampiasa ny tanany ary izany dia fahaiza-manao mila ianaran'ireo ankizy madinika. Ary raha omenao azy ny fahalalahana mamorona zava-kanto vaovao dia hitombo ny fahaizany mamorona.

Famintinana/Summary

Ho an'ny ankamaroan'ny mpampianatra eto Madagasikara, ireo "activité" ato amin'ity toko ity dia hiteraka fiovana lehibe amin'ny fomba fampianarany. Hila fotoana lavalava ianao vao tena afaka hampihatra ireo hevitra rehetra avy amin'ity toko ity. Miezaha mampiasa azy ireo tsikelikely- Aza mieritreritra hoe tsy maintsy hanova ny zavatra rehetra indray mandeha ianao!

Maro ny fomba hampandraisana anjara ny mpianatra bebe kokoa izay hampavitrika azy ao an-dakilasy. Ny fampandraisan'anjara mavitrika ireo mpianatra mandritra ny lesona dia hampitombo be dia be ny fahafinaretana sy ny fandraisany anjara, hampianatra karazana fahaiza-manao maro kokoa azy ireo ary hanatsara ny fitadidiany lesona. Mendrika ny hanaovana ezaka bebe kokoa izany.

Fanontaniana/Questions

1) Rehefa avy namaky ity toko ity ianao, inona no maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana maromaro sy fanaovana “activité active”?
2) Inona amin’ireo fomba fianarana “active” ireo no hitanao mora ampiasaina? Manaova planina hampiharana izany amin’ny lesona hampianarinao amin’ity herinandro ity.
3) Inona amin’ireo fomba fianarana “active” ireo no hitanao sarotra ampiasaina ao an-dakilasy? Nahoana?
4) Mbola maro ireo fomba fianarana “active” ankoatra ireo, ny sasany mety efa nampiasainao. Mahita hafa ve ianao?
5) *Fitsikerana:* Inona ireo lafiny tsara sy lafiny ratsy amin’ny “apprentissage actif”?

6. Ny sokajin'i Bloom/Bloom's Taxonomy

'Izay mahasahy mampianatra dia tsy tokony hitsahatra ny hianatra mihitsy.' John Cotton Dana

Nisy mpampianatra anankiray nantsoina hoe Bloom, naneho fanasokajiana (classification) ny "activité d'apprentissage". Io fanasokajiana namboariny io dia hanampy anao hamorona « activité d'apprentissage" izay hampianatra karazana fahaiza-manao maro hilain'ireo mpianatra mandritra ny fiainany. Ny sokajin'i Bloom dia mampianatra antsika fa ny fanabeazana dia tsy vitan'ny fitadidiana "fait" sy fahazoana izany fotsiny. Io fanasokajiana io dia hahatonga ny kilasy ampianarintsika ho lafatra sy ahitana karazana sahanasa maro entina hianarana.

I Bloom dia nahita karazana "activité" ara-panabeazana izay nosokajiany ho 6:

Niveau 1: **Mitadidy:** Mampatsiahy "fait" na fahalalana fototra.
Niveau 2: **Mahazo:** Mamantatra ny antony maha marina "fait" na hevitra iray.
Niveau 3: **Mampihatra:** Mampiasa izay hainao amina toe-javatra vaovao.
Niveau 4: **Mitsikera:** Manadihady "méthodiquement" sy amin'ny an-tsipiriany zavatra iray mba hanazavana sy hilazana ny hevitr'izany.
Niveau 5: **Manombana:** Mamory hevitra maro mba hananganana "opinion" na hanohanana hevitra.
Niveau 6: **Mamorona:** Mamokatra fahalalana, asa na zavatra vaovao na "original".

Fakafakao/Discuss

1. Inona amin'ireo sokajy ireo no ampianarina amin'ny rafi-pampianarana malagasy?
2. Inona amin'ireo sokajy ireo no tsy ampianarina amin'ny rafi-pampianarana malagasy?
3. *Fitsikerana:* Inona no maha-zava-dehibe ny fampianarana an'ireo sokajy tsirairay ireo? Miezaha mitady ohatra amin'ny fiainana ivelan'ny sekoly izay ahitana fa zava-dehibe ireo fahaiza-manao avy amin'ireo sokajy tsirairay ireo.

Inona no mahazava-dehibe ireo fahaiza-manao izay ambonimbony amin'ny sokajin'i Bloom? /Why are skills in the higher levels of Bloom's Taxonomy important?

Rehefa nisakafo tany Foulpointe aho dia nikaomandy vary sy "légume sauté". Izany dia tsy tao anatin'ny safidy tao amin'ny "menu", fa tao kosa dia nisy hoe vary, akoho sy "légume sauté". Izany dia niteraka resaka lava be tamin'ilay "serveuse":

Izaho: 'Mba anaovy vary sy "légume sauté" '
Serveuse: 'Tsy afaka manao izany izahay'
Izaho: 'Nahoana?'
Serveuse: 'Tsy ao anaty menu izany'
Izaho: 'Misy legioma ve miaraka amin'io akoho io?'
Serveuse: 'Eny'
Izaho: 'Misy vary ve miaraka amin'io akoho io?'
Serveuse: 'Eny'
Izaho: 'Afaka mahandro vary sy "légume sauté" ianao raha izany?'
Serveuse: 'Tsia...tsy ao anaty menu izany'
Izaho: 'Ary ahoana raha vary, akoho sy "légume sauté"….fa tsy asiana akoho?'
Serveuse: 'Tsy afaka hanao izany aho'

Manantena aho fa hitanao ny maha-hafahafa io resaka io. Ilay serveuse dia tsy afa-niala tamin'ireo fitsipika henjana napetraka ary tsy mba afaka namorona sy nanao zavatra vaovao. Ireo mpianatra tsy ampy fanabeazana na ireo izay tsy nampianarina fahaiza-manao ankoatra ireo izay ao amin'ireo sokajy ambany amin'ny sokajin'i Bloom dia ho tonga tahaka io serveuse io. Fa ireo izay nampianarina fahaiza-manao ambonimbony amin'ny sokajin'i Bloom dia mety afaka hahita vahaolana "créative" ho an'ireo olana misy. Izany dia hanampy azy ireo mba hamorona fitadiavam-bola vaovao, hiatrika ireo zava-tsarotra amin'ny fiainana am-pahendrena sns...

Ireo naotim-panadinana dia mety hihatsara ihany koa satria rehefa misy zavatra tsy hain'ireo mpianatra dia mety ho vitany ny hamaha izany irery.

Ny fizarana manaraka amin'ity toko ity dia hiresaka tsirairay ireo sokajy anatin'ny sokajin'i Bloom ary hahitanao karazana "activité" izay afaka ataonao any an-dakilasy. Ireo ohatra ireo dia afaka ovaovainao araka ny taranja ampianarinao.

Torohevitra ho an'ny mpampianatra! Rehefa manomana lesona dia aza mandany andro be loatra mieritreritra hoe aiza ho aiza amin'ny sokajin'i Bloom no misy ny "activité" iray. Mety hanahirana ny hieritreritra izany ary misy "activité" tafiditra amina sokajy maro. Fa manokàna fotoana hiezahana hampidirana "activité" avy amin'ireo sokajy rehetra ny sokajin'i Bloom.

Sokajy 1: Mitadidy/Level 1: Remember

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activity ideas

- Manomeza anaran-javatra iray.
- Manorata fehezanteny misy banga eo amin'ny solaitra be izay hadikan'ny mpianatra ary hofenoiny. Izany dia hampandray anjara bebe kokoa ireo mpianatra raha oharina amin'ny fandikana izay zavatra soratanao fotsiny. Ohatra:

  Antananarivo dia tanana _____ any _____.

  Teny ampiasaina: Madagasikara Espaina Lehibe indrindra
- Rehefa hifarana ny lesona, soratan'ireo mpianatra ireo hevi-dehiben'ny lesona. Rehefa vita izany, miombona tsiroaroa izy ireo ary mampitaha izay voasorany amin'ny mpianatra hafa.
- Manao ilay kilalao atao hoe fady izay hamerenany ny famaritana ireo teny nianarany (Jereo ilay toko mikasika ny "Apprentissage actif")
- Omeo enti-mody misy fanontaniana 5 mikasika ireo "fait" tena ilaina tao amin'ny lesona ireo mpianatra.

Famakafakana/Discussion

Ity fitadidiana ity dia mikasika ny fitadidiana "fait", teny, famaritana, "équation".

Ireo fanontaniana izay mitsapa ny fitadidiana dia matetika iray ihany ny valiny marina. Tahaka izao:
'Inona no "symbole chimique" ny Uranium?'
'Milaza anarana tanana 3 any amin'ny faritra amoron-tsiraka andrefan'i Madagasikara'.
'Inona no nitranga nahatonga ny praiminisitra teto Madagasikara niova?'

Toro-hevitra ho an'ny mpampianatra! Raha tsy tadidin'ireo mpianatra ireo "fait" manan-danja, mety hoe tsy fantatr'izy ireo hoe inona amin'ireny no tena tokony ho hainy. Tokony hamafisinao amin'ireo mpianatra ireo "fait" mety hilainy any amin'ny fanadinana ary asaivo havohitr'izy ireo ny tena manan-danja amin'ireo "fait" ireo.

Sokajy 2: Mahazo/Level 2: Understand

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activity ideas

- Mampianara "fait", ary hazavao ny antony mahamarina izany. Ohatra: Antananarivo dia renivohitr'I Madagasikara *satria* avy any foana no nitondrana an'I Madagasikara hatramin'izay.
- Asaivo manoratra zavatra iray amin'ny fomba filazany azy ireo mpianatra (reformulation).
- Mametraha fanontaniana izay mitaky mihoatra ny filazana "fait" fotsiny, ohatra: Nahoana no ilaina kokoa ny lay rehefa matory amin'ny alina noho ny mandritra ny andro?
- Mamakia lahatsoratra izay ahitana hevitra manohana sy manohitra ny fanamelohana ho faty. Avy eo asaina manao lisitra ireo hevitra manohana sy izay manohitra izany ireo mpianatra.
- Fakafakao ny mahatonga ny "disassembly" sy "discontent" samy miantomboka amin'ny 'dis'.
- Anontanio ireo mpianatra ny antony mahatonga ny gidro ho isan'ny "mammifère" fa tsy "reptile".
- Fantaro hoe inona amin'ireo teny ao anatin'ny fehezanteny ireo no "adjectif" (mpamaritra).
- Adikao amin'ny fiteny (langue) hafa ity lahatsoratra ity.
- Mampiasa modely (izay voalaza ao amin'ilay toko mikasika ny "Apprentissage actif") mba hanampiana ny fahazoan'ny mpianatra ny zavatra tsy hitany maso.
- Mampiasa sary na horonan-tsary hanampiana ireo mpianatra mba hahita ireo zavatra ampianarinao. Na maro aza ireo mpianatra dia afaka asainao mizarazara ho tarika (groupe) izy ireo mba hijery "diaporama" na horonan-tsary iray amina "écran" kely ary ny sasany kosa omeo "devoir écrit" hataony. Ohatra: Raha mampianatra momba ny jeografia Malagasy ianao dia tokony hampiseho sary na horonan-tsary maneho karazana vato na "paysage" misy maneranan'i Madagasikara.
- Manaova fanandramana (expérience) izay ahitana "information" vaovao.
- Hazavao amin'ny namanao fa ny rano tsy voadio dia mety hankarary.
- Tadiavo ny mahasamihafa ireo antokom-pinoana samihafa.

Famakafakana/Discussion

Mba hahafahanao mahazo zavatra iray dia mila hainao ny manazava ny antony mahatonga izany na ny mamaly ny hoe "Nahoana?". Asaivo manoratra zavatra amin'ny fomba firesahany ireo mpianatra (en utilisant ses propres mots). Asaivo mamantatra ny hevitra fototra na teboka lehibe mahakasika zavatra iray. Na raha mampianatra "langue" ianao dia asaivo mandika zavatra iray amin'ny teny hafa (traduction) ireo mpianatra.

Mila miezaka ny hahazo tsara ireo lohahevitra ampianarinao ihany koa ianao. Ekeo fa mety ho diso ny fahazoanao. Na dia efa nampianatra siansa nandritry ny taona maro aza aho dia mbola matetika mianatra zava-baovao ihany rehefa mampianatra.

Sokajy 3: Mampihatra/Level 3: Apply

Ny fampiharana dia ny fampiasana ireo fahalalana sy ny fahazoana izany mba entina mamaha ireo olana tsotra.

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activity ideas

- Resoudre $x^2 + 6x - 12 = 0$
- Fantaro ny habetsahan'ny vary azonao vidiana amin'ny 1200Ar.
- Ataovy kajikajy ny "gain d'énergie potentielle" raha misy lehilahy iray 50kg mananika 20m.

- Amin'ilay fiteny ianaranao, ataovy toy ny hoe eny an-tsena ianao, miady varotra entana. Atao "en groupe" izany: olona iray mivarotra ary ny anankiray mividy.
- Manaova **"croquis"** maneho ny "plan" an'ny sekoly misy anao. Ny fanaovana "**croquis**" dia fanaovana sary hanehoana ny "partie importante"- Izany dia tsy mitovy amin'ny manao sary (schéma) izay efa tadidin'ireo mpianatra.
- Manaova kilalao izay entina mifanadina lesona mba hamerenana ireo hevitra avy amin'ilay lohahevitra.
- Manomeza anarana biby izay afaka ny hosokajiana ho "reptile" raha ny endriny fotsiny no jerena.
- Manaova ady hevitra ao an-dakilasy.
- Mamaha olana mifandray amin'ilay taranja.
- Asaivo mitady ohatra hafa mikasika ny zavatra ampianarinao ireo mpianatra, ohatra: 'Afaka mitady teny hafa miantomboka amin'ny 'dis' ve ianao? Mifanaraka amin'ireo ohatra ireo ve ireo teny hitanao?
- Manasokajy hevitra maromaro anaty sokajy samihafa, ohatra: Sokajio ireo "forme" samihafa ireo ka avaho izay mahitsy sy izay miolana ny sisiny.
- Manao ahoana ny fitondran-tena tokony hananan'ny kristiana amin'ny toe-javatra toy izao....?

Famakafakana/Discussion

Ny fampiharana ireo fahalalana sy fahazoana dia tena ilaina amin'ny asa. Ka noho izany dia tena ilaina ny hametrahanao fanontaniana izay mitaky fampiharana amin'ireo mpianatrao. Toy ny amin'ny fahaiza-manao vaovao rehetra dia ho sarotra amin'ireo mpianatra ny fanaovana izany fampiharana izany amin'ny voalohany. Ny fampiharana dia sarotsarotra kokoa noho ny fahalalana ireo "faits" sy ny fahazoana izany ka noho izany dia tokony tsy ho gaga ianao raha maro kokoa ny fahadisoana hataon'ireo mpianatra amin'io lafiny io ary mety mila hasehonao an'ireo mpianatra ny fomba tokony hampiharany ny fahalalany.

Sokajy 4: Mitsikera/Level 4: Analyse

Ny fitsikerana dia nofaritana ho 'Fanadihadiana omban-damina sy amin'ny antsipiriany mba ahafahana manazava sy milaza ny hevitry ny zavatra iray'.

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activity ideas

- Inona no mahasamy hafa
    - Inona no mahasamy hafa an'ny Stella Maris amin'ny Happiness school?
- Ampitahao ary ampifanohero (Fampitahana = milaza ny fitoviana. Fampifanoherana = milaza ny mahasamy hafa)
    - Ampitahao ary lazao ny mahasamy hafa ny gidro sy ny trondro.
- Inona no foto-kevitr'io boky io?
- Hazavao nahoana no nitranga ny...?
- Inona no voka-tsoa sy voka-dratsin'ny sekoly tsy miankina?
- Fotory
    - Fotopotory ahoana no ahafahan'ny fanovana ny fomba fambolem-bary ary manatsara ny vokatra.
      Izany dia mampisaina momba ny fomba hahafantarana hoe nahoana ny fanovana ny fambolem-bary no mety hanatsara ny vokatra? Mety hanao fanandramana (expérience) amin'ny tanimbary ianao na mety hamaky boky nosoratan'ny manam-pahaizana momba ny vary.

- Fakafakao (Examiner)
    - Mamakafaka ny fomba fiasan'ny "système complexe" iray, ohatra: Ny "cycle de vie" an'ny "parasite" miteraka ny tazomoka, na motera iray.
- Ahoana raha?
    - Ahoana raha tsy nisy olona nahay ny zavatra nianarantsika androany mihitsy teto an-tany?
    - Mety nanao ahoana ny fiainana teto an-tany raha toa ka maro anaka tahaka ny sahona ny olombelona?
    - Mety hanao ahoana raha afaka nanao fanabeazana aizana avokoa ny olona teto Madagasikara?
- Tsikerao
    - Inona ireo antony tao ambadiky ny fanonganam-panjakana?
    - Maninona ireo orinasa vahiny no tsy mazoto mampiasa vola eto Madagasikara?
    - Inona no antony mamparary ahy?
    - Nahoana no nomen'ny dokotera ahy ireto fanafody ireto?

Famakafakana/Discussion

Tsy mora ny fanaovana fitsikerana tsara. Misy lafiny maro ahitana fa misy zavatra tsy tonga dia hita mazava ny valiny na ny antony. Ohatra, Tsy hitovy ny valin-teny omen'olona samy hafa an'ireo fanontaniana etsy ambony ireo.

Matetika dia ny asa tarika no tena mety ampianarana ny fitsikerana, asa tarika izay iresahan'ireo tarika olana iray ary avy eo hizarany izany amin'ny mpianatra rehetra. Ny mpampianatra kosa dia mila mivonona mba haneho ny fomba fitsikerany olana satria dia amin'ny alalan'ny fahitan'izy ireo ny fomba fisainanao no hianaran'izy ireo izany.

Torohevitra ho an'ny mpampianatra! Mila ekenao am-panentren-tena fa tsy voatery ho ny hevitrao irery no marina, ary tsy voatery ho ny fombanao ihany no mety hamahana olana! Maneke hianatra amin'ireo mpianatrao na ny fomba hafa entiny hamahana olana iray, indrindra amin'ireo taranja izay ahitana mazava ny marina sy ny diso tahaka ny matematika na siansa.

Sokajy 5: Manombana/Level 5: Evaluate

Tena nila fotoana lavalava aho vao haiko ny manombana voankazo eny an-tsena. Ny voankazo malagasy dia tena hafa amin'ny voankazo anglisy, ary ny lalana mankany an-tsena dia mety hanahirana. Tamin'ny voalohany dia tena tsy nahalala hoe masaka ve ity voankazo ity na hoe antonony ve ny vidiny. Fa taorian'ny nanaovako fahadisoana somary mampihomehy, ohatra ny nividianako manga lo, nividianako voatavo raha papay no nilaiko ary ny fijaliako nanala ditin'ampalibe tamin'ny antsy dia efa mahay manombana kokoa aho amin'izao...na dia mbola tsy mahay tahaka ny mponina eto aza!

Ny fanombanana dia fahaiza-manao miovaova arakaraka ny zavatra ianarana ary hay amin'ny alalan'ny fanandramana matetika sy fanaovana fahadisoana maro. Ny tena fomba tsara ianarana izany dia amin'ny alalan'ny fanaovana izany miaraka amin'ny olona hafa. Ary toy ny amin'ny fitsikerana dia tsy voatery hisy valiny iray marina ireo fanontaniana mikasika ny fanombanana. Raha ny amiko dia ny papay masaka no tiako, ny olona sasany kosa ny manta no tiany.

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activities ideas

Maro ireo mpianatra mahita fa sarotra ny fanombanana ka noho izany dia tsara raha hatao "en groupe" izany ary rehefa hifarana ny fotoana dia milaza ny hevitrao amin'ny mpianatra rehetra ianao.

Ohatra "activité de classe" azonao atao:

- Mijere lesona na boky na lalao ara-panatanjahantena. Lazao izay hitanao tsara sy ratsy mikasika izany ary ny fomba entina hampivoarana izany.
- Fidio ny fitaovana hitanao mety indrindra hanaovana fanandramana siantifika (expérience scientifique).Tsy voatery hitovy ny fitaovana ampiasain'ny mpahay siansa samy hafa na dia entina hanaovana zavatra mitovy aza izany.
- Manomeza hevitra mety hampivoarana zavatra iray.
- Fantaro ireo sehatra hitanao sarotra ary hitanao fa mila hianaranao bebe kokoa.
- Alaharo araka ny laharam-pahamehany ny andraikitry ny governemanta.
- Manomana famelabelaran-kevitra mikasika ny fomba hamahana ny olana mikasika ny tsy fahampian-tsakafo eto Madagasikara.
- Omeo naoty araka ny lisitra "critère" izay namboarin'ireo mpianatra ireo mpivarotra sakafo akaikin'ny sekoly.
- Asaivo mifampitsara kahie ireo mpianatra.
- Fakafakao ireo lafiny tsara sy lafiny ratsy mikasika antokom-pivavahana iray.

Famakafakana/ Discussion

Karazana fanombanana vitsivitsy:

- **Mitsara**. Ny mitsara dia ny fampiasanao ireo "information" anananao entina hanapahana hevitra. Ohatra:Tsarao inona amin'ireo hevitra ireo no marina araka ny lalana. Tsarao raha marina avokoa ireo "recommendation" avy any amin'ny dokotera.
- **Fidio**. Mitovy amin'ny mitsara, fa amin'ity kosa dia misafidy ny tsara indrindra amin'ny zavatra maromaro ianao...ohatra. **Fidio** izay mpampianatra tsara indrindra ho amin'ny asa iray, fidio izay voankazo tsara indrindra.
- **Manapaha hevitra**. Mitovy amin'ny mifidy ihany koa, ohatra, Tapaho ny hevitrao raha tokony hianatra teny anglisy ianao na tsia.
- **Manamarina**. Ny hoe hamarino dia midika hoe manome hevitra manohina zavatra iray. Ohatra, *hamarino* nahoana no ilazanao fa tsara io sekoly ampianaranao io. Mba hamaliana izany dia hanome ahy ireo antony rehetra mahatonga io sekoly io ho sekoly tsara ianao.
- **Miady hevitra**. Ny miady hevitra dia sahala amin'ny manamarina, fa mila mijery ireo lafiny roa momba ny hevitra iray. Ohatra: **Manaova ady hevitra** mikasika ny antony nahatonga ny fanabeazana eto Madagasikara tsy tsara tahaka ny taloha intsony. Eto dia mila manome ireo antony manohana sy manohitra ilay hevitra fa niharatsy ny fanabeazana.
- **Omeo isa (noter)**. Manome isa zavatra iray. Ohatra: manome naoty an'ireo sakafo nandrahoin'olona samihafa.
- **Omeo ny laharam-pahamehana**. Mifidiana izay hitanao fa zava-dehibe indrindra sy izay tsy manan-danja indrindra amin'ny lisitra iray. Ohatra 'omeo ny laharam-pahamehana ny zavatra tokony hianaranao'.
- **Manoro hevitra.** Manomeza torohevitra araka ny fahalalanao zavatra iray. Ohatra. Manomeza toro-hevitra mikasika ny hetsika tokony hatao hiadiana amin'ny sahona misy poizina manodidina an'i Toamasina.

- **Manombana.** Ny mpianatra dia afaka manombana ny tenany hijereny ny zavatra voarainy tamin'ny lesona iray ka maneho izany aminao amin'ny alalan'ny "ankihibe" na " aotra ka hatramin'ny dimy".

Sokajy 6: Mamorona sy manao "synthèse"/Level 6: Creating and synthesis

Izaho dia efa nampianatra siansa, matematika ary "informatique" nandritra ny taona maro. Rehefa tonga teto Madagasikara ny tenako dia nisy nanasa hampianatra teny anglisy. Mbola tsy ary nanao izany aho taloha fa izaho kosa dia afaka nampihatra ny fahalalako momba ny fampianarana, ny fahazoako ary ny fahaizako mba hamoronana lesona anglisy vaovao.

Ny famoronana zavatra vaovao dia mitaky aminao mba hampiasa ny fahalalana efa anananao, ny fahazoanao sy ny fahaizanao ka hampihatra izany amin'ny zava-baovao.

Soso-kevitra momba ireo "activités"/ Activity ideas

Ireo teny **"en gras"** ireo no teny manan-danja mifandray amin'ny famoronana na famintinana. Maro amin'ireo "activité" amin'ity sokajy ity dia hisy ireo teny ireo.

- **Mamorona (composer)** hira mikasika ny mahazava-dehibe ny miborosy nify.
- Raha ianao no eo amin'ny toeran'ny governemanta, ahoana no hanovanao ny fanabeazana eto Madagasikara?
- **Manamboara** fanandramana (expérience) entina hamantarana hoe iza amin'ireo kaopy ireo no mitazona hafanana indrindra.
- **Mieritrereta** fomba vaovao hahatonga ny fianarana ho mahafinaritra.
- **Mahita vahaolana** hanampy anay hanofana ireo mpampianatra rehetra eto Toamasina ve ianao?
- Misy firy ireo fomba hitanao ahafahana miala eto hankany Antananarivo?
- **Manamboara** sary hosodoko vaovao, sarin-javatra izay mbola tsy hitanao.
- Manorata tantara mikasika ny....
- **Mamorona (inventer)** bisikileta ho an'ny olona tsy misy tongotra.
- **Manamboara** "produit" vaovao. Omeo anarana ary manomana "campagne marketing" ho an'izany.
- **Manamboara drafitra** trano vaovao.
- **Mitadiava** fahalalana vaovao mifototra amin'izay zavatra efa fantatrao. Izany dia mety hiteraka vokatra tsara amin'ny fampianarana siansa raha ohatra ka hampianao ireo mpianatra manao "dérivation" an'ireo raiki-pohy na "formule" (fa tsy manoratra izany eo amin'ny solaitra be fotsiny), na ampiasao ny fahazoany zavatra iray **haminavinany** zavatra hafa.
- **Manamboara (réparer)** karazana **"**machine" iray mbola tsy fahitanao taloha.
- Mamaha olana izay mitaky fahalalana sy fahazoana lohahevitra maro..

Famakafakana/Discussion

Ny famoronana sy famintinanana dia mety ho sarotra kanefa dia ireo no manan-danja indrindra amin'ny "activité" amin'ny sokajin'i Bloom. Ny namoronana ity fampiofanana ity dia nitaky fotoana sy ezaka be dia be. Mora lavitra kokoa ny manolotra karazana fampiofanana efa misy noho ny manoratra iray vaovao.

Amin'ny maha-mpampianatra, ny fahaiza-mamorona dia fahaiza-manao tena ilaina ho trandrahana. Rehefa mahavaky an'ity boky ity ianao dia hanana hevitra maro vaovao izay hanampy anao hamorona lesona vaovao sy mahomby kokoa!

Famerenana/Review activity

1) Inona no nanaitra **anao** ka hitanao tena ilaina amin'ny sokajin'i Bloom? Inona no mety fiovana aterak'izany amin'ny fomba fampianaranao?
2) Mamorona "activité" **enina** izay hampiasainao any amin'ny toerana hampianaranao mandritra ny roa herinandro ho avy manaraka eo. Ny "activité" tsirairay dia tokony hifantoka amin'ny sokajy **samy hafa** anatin'ny sokajin'i Bloom.

Ity "activité" ity dia mety hitaky fotoana lava dia lava. Aza manahy! Rehefa miovaova sy ahitana fahaiza-mamorona kokoa ny fampianaranao, ho vitanao faingana sy handeha ho azy avokoa ny zava-drehetra.

3) *Fitsikerana:* Inona no maha-zava-dehibe ny fampianarana ireo sokajy rehetra ao amin'ny sokajin'i Bloom?

7. Fitsapam-pahaizana/Assessment

'Te hianatra ny fomba ahafahako mahita ny ao an-dohan'ny mpianatro aho' Dominique, Toamasina

Inona no antony hanaovana fitsapam-pahaizana?/Why assessment?

Nisasaka ny fizarana ny taom-pianarana, nahafinaritra avokoa ny lesona nampianarin'i Mr Robert an'ireo mpianany ary miandrandra vokatra tsara avy amin'izy ireo izy amin'ny fanadinana izay hataony. Ireo mpianatra dia mavitrika manoloana ny fianarany, tena miditra lalina amin'izany, ary kilasy tena tiany indrindra io kilasy io. Rehefa tonga ny fanadinana, nitranga ny tsy nampoizina! Ratsy be ny naoty azon'ny mpianatra, ary hita fa tsy ampy ny fahalalana sy fahazoan'izy ireo ny lesona. Tena taitra Mr Robert ary nitsetra: 'Nahoana no tsy hain'izy ireo na azony akory ireo zavatra tsotra izay toa hainy tsara?'

Fakafakao/Discuss

Efa olana matetika renao ve izany? Inona ny antony heverinao nahadiso hevitra an'i Mr Robert?

Inona no tsy nandeha araka ny tokony ho izy?/What went wrong?

Ny tena olana dia tsotra:

- Mr Robert dia nieritreritra fa, satria ireo mpianany navitrika sy liana, dia nandray ireo fampianarana marina. Tsy norefesiny hoe hatraiza marina ny fahaizan'izy ireo.
- Satria ireo lesona nandeha tsara avokoa ary nahafinaritra, ireo mpianatra dia nieritreritra fa nahay tsara izy ireo ka tsy mila mamerin-desona loatra ho fanomanana ny fanadinana.

Nisy zavatra voarain'ireo mpianatra ihany fa tsy naharay zavatra maro araka ny tokony ho izy izy ireo.

Inona no antony hanaovana ny fitsapam-pahaizana? / Why assess?

- Ny fitsapam-pahaizana dia manampy ireo **mpianatra** mba hatoky tena satria hitany fa mahay zava-baovao izy.
- **Ireo mpianatra** dia afaka mitsapa ny fahaizany amin'ny alalan'ny fampitahana ny zavatra hainy sy ny lisitrin'ny zavatra tokony ho hainy ka afaka mianatra izay zavatra mbola tsy hainy izy.
- Ny fitsapam-pahaizana dia mahatonga ireo mpianatra hamerin-desona ary izany dia hanamafy ny fitadidiany.
- Ny **mpampianatra** dia manao fitsapam-pahaizana mba "hahitany ny ao an-dohan'ny mpianatra", ahafahany mijery izay efa hain'izy ireo sy izay tsy mbola hainy. Izany "information" izany no hampiasain'ny mpampianatra mba hanatsarana ny fampianaran'ireo lohahevitra sarotra sy hanomezany fanampiana bebe kokoa ho an'ireo mpianatra somary sahirana mandray zavatra.
- Ireo fanadinana famaranana taom-pianarana sy ireo fanadinam-panjakana dia mampitaha ireo mpianatra ao amin'ny sekoly iray amin'ny fari-pahaizan'ny mpianatra manerana ny nosy.

Karazana fitsapam-pahaizana/Types of assessment

Misy karazana fitsapam-pahaizana telo lehibe:

- Fitsapam-pahaizana izay hanome anao sy ny mpianatra valiny malaky (feedback immédiat), antsoina hoe **évaluation formative**.

- Fitsapam-pahaizana izay manana endrika fanadinana na asa fampiharana (travaux pratiques), izay avy amin'ny mpampianatra na ny sekoly.
- Fanadinam-panjakana na fanadinana famaranana taom-pianarana.

Fitsapam-pahaizana izay hanome anao sy ny mpianatrao valiny malaky – Evaluation formative/Assessment that gives you and learners' immediate feedback - formative assessment

Tena manan-danja tokoa ny "évaluation formative". Rehefa manao izany dia fantatr'ireo mpianatra avy hatrany raha nety na tsia ny zavatra nataony. Ary fantatry ny mpampianatra avy hatrany raha azon'ny mpianatra na tsia ilay lesona nampianariny.

Ny fahalalana izany dia tena ilaina tokoa. Izany dia hanampy ireo mpianatra mba hanamafy ny fitadidiany ireo zavatra marina sy hahitany ireo fitadidiana diso nananany ary manampy ny mpampianatra mba hamantatra izay zavatra sarotra amin'ireo mpianatra, ireo zavatra mila haverina na hampianarina amin'ny fomba hafa.

Ohatra "activité d'évaluation formative"?/What are examples of formative assessment activities?
"Penser - Apparier - En groupe de 4 - Partager"/TPSS: Izany dia noresahintsika tao amin'ny toko nisy ny "apprentissage actif". Amin'ilay fotoana hizaran'ireo "groupe" ny heviny amin'ny mpianatra rehetra dia afaka mitsara ny hevitr'ireo "groupe" ianao ary manome "feedback" an'ireo "groupe" raha marina ny hevitr'izy ireo na tsia ary manazava ny anton'izany.

Ankihibe/ thumbs: Izany dia noresahina tamin'ilay toko mikasika ny "apprentissage actif". Ny mpampianatra dia afaka ny hahita ny fahazoan'ny kilasy iray manontolo amin'ny alalan'izany ary manazava ny valiny marina.

"Bill*et d'entrée" /Admit Slips:* Rehefa miditra ny efitrano ireo mpianatra dia omeo taratasy kely tsirairay izy ireo. Efa misy fanontaniana hitsapana ny fahaizana azony tamin'ny lesona farany eo amin'ny solaitra be. Ireo mpianatra kosa hanoratra ny anarany sy ny valim-panontaniana amin'ilay taratasy.

Rehefa saika nahavaly ireo fanontaniana avokoa ireo mpianatra (aza manahy raha ohatra ka mbola tsy nahavita ireo mpianatra votsavotsa) dia jereo ny valiny ary tsarao amin'ny alalan'ny iray amin'ireto fomba ireto:

- Makà taratasy vitsivitsy "au hasard" ary jereo ny valiny. Eny am-panaovana izany dia ambarao ny mpianatra ny valiny marina.
- Omeo naoty ireo taratasy rehetra ary tehirizo ao amin'ny "bulletin" ireo naoty ireo.
- Asaivo mampifamadika ny taratasiny ireo mpianatra ary manome isa (noter) izany.

Raha maro be ny mpianatra amin'ny kilasy iray dia afaka zaraina ho tarika izy ireo ka omena taratasy iray isan-tarika. Izany dia hampihena ny asa fitsarana ary hanome tombotsoa ireo mpianatra mba hifampianatra.

Manontany mpianatra iray/Questioning one student: Amin'ity "activité" ity dia mifidy mpianatra iray ianao ary mametraka fanontaniana aminy. Mety tsara izany raha ohatra ka te-hahavita lesona haingana ianao satria ireo "activité" hafa dia mila fotoana lava kokoa. Kanefa mpianatra iray isaky ny fanontaniana ihany no afaka mandray anjara. Rehefa manao "problème de Mathématiques" izaho sy ny mpianatro dia manondro mpianatra iray aho mba hanazava ireo "solutions" hitanay . Miezaha

mametraka fanontaniana amin'ireo mpianatra tsy be teny ary koa, ireo mpianatra mavitrika izay mananga-tanana foana.

Miara mihiaka/All shout out: Tena ilaina rehefa mampianatra fiteny (langues) na teny vaovao, asaivo miara-mamaly fanontaniana am-bava ny kilasy iray manontolo. Ilay fanontaniana dia tokony ho mora ary ny valin-teny tokony ho teny iray. Ny hamafin'ny feon'izy ireo dia hanambara aminao raha hain'ireo mpianatra ilay valiny! Tena ilaina amin'ny fianarana fanononana teny izany – Ireo mpianatra dia tokony afaka manonona ilay teny mialohan'ny hianarany ny dikany.

"Billet de sortie"/Exit slips: Mitovy tanteraka amin'ilay "billet d'entrée" fa kosa, any amin'ny faran'ny lesona vao mameno izany ireo mpianatra. Mifidiana fanontaniana izay hanampy ireo mpianatra hamerina ilay lesona. Ohatra: Asaivo manoratra ireto zavatra manaraka ireto ireo mpianatra: Anarana, Ny zavatra voaraiko androany; Ny nahaliana ahy; Fanontaniana mikasika ilay lohahevitra teo. Vakio ireo taratasy ireo mba hijerenao izay zavatra voarain'ireo mpianatra tamin'ilay lesona.

Mpianatra mitsara mpianatra hafa (fitsarana namana)/Students assess other students (peer assessment): Raha maro ny mpianatrao dia mety tena hanahirana ny asa fitsarana. Fa misy vaovao mahafaly ho anao: tsy voatery ianao avokoa no hitsara ny zavatra rehetra nataon'ny mpianatra. Ireo mpianatra dia afaka mifampitsara ny asany. Raha omena torolalana mazava mikasika ny fomba hitsarana izany izy ireo dia afaka hitsara izany amin'ny fomba marina. Ohatra anankiroa:

Ohatra 1:

1) Manao fanadinana fohifohy ireo mpianatra.

2) Avy eo mifanakalo ny taratasim-panadinany. Hazavao tsara ireo valim-panontaniana sy ny fomba hitsarana izany. Eo am-panaovanao izany no hitsaran'ireo mpianatra ilay taratasim-panadinana. Ireo fanontaniana sarotra tsaraina toy ny famoronan-dahatsoratra dia afaka tsarain'izy ireo ihany fa avy eo mila averinao jerena.

Ohatra 2:

1) Asaivo manoratra "paragraphe" manoritsoritra ny tanan'i Toamasina *amin'ny teny anglisy* ireo mpianatra.

2) Asaivo mifanakalo ny asany izy ireo ary manitsy ny fahadisoana rehetra hitany.

3) Asaivo mamerina ilay asany amin'ny tompony ary mifampiresaka momba ilay fitsarana nataony tsiroaroa.

Omeo "feed-back descriptif" ireo mpianatra: Mba hivoatra, ny mpianatra iray dia tokony hahazo mihoatra ny '3/10'. Mila manoratra teny kely hanampiana azy ianao, ohatra hoe '3/10. Mianara "fraction"'. Ilay fanamarihana dia tokony hanampy ireo mpianatra mba hahafantarany ny tokony hataony mba hivoarany. Aza hadino fa tena ilaina ihany koa ny manome tsikera "positif", ohatra: '8/10. Nisy fivoarana be'.

Mampiasa solaitra na "ardoise"/ Use Mini-whiteboards, or a slate: Fomba tsara hitsapana ny fahaizan'ny kilasy iray manontolo izany fanaovana "devoir" amin'ny solaitra izany. Rehefa nahavita avokoa ny rehetra, asaivo ampiakariny ambony ilay "ardoise". Matetika aho no maka "ardoise" iray ka manontany ny mpianatra 'ny zavatra hitany fa mety/tsara amin'ilay valin-teny' ary avy eo, 'ny afaka hatsaraina amin'ilay valin-teniny'. Raha manana mpianatra maro ianao dia afaka zarainao ho tarika izy ireo ka omena "ardoise" iray isan-tarika. Hifampianatra ireo mpianatra ary ho vitsivitsy kokoa ny valin-teny hovakinao.

Aotra ka hatramin'ny dimy/ "fist to five": Tamin'ilay toko mikasika ny "apprentissage actif" dia niresaka momba ny fampiasana ny "0 à 5"isika, izany dia ahafahan'ny mpianatra rehetra miara-mamaly fanontaniana. Ny valin'izany dia afaka ahafantaranao ny fahaizan'ny mpianatra.

Fitsarana tena na "auto-évaluation"/ Self assessment: Mitovy amin'ny fitsapana namana fa amin'ity kosa dia hitsara ny asan'ny tenany ireo mpianatra. Ny fitsarana ny tenany sy ny fitsarana ny namany dia samy manampy ny mpianatra mba hifantoka kokoa amin'ny fitsarana ilay fanadinana no sady haneho aminy ny fomba fanomezana isa izany ary izany dia hanampy azy mba hahazo vokatra tsara kokoa amin'ny fanadinana izay hataony amin'ny ho avy.

Jereo ny "language corporelle" ny mpianatra/Watch body language of the students: Ny "language corporelle" (ny fomba fijery na fomba fipetraky ny mpianatra) dia afaka manambara aminao raha mifantoka sy manaraka ny lesona ireo mpianatra, na very, manonofy antoandro fotsiny na matory. Manao ahoana ny fahitanao ny fihetsik'ireo mpianatra, manaraka ny lesona ampianarinao ve izy ireo?



Mifantoka ve ireo mpianatra ireo?

Fanadinana avy amin'ny mpampianatra na ny sekoly/Tests set by the teacher or school

Ny "évaluation formative" dia saika hatao amin'ny lesona rehetra fa ny fanadinana kosa dia tsy dia fanao matetika.

Rehefa mety tsara ny fanatanterahana azy dia betsaka ny vokatra azo avy amin'ny fanadinana:

- Famerenana ireo lesona vao natao tsy ela izay hanamafy ny fitadidiana.
- Manome fahazotoana ireo mpianatra mba hamerina ireo zavatra vao nianarany.
- Manome fahafahana ireo mpianatra sy mpampianatra hamantatra ireo zavatra efa hain'ireo mpianatra sy izay mbola mila hianarany bebe kokoa.
- Manome tombotsoa ireo mpianatra mba hamaly ireo fanontaniana mitovy amin'ny fanontaniana any amin'ny fanadinana famaranana.
- Manome hevitra ny mpampianatra ny amin'ny zavatra tokony handrandrainy ho vitan'ny mpianatra.

Rehefa nampianatra siansa tao amin'ny Mercy Ships aho dia nanana adiny 4 handraisana ny mpianatro isaky ny herinandro. Ireto manaraka ireto no fanadinana nampanaoviko azy ireo:

- Fanadinana kely maharitra 15 minitra isaky ny Alakamisy. Ny mpianatra dia tia "routine" ary tsy hadinon'izy ireo ny mianatra lesona raha andro tsy miovaova no hanaovana ilay fanadinana.
- Isaky ny mamarana lohahevitra iray dia mampanao fanadinana lavalava kokoa maharitra 40 minitra aho.
- Ary mampanao fanadinana andrana herinandro vitsivitsy mialoha ny fanadinana lehibe rehetra.

Ny fanadinana ampanaoviko ny mpianatro dia misy fanontaniana mahakasika ireo hevi-dehibe avy amin'ny lohahevitra nampianarina izay tokony ho hain'ireo mpianatra. Manodidina ny antsasaky ny fanontaniana dia fanontaniana mampahatsiahy ireo "fait" an'ireo mpianatra na maneho fahazoana tsotsotra. Ny tapany manaraka kosa dia fanontaniana mitaky famahana olana sarotsarotra kokoa, famoronan-dahatsoratra fohy na fahaiza-manao ambonimbony amin'ny sokajin'i Bloom.

Izaho dia nampanao "test pratique" ihany koa indraindray, izay hanaovan'ny mpianatra fanandramana na"expérience", manao fanehoana an-tsary ny valiny ary mitsikera ny valiny azo sy ny fomba hanatsarana ilay andrana.

Rehefa mampanao fanadinana dia ampilazao andro vitsivitsy mialoha foana ireo mpianatra ary lazao aminy amin'ny an-tsipiriany ilay lesona hohadininao. Amin'izay mba afaka mody ary manomana ilay fanadinana ireo mpianatra.

Resaho miaraka amin'ny namanao: Inona no karazana fanadinana ataonao amin'ny taranja ampianarinao? Moa mihevitra ianao fa tokony hovainao ireo fanadinana ataonao? Inona no maha zava-dehibe ny fanadinana?

Karazana fanadinana mahazatra/Common types of test

Fanadinana an-tsoratra: Amin'ny fanadinana an-tsoratra dia ataon'ny mpianatra an-tsoratra ny valin-teniny. Ny naoty omena dia miankina amin'izay nosoratany. Ny fanontaniana dia afaka soratana eo amin'ny solaitra be na atonta amin'ny taratasy. Ny fanadinana an-tsoratra dia mety amin'ny ankamaroan'ny taranja. Fa amin'ny taranja fampiharana tahaka ny fandrafetana hazo na resaka nahandro kosa dia mety tsy hety loatra izany. Misy olona mety ho mpanefy na mpahandro tena mahay fa tsy mahay mamaky teny na manoratra.

Fanadinana ara-pihainoana sy am-bava: Ireo roa ireo dia amin'ny fampianarana teny vahiny ihany no tena ampiasaina azy, kanefa mety hifanaraka amin'ireo taranja mila fampiharana ireny ihany koa raha toa ka tsy mahay mamaky teny na manoratra ilay mpianatra. Amin'ny fanadinana toy ireny dia ny fahafahan'ireo ankizy mahazo izay lazaina amin'ilay teny vahiny sy ny fahaizany miteny no tsapaina. Tena zava-dehibe izany satria ny fahaizana mihaino sy miteny dia tena ilaina mba hahafahana mifandray tsara amin'ny teny vahiny.

Raha vitsy ireo mpianatra dia tokony hitady fotoana iresahana amin'ny mpianatra tsirairay ny mpampianatra ary ny mpianatra ambiny kosa manao asa an-tsoratra. Fa ahoana kosa ary no hanaovana fanadinana am-bava amin'ny mpianatra maro? Ireto ary misy hevitra vitsivitsy:

Fihainoana (test d'écoute)

- Mifidiana lahatsoratra amin'ilay teny ampianarina. Manorata fanontaniana vitsivitsy ho valian'ny mpianatra, izay haneho ny fahazoan'izy ireo ny lahatsoratra. Vakio indroa na intelo amin'ireo mpianatra ilay lahatsoratra, ary asaivo valian'ireo mpianatra ireo fanontaniana. Omeo naoty ny valim-panontanian'izy ireo.
- Mandika izay fehezanteny teneninao amin'ilay teny ianarana ireo mpianatra. Omeo naoty ny valin-teniny.

Fitenenena (test d'expression orale)

- Asaivo miresaka mikasika lohahevitra iray "en groupe" ireo mpianatra. Tokony hanana fotoana itenenana avokoa ireo mpianatra tsirairay. Ataovy mifanome naoty ny fiteniny izy ireo.
- Mametraha fanontaniana iray amina mpianatra vitsivitsy ary omeo naoty ny valin-teniny. Afaka asainao milaza izay zavatra tsara tamin'ny valin-teniny sy ny fomba afaka hanatsarany izany ny mpianatra sisa. Raha manao izany amin'ny mpianatra samihafa isaky ny lesona ianao dia hahavita hanome naoty ny mpianatra tsirairay rehefa nahavita lesona maromaro.

Fanadinana vakiteny: Ireo mpianatra dia mamaky lahatsoratra voasoratra eo amin'ny solaitra be na voatonta amin'ny taratasy. Avy eo kosa izy hamaly fanontaniana mikasika ny lahatsoratra.

Fanadinana fampiharana (évaluation pratique): Ho an'ny mpianatra maro, ny fanaovana fampiharana dia fomba mahafinaritra ampifandraisana ireo lesona an-tsoratra amin'ny tena fiainana. Ny asa fampiharana – "expérience scientifique", fanaovana zava-kanto na fanaovana lalao ara-panatanjahantena dia tena zava-dehibe satria ny ankamaroan'ny zavatra hataon'ny mpianatra amin'ny fiainana dia fampiharana avokoa.

Ny zava-kanto dia tsy fandikana sary tsy misy valaka fotsiny. Ny mpanakanto mahay indrindra dia mamorona asa *vaovao* izay tsy mitovy amin'izay efa noforonina taloha.

Amin'ny taranja siansa dia maro ny "expérience" afaka atao izay tsy mila fitaovana manokana, ohatra:

- Fotopotory hoe inona no mitsingevana na milentika anaty rano.
- Mitsapa ny fisian'ny "amidon" amin'ny alalan'ny solution d'iode.
- Mambole hazo fihinam-boa na voa hafa ary refeso ny fitomboany. Avy eo amboleo any antoeran-kafa ilay hazo ary jereo ny fitomboany mandra-pahamoany voankazo azon'izy ireo hohanina! Tsarao arakaraka ny kalitaon'ny fanarahan'izy ireo ny fitomboan'ilay hazo, ny kisarisariny ary ny hevitra nosintoniny ireo mpianatra.
- Jereo ny tranonkalako http://mada-enseignants.org raha mila hevitra maro kokoa mikasika ny fampianarana siansa ianao.

Tsarao araka ny fahombiazany tamin'ny fanatanterahana ireo "expérience" sy ny tatitra mikasika izany ireo mpianatra.

Amin'ny fanatanjahantena, afaka mitsara mpianatra iray amin'ny alalan'ny fijerena azy milalao mandritra ny dimy minitra ianao. Inona no zavatra tsara vitany? Inona no azony atao mba hanatsarana izany?.

Ny enti-mody: Ny fanaovana enti-mody dia tena fampiharana tsara hamerenan-desona ho an'ny mpianatra. Tadidio fa ireo mpianatra dia afaka miresaka amin'olon-kafa ary mamaky ny lesony

rehefa manao ny enti-modiny. Izany hoe mety hisy mpianatra hahazo 20/20 amin'ny enti-mody nefa tsy mahazo tsara ilay lesona akory.

Ny fanomezana naoty/ Marking

Ny fitsarana marina sy ara-dalàna ary haingana ny fanadinan'ireo mpianatra dia tena zava-dehibe. Misy zava-dehibe tokony homarihina mikasika ny fitsarana:

- Aza atao ela ny famerenana ireo asan'ireo mpianatra. Kely ny tombony azon'ny mpianatra volana maromaro any aorian'ilay fanadinana vao voarainy ny valiny.
- Ataovy azo antoka fa mazava tsara ny fomba fanomezanao naoty mba ho azon'ny mpianatra izany. Amin'izay na ianao na ny mpianatra dia samy mahazo an-tsaina tsara ny zavatra antenaina ho hita.
- Mety hisy mpianatra hahita valiny hafa nefa marina izay tsy noeritreretinao akory.
- Raha maro amin'ireo mpianatra no tsy mahazo ireo fanontaniana napetrakao dia mety ny fanontanianao no tsy mazava ary tokony omenao naoty araka ny fahazoany ilay fanontaniana ireo mpianatra.
- Rehefa mitsara ianao, miezaha manome fanamarihana mampahery sy fomba entina hanatsarana asa iray.

Fampihenana ny asa fitsarana

Ny fahadisoana matetika ataon'ny mpampianatra dia ny fieritreretana fa tsy maintsy hotsarainy avokoa ireo *zavatra rehetra* ataon'ireo mpianatra. Tsy marina izany! Kanefa tokony ho fantatry ny mpianatra foana hoe nanao ahoana ny zava-bitany ary inona no tokony hataony mba hivoarany.

Fomba vitsivitsy hanomezan'ny mpampianatra naoty:

- Ny mpianatra ihany no asaina mitsara ny asany. Ny mpampianatra manazava tsara ny fomba hanomezana naoty.
- Ny mpianatra mifanakalo asa amin'ny mpianatra hafa. Ny mpianatra tsirairay mitsara ny asan'ny mpianatra hafa.

Ny fitsaran'ny mpianatra ilay asa dia ahazoana tombony **lehibe**:

- Rehefa miresaka momba ny valim-panontaniana tamin'ilay fanadinana (izay resaka tsy maintsy atao) dia mandray anjara mavitrika amin'ny fijerena ireo valiny raha marina na tsia ireo mpianatra.
- Tsy voatery hitsara ny asan'ny kilasy iray manontolo ianao.
- Afaka mahita ny fomba namalian'ireo namany ireo fanontaniana ny mpianatra ary raha tsara ireo valin-teny dia afaka mianatra amin'ny alalan'izany izy.
- Afaka mahazo kokoa ny fomba hitsarana ny fanadinana amin'ny taranja ampianarinao ireo mpianatra.

Misy lafiny ratsy vitsivitsy ihany koa:

- Mila vonona hifandahatra mikasika ilay fomba fanomezana naoty miaraka amin'ireo mpianatra ianao. Indraindray dia mety mahita valiny marina tsy noeritreretinao izy ireo na mila fanampiana amin'ny fitsarana ilay valiny raha marina na tsia.
- Misy fanontaniana tena sarotra tsaraina. Ohatra ny famoronan-dahatsoratra. Ampianaro ireo mpianatra ny fomba hitsarana ireny, fa tsara raha averinao tsaraina ireny mba hahatoky ireo mpianatra fa marina ny naoty azony.
- Tena zava-dehibe ny hitsaranao ireo fanadinana lehibe.

Hevitra vitsivitsy
Raha ny zavatra hitako dia misy ny mifangala-tahaka kanefa tsy matetika no hitrangan'izany. Aoka haka fanapahan-kevitra hentitra amin'ireo mpianatra mangala-tahaka ianao. Ohatra: atao tsy afa-panadinana na mamerina fanadinana irery aorian'ny ora fianarana.

Raha fantatry ny mpianatra fa ny tanjon'ny fanadinana dia ny mba hanehoana azy ireo ny tanjany sy ny fahalemeny dia mety tsy dia halaim-panahy hangala-tahaka izy. Aza tezitra raha tsy afaka ireo mpianatrao, raha tsy hoe tsy niomana ho an'ny fanadinana izy. Ny zava-dehibe dia ny hoe inona no zavatra hataony manoloana ny tsy fahombiazany! Rehefa avy nanao fanadinana ireo mpianatra dia afaka manoratra ireo zavatra mila hohatsarainy sy ny fomba hampivoarany ny fianarany.

Fanadinam-panjakana na fanadinana famaranana ny taom-pianarana/National or end of year examinations

Mety mila miandry amam-bolana vao mivoaka ny valim-panadinana toy izany. Noho izany dia tsy manampy ny fizotry ny fianaran'ny mpianatra ireny fanadinana ireny, fa manome alalana ny fanjakana hitsapa ny fahaizan'ny mpianatra ary ahazoan'ireo mpianatra mahay sertifikà.

Tsy dia manana fahefana amin'ireny fanadinana ireny isika ka noho izany dia ho fohifohy ity fizarana ity. Tena zava-dehibe ny hiarovana ireny fanadinana ireny ho lavitra ny kolikoly ary mila manao izay zavatra rehetra ambanin'ny fahefanao ianao mba tsy hahafahan'ireo mpianatra mividy ny fahombiazana amin'ny fanadinam-panjakana. Rehefa mora ny mividy fanadinana dia lasa very ny lanjany.

Raha toa ka mitsara na manara-maso na mikarakara ireny fanadinana ireny ianao dia aoka mba hiasa am-pahamarinana sy hampirisika ny hafa mba hanao toy izany ihany koa ianao. Aza entina hanomezana tombony ho an'ireo mpianatrao na hamelana azy hangala-tahaka ny fahalalana manokana azonao mikasika ny fanadinam-panjakana ho avy.

Fanasokajiana ny naoty/Grading

50% foana ve no ilaina mba ho afaka? 90% foana ve no naoty tsara indrindra? Tsy mino aho! Raha sarotra be ny laza adina, mety 80% no ho ambony indrindra satria betsaka ireo fanontaniana sarotra. Rehefa nampianatra nandritra ny taona maromaro ianao dia afaka mampiasa ny traikefa anananao sy ny fomba fijerinao ianao hamantarana raha mora na sarotra ilay laza adina. Ahafahanao mampiakatra ny naotin'ny mpianatra rehetra raha sarotra ilay laza adina ary mampidina izany raha mora. Raha ohatra ka manome naoty amin'ny alalan'ny litera ianao. Ohatra: 'A' na 'D', dia mety hanova ny naoty mila tratrarina mba hahazoana sokajy iray ianao arakaraka ny mahasarotra ny laza adina. Amin'ny fanadinana an-dakilasy dia tsy tokony ho gaga ianao raha mahazo naoty ambanimbany kokoa noho ny amin'ny fanadinana famaranana ireo mpianatra satria mbola hanao fampiharana bebe kokoa izy ireo mialohan'ny fanadinana famaranana.

Hevitra vitsivitsy momba ny fitsapam-pahaizana/ A few other thoughts about assessment

Ny mpianatra dia afaka mandray an-tsoratra ny naotiny ahafahany manaraka akaiky ny zava-bitany ka ahitany raha mivoatra izy na tsia.

Mila mitandrina tsara ny sekoly amin'ny fanamboarana laza adim-panadinana. Tehirizo tsara ary ampiasao indray amin'ny manaraka. Tsy voatery hamorona fanadinana vaovao foana. Arovy tsara

ireo laza adina ho an'ny fanadinana lehibe izay tianao mbola hampiasaina amin'ny ho avy ka aza avela entin'ny mpianatra mody.

Famintinana/Summary

Ny fanadinana dia fitaovana tena manan-danja izay manampy ny mpampianatra sy ny mpianatra hahafantatra ny fahaizany. Rehefa mety ny fampiasana azy dia afaka hahatonga ny fampianaranao sy ny mpianatrao hahomby kokoa izany.

Fanontaniana/Questions

1) Inona no hevitra vaovao voarainao avy amin'ity toko ity?

2) Inona no fanovana tianao hatao amin'ny fampianaranao avy amin'ny famakianao ity toko ity?

3) Manandrama "technique d'évaluation formative" ao amin'ny kilasy ampianarinao amin'ity herinandro ity. Inona no "technique"nety? Inona no tsy nety?

4) *Fitsikerana:* Eritrereto ireo fanadinam-panjakana nataonao.

a) Manorata zavatra tsara 5 mikasika ireny fanadinam-panjakana ireny.
b) Manorata zavatra 5 tianao hohatsaraina.

5) *Fitsikerana:* Araka ny hevitrao, moa ve mifanaraka amin'ny karazana mpianatra rehetra ny rafi-panadinana misy eto amintsika amin'izao?

8. Fahazoana fahombiazana amin'ny fanadinana/Achieving examination success

> *"Ny fanadinana dia mety ho fitaovana iray mahomby ahafahana mitsapa ny fahaizan'ny mpianatra ary ny fanaovana fanadinana dia afaka hanampy antsika mba hahay ary hitahiry "information" vaovao anatin'ny fotoana lava ary hampihatra izany amin'ny toe-javatra samihafa."* Association pour la science psychologique[3]

Ny sekoly iray dia afaka ny hahazo vokatra tsara lavitra noho ny sekoly hafa, na dia mitovy aza ny mpianatra ao aminy. Inona no ataon'izy ireo mba hahazoany izany vokatra izany? Ity toko ity dia maneho ny fomba hahombiazan'ireo mpianatra amin'ny fanadinana.

Fakafakao/Discuss

1) Inona no antony mety mahatonga ny sekoly sasany mahomby kokoa noho ny hafa amin'ny fanadinana?

2) Inona no eritreretinao ho azonao atao mba hanatsarana ny voka-panadinan'ireo mpianatrao?

Ity toko ity dia miresaka mikasika zavatra efatra izay tena zava-dehibe amin'ny fahazoana fahombiazana amin'ny fanadinana:

1- Mpianatra mianatra araka ny tokony ho izy
2- Kolontsain'ny sekoly
3- Fitsapam-pahaizana sy fidiran'ny sekoly an-tsehatra
4- Fanaovana fampiasana hizaran'ny mpianatra mamaly fanontaniana ao an-dakilasy.

1. Fomba fianarana mahomby amin'ny fanomanana fanadinana/ Successful exam study

Misy zavatra telo izay tena manan-danja amin'ny fanomanana fanadinana:

a) Ny fanaovana mpianatra "activité" izay hanampy azy hianatra.
b) Ny fanaovana mpianatra fampiasana (exercice)/fampiharana.
c) Ny fangatahan'ny mpianatra fanampiana rehefa misy zavatra tsy hainy.

a) Ny fanaovan'ireo mpianatra "activité" mahasoa ny fianarany

Tokony ho vitanao aloha ny fandaharam-pianarana mba ahafahanareo manana fotoana mamerin-desona ao an-dakilasy. Ireto manaraka ireto dia misy soso-kevitra vitsivitsy mikasika ny zavatra afaka ataon'ny mpianatra ao an-dakilasy na any an-tranony:

- Asaivo manomana famelabelaran-kevitra (exposé) entina hamerenana ireo lesona isan-tarika ireo mpianatra. Zarao ho tarika ireo mpianatra ay omeo lohahevitra fohy samy hafa ny tarika tsirairay. Ataovy mazava amin'izy ireo ny zavatra tianao ataony anatin'izany:
    1. Mila mamerina ireo hevi-dehibe rehetra amin'ilay lohahevitra izy ireo.
    2. Mila mampanao activité na quiz (test de connaissance) izay ahafahana mamerina ilay lohahevitra amin'ny fomba active an'ireo mpianatra hafa izy ireo.

[3] http://www.psychologicalscience.org/index.php/news/releases/testing-can-be-useful-for-students-and-teachers.html, notsidihina tamin'ny Aogositra 2016

- Manaova an'ilay kilalao "fady" mba hahafahana manao "révision" an'ireo teny nianarana (Jereo ilay toko mikasika ny 'Apprentissage actif')
- Manao carte mentale an'ireo lohahevitra nianarana (Jereo ny toko mikasika ny "Fomba hahazoana fahalalana"). Ity misy ohatra "activité" afaka atao:
    1. Mifidiana lohahevitra vitsivitsy hatao révision ao an-dakilasy (farafahakeliny 3)
    2. Omeo taratasy A4 iray avy ireo tarika. Soraty amin'ireo taratasy tsirairay ny **iray** amin'ireo lohahevitra.
    3. Ny tarika tsirairay dia mahazo taratasy iray misy lohahevitra iray avokoa. Omeo fotoana kely ireo tarika (10 minitra raha lava indrindra) ary asaivo manoratra izay *rehetra* hainy mikasika ilay lohahevitra amin'ilay taratasy izy ireo. Tsy mahazo mampiasa kahie!
    4. Afamadika amin'ny tarika hafa ilay taratasy. Mamaky sy manitsy ireo zavatra nosoratan'ilay tarika voalohany ilay tarika manaraka ary manampy izany amin'izay zavatra hainy ka mbola tsy voasoratra ao.
    5. Afamadika amin'ny tarika hafa isaky ny minitra vitsivitsy (10 minitra raha lava indrindra) ilay taratasy. Rehefa saika voasoratra avokoa ireo hevitra rehetra dia asaivo mijery kahie amin'izay ireo mpianatra.
    6. Mandritra izany activité izany dia tokony handehandeha mijery ireo mpianatra ianao, manitsy ireo diso sy mampahatsiahy azy ireo izay zavatra adinony.
    7. Amin'ny farany, averina any amin'ilay tarika voalohany niaingany ilay taratasy mba hovakiany.
    8. Afaka apetaka amin'ny rindrina ivelan'ny efitrano fianarana ireo tsara indrindra mba ho "ressource" famerenan-desona ho an'ny mpianatra rehetra.
- Asaivo mijery ny kahieny ireo mpianatra ka samy manamboatra "carte mentale" an'ireo lohahevitra tsirairay.
- Ampahafantaro ny mpianatra ny andro hanaovana fanadinana ary asaivo mamerin-desona izy hanomanany izany.
- Ho an'ireo mpianatra any amin'ny ambaratonga faharoa (mpianatra 12 taona miakatra), omeo ny mpianatra ny lisitr'ireo zavatra mila hainy amin'ny fanadinana iray. Izany hoe lazao azy ireo ny zavatra **mety** hipoitra any amin'ny fanadinana **fa tsy** ireo zavatra hivoaka any amin'ny fanadinana **hampanaovinao** azy ireo. Aorian'izany dia afaka mamerina ireo lesona mifanaraka amin'izany ireo mpianatra. Ampirisiho mba hanao ezaka amin'ny fianarana ireo zavatra mbola tsy hainy tsara ireo mpianatra. Ny mpampianatra kosa dia tokony hanana ny lisitr'ireo zavatra mila hain'ny mpianatra amin'ny fanadinana.
- Afaka manamboatra "carte mémoire" (flashcards). Ny "carte mémoire" dia misy fanontaniana amin'ny lafiny iray ary misy ny valiny ao ambadika. Afaka mifanadina amin'ny alalan'ireo « cartes » ireo mpianatra. Ireo mpianatra roa tonta (na ilay manadina na ilay adinina) dia samy mianatra avokoa rehefa manao izany.



- Ataovy azo antoka fa mety tsara ny lesona anatin'ny kahien'ny mpianatra. Jereo raha marina tsara ny zavatra nadikany.

- Asaivo manao famintinana ireo lohahevitra samihafa amin'ny lesony ireo mpianatra. Ao anatin'izany dia tokony hisy:
    - Ireo famaritana lehibe mila hainy.
    - Ireo teboka lehibe mila hainy.
    - Ohatra fanontaniana na "problème" tokony ho voavaliny.
- Ny fanomezana enti-mody tsara dia izay manampy ny mpianatra mba hahafantatra ny zavatra tokony hataony any an-tranony. Soso-kevitra vitsivitsy:
    - Manao famintinana, sary peta-drindrina (poster) mikasika lohahevitra iray.
    - Omeo fanontaniana maromaro ho valiny ireo mpianatra. Ireo fanontaniana dia tokony ho mora kokoa noho ireo fanontaniana any an-dakilasy mba tsy hahatonga ireo mpianatra ho sahirana any amin'ny toerana tsy ahafahana manampy azy.
- Mila fantatr'ireo mpianatra fa ny fanaovany ezaka dia hanatsara ny vokatra azony.
- Omeo fandaharam-potoana maneho ny famerenan-desona tokony hataony any an-tranony ireo mpianatra mialohan'ny fanadinany. Izany fandaharam-potoana izany dia tokony haneho aminy ny fotoana tokony hianarany lohahevitra iray. Hanokany fotoana lavalava kokoa ireo lesona izay efa ela no nanaovana azy, ireo izay efa mety adinodino.

b) Ny fanaovan'ny mpianatra fampiasana (exercices)

Mba hahafahan'ny mpianatra mahomby amin'ny fanadinana dia mila omentsika fahafahana mizatra mamaly fanontaniana mitovy endrika amin'ireo fanontaniana any amin'ny fanadinana izy ireo. Soso-kevitra vitsivitsy:

- Omeo boky voatonta feno fanontaniana ireo mpianatra ka mamaly izany araka izay hafainganana mety aminy. Misy hahavaly ireo fanontaniana rehetra, misy kosa hahavaly vitsivitsy. Mila manana boky misy ny valin'ireo fanontaniana ihany koa ianao mba hahafahan'ny mpianatra mindrana izany ka mitsara ny valim-panontaniany.
- Zaraina ho tarika ny mpianatra ka asaina mamaly fanontaniana, atao toy ny amin'ireny fifaninanana amin'ny fahitalavitra ireny.
- Manorata karazam-panontaniana mpitranga amin'ny fanadinana eny amin'ny solaitra be ary asaivo valian'ny mpianatra isan-tarika na tsirairay izany.
    - Lazao ireo mpianatra ireo valim-panontaniana marina mialohan'ny hiravana.
    - Fantaro fa hisy mpianatra hahavita izany malaky kokoa noho ny sasany. Manomana zavatra ampanaovina ireo izay mahavita.

c) Ny fangatahan'ny mpianatra fanampiana rehefa misy zavatra tsy hainy

Entano ireo mpianatra mba hangataka fanampiana amin'ny namany rehefa misy zavatra tsy hainy. Rehefa tsy afaka manampy azy ny namany vao tokony hanantona anao izy. Izany dia hahatonga an'ireo mpianatra hifampianatra ka hampitombo ny fahaizan'izy ireo.

2. Ny kolontsain'ny sekoly/ School Culture

Ny kolontsain'ireo mpianatra anatin'ny sekoly iray dia misy fiantraikany lehibe amin'ny voka-panadinana. Raisintsika ohatra ireo kolontsain'ireto sekoly roa ireto:

Sekoly A

Mahafinaritra ireo mpianatra ary mifantoka tsara ao an-dakilasy, na eo aza izany dia tsy mba nataony izy ireo ho zavatra tsara ny fahombiazana amin'ny fianarana. Ny mpianatra mahomby dia tsy mba malaza, indraindray izy ireo dia enjehin'ireo mpiara-mianatra aminy ka any tranony na any

amin'ny trano famakiam-boky izy no mianatra. Mipirina avokoa ny boky sy ny fitaovam-pianarana rehetra mandritra ny fakan-drivotra na ny fotoana fisakafoanana. Maro ireo mpianatra milaza fa ny sekoly dia 'ho an'ireo vendrana'. Ny mpampianatra dia saika mahay mampianatra avokoa, fa ny ankamaroan'izy ireo dia tsy tena mandresy lahatra ireo mpianatra ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fanabeazana. Ny kolontsain'ny sekoly A dia tsy manome lanja ny fahombiazana ara-pianarana.

Sekoly B

Tamin'ny andro voalohany nampianarako dia tena gaga aho nahita ireo mpianatra mipetrapetraka miaraka amin'ny bokiny, mamaky boky, mianatra ary miresaka momba ny lesona amin'ireo namany. Mbola nahita fotoana nanaovana kilalao sy hifalifaliana ireo mpianatra nefa hita fa nanan-danja tamin'izy ireo ny fianarany ary nikatsaka ny vokatra tsara indrindra hatrany izy ireo. Ao an-dakilasy dia mazoto sy mianatra mafy avokoa ny ankamaroan'ireo mpianatra ary ireo mpianatra mahomby dia noderaina sy nohajaina. Vitsivitsy ihany ireo mpianatra tsy niraharaha ny fanabeazana. Ny kolontsain'ny sekoly B dia manome lanja ny fahombiazana amin'ny fianarana.

Inona no antony mahasamihafa be ny kolontsaina?

Nahita fahasamihafana maromaro tamin'ireo sekoly ireo aho:

- Ireo ray aman-dreny ao amin'ny sekoly A dia tsy niandrandra zavatra ambony avy amin'ireo mpianatra. Fa ireo ray aman-dreny amin'ny sekoly B dia niandrandra vokatra tena tsara avy amin'ireo zanany.
- Ireo mpampianatra tao amin'ny sekoly B dia nanantena vokatra tsara kokoa avy amin'ny mpianany raha oharina amin' ireo mpampianatra tao amin'ny sekoly A. Ny fikarohana[4] dia milaza fa matetika dia tratran'ireo mpianatra ny vokatra izay antenain'ny ray aman-dreniny na ny mpampianatra hotratrariny.
- Ireo mpampianatra tao amin'ny sekoly B dia nanomana bebe kokoa ny mpianany ho amin'ny fanadinana noho ny mpampianatra ao amin'ny sekoly A.
- Ny mpianatra tao amin'ny sekoly B dia naniry kokoa ny hahomby raha oharina amin'ireo tao amin'ny sekoly A. Ny mpianatra sasany izay tsy dia niraharaha fianarana loatra dia nampaherizin'ireo mpianatra maro izay nazoto. Tadidiko nisy ankizivavy kely iray izay nampidirina nianatra tao amin'ilay kilasy nampianariko, ratsy dia ratsy ny vokatra azony tany amin'ny sekoly izay nisy azy taloha. Ny naotiny dia niakatra 20% farafahakeliny tao anatiny ny volana vitsivitsy satria tsara kokoa ny kolontsaina tao amin'ilay sekoly.
- Ny mpandraraha ny sekoly B dia mijery ny fahaizan'ny mpianatra hatrany. Nojerena sy nampiana ireo mpianatra izay natahorana hahazo valim-panadinana ratsy.
- Ireo vokatra miavaka mikasika ny fianarana kosa dia nankalazaina hatrany any amin'ireo fivoriana na any an-dakilasy.

Ahoana no hanovanao ny kolontsaina?

Ampaherezo hatrany ireo mpianatra tena mahay sy ireo izay nanao ezaka ao amin'ny kilasy ampianarinao. Arahabao ireo mpianatra nahay sy izay nanao ezaka be indrindra. Ireo mpianatra somary votsavotsa kosa dia tokony homena tanjona izay heverinao fa tokony hotratrany ary deraina rehefa mahatratra izany.

[4] http://files.eric.ed.gov/fulltext/EJ1081569.pdf notsidihina tamin'ny Septambra 2016

Derao mandritra ireo fivorian-dehibe ny zava-bitan'ireo mpianatra, ohatra: ny fanomezana sertifika ireo mpianatra noho ny ezaka nataony sy ny fahombiazany tamin'ny fianarany.

Ireo ray aman-dreny na mpitaiza dia tokony hilazan'ny sekoly ny maha-zava-dehibe ny fanabeazana ireo ankizy. Ampio izy mba hahatsapa fa ny ankizy nahazo fanabeazana tsara dia hahomby bebe kokoa amin'ny fiainana. Raha liana amin'ny fanabeazana ny ray aman-dreny dia hitombo ny ezaka ataon'ny mpianatra. Ampio ihany koa ireo ray aman-dreny amin'ny fametrahana tanjona ho an'ireo mpianatra, ary ampio izy mba hahita ny mety ho fivoaran'ny fiainany avy amin'ny fanabeazana ny zanany.

Misy mpianatra tena miezaka mafy nefa mahazo naoty ratsy. Ireny mpianatra ireny dia mila ankasitrahana noho ny ezaka ataony. Tena mampirisika anareo aho mba hanisy naoty manokana ho an'ny ezaka ataon'ireo mpianatra ho fanampin'ny naotiny ao an-dakilasy. Izaho dia milaza amin'ireo mpianatra foana hoe tsy ny naoty azon'izy ireo amin'ireo fanadinana no zava-dehibe amiko fa ny ezaka nataon'izy ireo tamin'izany. Raha niezaka araka izay vitany ny mpianatra iray tao an-dakilasy, nanao izay fara-heriny tamin'ny fanaovana ny enti-mody ary tena namerin-desona tokoa tany an-tranony dia omeko naoty tsara amin'ilay naoty ho an'ny ezaka. Tadidio fa na dia tsy mahafa-po anao aza ny asan'ny mpianatra iray dia mety efa nanao izay fara-heriny izy hatomombana izany.

Fahalalana ny taranja ampianarina/Subject knowledge

Fony aho mpampianatra zandriny dia tena nanana fahazotoana nefa mbola nisy fahabangana tamin'ny fahalalako sy fahazoako ilay taranja nampianariko. Nangataka toro-hevitra tamin'ireo mpiara-miasa tamiko aho matetika ary izy ireo dia nanampy ahy mba hahazo kokoa ny zavatra nampianariko. Izy ireo koa dia nampianatra ahy ny fomba hampianarana ireo lohahevitra sarotsarotra. Na izy ireo aza tsy nahay ny valiny indraindray.

Tena ilaina ny manome vahana ny kolontsaina izay ahafahan'ireo mpampianatra ao amin'ny sekoly mifanampy, mifanontany hevitra sy mifangataka "ressources" ary tsy hahazo tsikera hafahafa noho ny fanaovany izany. Any Ecosse, izahay dia manana "réseau" amin'ny aterineto izay ahafahan'ny mpampianatra taranja fizika mizara ireo "ressources" novokarin'izy ireo. Misy ihany koa ireo vondrona izay manome vahana ny fianarana ny Siansa ary manampy ireo mpampianatra. Ilay kolontsaina mizara dia hanampy antsika rehetra mba ho tonga mpampianatra tsara kokoa. Tena zava-dehibe ihany koa ny hanomezantsika lanja ny kolontsaina izay ahafahan'ireo mpampianatra mifanakalo hevitra mikasika ny fomba hiatrehana ireo kilasy na mpianatra mety manahirana.

Mila hainao tsara ihany koa ny fanadinana mikasika io taranja io. Tsara raha efa namaly laza-adina maro mikasika ny taranja ampianarinao ianao ka nitsara izany araka ny fomba fitsarana ofisialy.

Afaka mahita rohy (lien) ahazoanao "ressources" mikasika taranja samihafa ianao ao amin'ny http://mada-enseignants.org. Raha manana lesona tsara mikasika ilay taranja ampianarinao ianao dia hevero ny hizara izany maimaimpoana amin'ny olona hafa.

3. Fitsapam-pahaizana sy fidirana an-tsehatra/Assessment and interventions

Nisy mpampianatra frantsay iray nilaza tamiko ny hatairany rehefa nahita fa ny mpianany *rehetra* dia tsy afaka tamin'ilay fanadinana an-tsoratra nataon'izy ireo. Tsy nampoiziny izany satria tsy nampanao fitsapam-pahaizana an'ireo mpianany izy ary tsy nahalala ny fahaizan'izy ireo. Tokony tsy

hitranga matetika aminao sy ny mpianatrao izany hoe tsy fahafaham-panadinana tsy nampoizina izany.

Voalohany, mila azonao an-tsaina hoe hatraiza ny zavatra *afaka* ho vitan'ny mpianatra iray. Tahaka ny ahoana ny asa tsara indrindra vitany? Manaraka izany dia ampanaovy fitsapam-pahaizana tsy tapaka izy ireo, izany dia haneho aminao raha mahatratra ilay lenta heverinao fa tokony ho tratrany ny zava-bitany.

Raha tsy tsara araka ny tokony ho vitany ny zavatra ataon'ny mpianatra, miresaha aminy. Mety hoe maty tamin'ny herinandro lasa ny biby fiompiny ka kivy izy. Mety hoe very ny fahazotoany ka mila fampaherezana izy. Na mety mila fanampiana izy amina lohahevitra iray sarotsarotra.

Raha mila fanampiana bebe kokoa ireo mpianatra, ireto misy hevitra vitsivitsy:

- Manamboara fotoana manokana hianaran'ilay mpianatra miaraka amin'ny mpampianatra. Mety ho sarotra ny hanao izany na mety ho lafo loatra ho an'ilay mpianatra.
- Manao "cours" iarahana amin'ny mpianatra hafa amin'ilay mpampianatra. Mety mbola ho lafo loatra ho an'ilay mpianatra koa izany.
- Ataovy miara-mianatra amin'ny mpianatra mahay indrindra izay hampianatra azy izy. Izany dia tombony ho an'ireo mpianatra roa tonta. Hahay kokoa ilay mpianatra mahay indrindra satria hampianatra izy, ary ilay mpianatra tsy mahay dia hahay satria ampianarina. Ataovy azony ireo mpianatra mazava tsara fa samy hahazo tombony amin'izany izy roa.
- Tokony hampafantarina ny ray aman-dreny raha toa ka somary sahirana ny zanany. Mety hoe mila fotoana malalaka kokoa izy ianarany, na sakafo bebe kokoa, na fampaherezana bebe kokoa. Fa tsy ekena kosa raha manantena an'ireo ray aman-dreny hampianatra ireo mpianatra izay zavatra tokony hampianarinao ianao. Misy fianakaviana mety afaka ny hampianatra ny zanany fa tsy ny fianakaviana rehetra no hanana ny fahaizana-manao na ny fotoana hanaovana izany. Averiko ihany, tsy mety raha manantena an'ireo ray aman-dreny hampianatra ireo zanany ianao, asanao izany!

Tokony raisinao an-tsoratra ireo vokatra azo ny mpianatrao amin'ireo fanadinana an-dakilasy mandritra ny taona maro misesisesy. Izany dia hanampy anao hahita raha mihatsara na miharatsy ny vokatra ka ahafahanao miezaka mamantatra ny antony nampiova izany.

4. Ny fampanaovana fampiasana izay misy fanontaniana mitovy endrika amin'ny fanontaniana any amin'ny fanadinana mandritra ny lesona/Put exam practise in lessons

Tamin'ilay kilasy iray tamina toeram-pampianarana teny Frantsay izay tsy nisy mpianatra afa-panadinana tamin'ny fanadinana an-tsoratra, ny antony nahatonga ireo mpianatra tsy afaka dia satria tsy nomena fahafahana hizatra hanoratra izy ireo! Nampianarin'ilay mpampianatra azy ireo ny *fomba* fanaovana asa an-tsoratra fa tsy mba nomeny fampiasana an-tsoratra mihitsy izy ireo.

Amin'ny ankamaroan'ny fotoana ampianaranao dia tokony hanome fampiasana afaka hizaran'ireo mpianatra hamaly fanontaniana ianao. Ezaho asiana fanontaniana mora sy fanontaniana sarotra vitsivitsy. Asio fanontaniana avy amin'ny sokajy 3-6 ny sokajin'i Bloom iray farafahakeliny. Tokony hametraka fanontaniana izay hitsapa ny fahalalan'ny mpianatra sy ny fahazoany ny lesona ianao. Izany dia hahatonga ny mpianatra hamerina ilay lesona sy hahay izany.

Raha toa ka tsy manana fotoana ampy hanomezana fampiasana an'ireo mpianatra ianao dia andramo ireto manaraka ireto:

- Aza tara rehefa hampianatra. Raha manomboka ara-potoana ny lesonao dia hanana fotoana be be kokoa hanomezana fampiasana an'ireo mpianatra ianao.
- Ataovy malaky kokoa ny fanazavana. Raha nisy mpianatra vitsivitsy tsy nahazo tsara ny fanazavanao dia afaka mangataka fanampiana manokana izy mandritra ny fotoana hamalian'ny mpianatra rehetra ireo fanontaniana amin'ny fampiasana.
- Atontay ny lesona (atao "impression"). Mitaky fotoana lavalava ny fandikana lesona.
- Aza asaina adikan'ny mpianatra ireo fanontaniana fa tonga dia valiana avy hatrany.

Fanontaniana/Questions

1. Inona no hevitra vaovao taminao tamin'ity toko ity?

2. Inona no hevitra tianao hampiharina any amin'ny kilasy ampianarinao? Manaova planina momba ny fomba hanaovanao izany izao.

3. Inona no zavatra hovainao amin'ny fombanao rehefa akaiky ny fanadinana?

4. Ianao ve manana lisitra izay maneho ny zavatra mila hain'ny mpianatrao atao amin'ny taranja ampianarinao? Raha tsia, manomboha manao iray.

4. *Fitsikerana:* Inona amin'ireo hevitra ireo no hitanao tena hampiova zavatra be amin'ny mpianatra? Nahoana?

5. *Fitsikerana:* Inona amin'ireo hevitra ireo no hitanao fa tsy hanova zavatra firy amin'ny voka-panadinana? Nahoana?

9. “Programme parascolaire”/The extra curriculum

> *"Tsy ny fahazoana naoty tsara ihany no mila ampianarina, ary aty Bretagne, ny sekoly dia tsy natao ho an’ny saina fotsiny fa natao ho an’ny fanatanjahantena sy ny zava-kanto ary natao hitadiavana karazana fomba maro mba hahalafatra. Ny rafitra britanika dia tsy dia mifantoka amin’ny vokatra loatra, fa mamolavola ny “estime de soi”, ny maha-izy ny olona (personnalité) sy ny toetrany, nefa izany dia tsy hita mihitsy amin’ny rafi-pampianarana frantsay ary toe-javatra mampalahelo izany."* Peter Gumbel, cherheur en éducation[5]

Fakafakao/Discuss

1) Misy olona tianao mba halain’ireo mpianatrao tahaka ve? Inona no zava-manokana hitanao amin’ireo olona ireo?

2) Inona no zavatra afaka ataonao mba hanahafan’ireo mpianatrao an’ireo olona miavaka ireo?

Maro ireo sekoly no mihevitra fa ny antom-pisian’ny fanabeazana dia mba hahombiazan’ny mpianatra amin’ny fanadinana. Izany dia tena manan-danja ary hitana toerana lehibe amin’ny zavatra ataon’ny sekoly foana fa mbola misy zavatra maromaro manan-danja tokony hampianarina izay tsy miditra amin’ny fanadinana nefa mety afaka hampivoatra ny fiainan’ireo mpianatra sy ny an’ny fiaraha-monina misy azy.

Mampianara ireo zavatra ivelan’ny fandaharam-pianarana (programme parascolaire) mba hahafahanao mampivoatra ny fiainan’ireo mpianatrao. Izany dia ny fampianarana azy ireo zavatra tsy hadinina amin’ny fanadinana.

Maro dia maro ny safidy ananantsika mikasika ny “activité parascolaire” afaka atao. Ny sekoly sy ny mpampianatra no mila mifidy ireo izay tena ilaina. Mifantoha amin’ireo izay hitanao fa ilaina, mifandray amin’ny lesonao na tena mahafinaritra anao. Ary tadidio fa tsy afaka hanao an’izy rehetra ianao!

Misy mpampianatra mampiditra ny “activité parascolaire” amin’ny lesona fampianariny amin’ny alalan’ny fomba hitondrany ny mpianany na amin’ny alalan’ny karazana lahatsoratra fidiny. Misy kosa manokana fotoana vitsivitsy isan-kerinandro mba hampianarany ireo “ programme parascolaire”. Misy sekoly manana “club” sy “activité” izay atao amin’ny fotoana ivelan’ny ora fianarana.

“Programme parascolaire” tena ilaina / Essential extra-curriculum

Ny sekoly dia tokony hanomana ireo mpianatra mba hahomby amin’ny fiainana. Ireto manaraka ireto dia misy zavatra vitsivitsy, fahaiza-manao ilaina amin’ny fiainana izay heveriko fa tokony hohezahin’ny sekoly *rehetra* ampianarina ny ankizy ao aminy

Ny fampiasana ny zavatra ananan’ny mpianatra

[5] https://www.theguardian.com/world/2010/sep/05/french-schools-pupils-feel-worthless notsidihina tamin’ny Aogositra 2016

- Ny fanomezana sakafo ara-pahasalamana sy mora vidy ho an'ny fianakaviany. Tsy ara-pahasalamana ny fihinana vary fotsiny.
- Ny fampiasana fomba fahandro mahomby tahaka ny fatana mitsitsy etsy ankavanana.
- Ny fomba fambolena mahomby.
- Ny fomba fanaovana zezika amin'ny alalan'ny fako mba hampitombo ny voly.
- Ny fomba fitantanam-bola tsara.
- Mampianatra ny mpianatra ny fitondran-tena tokony hanana mba hananany fiaraha-monina mafy orina.

Fanampiana ireo mpianatra mba ho tonga olona tsara ho an'ny mpampiasa

- Manana ny toetra mifanaraka amin'ny fitsi-pitondran-tena manoloana ny asa. Maro amin'ny Malagasy no tsy afaka raisina miasa noho ny tsy fananany izany toetra izany na tsy mba azo itokisana.
- Fampianarana ireo fahaizana teknolojia tsotsotra. Sarotsarotra ny hampiasa olona tsy afaka antsoina @ finday na tsy afaka mampiasa "email".
- Ny fahaizana manao CV sy fahaizana miatrika ny "entretien d'embauche".
- "Compétences entrepreunariales"- manampy ny olona mba hamorona orinasa ho an'ny tenany.
- Ny fifidianana ny "filière" tokony hatao any amin'ny Oniversite izay afaka ahitana asa. Ireo fahaiza-manao ireo dia afaka ampianarina amin'ny fotoana manokana ivelan'ny ora fianarana.

Ny fikolokoloana ny fahasalamana

Eto Madagasikara dia hita fa tsy ampy ny fahazoan'ny mponina ireo olana ara-pahasalamana tsotra ka tsy ara-dalana ny fahasalaman'ny olona sasany. Ny fanatsarana ny fanabeazana mikasika ny fahasalamana any an-tsekoly dia hampivoatra ny fahasalaman'ny mponina rehetra. Hevitra vitsivitsy:

- Kendreo mba voala kankana sy vita vaksiny hatrany ireo mpianatra.
- Ny fomba hisorohana ny tazomoka sy ny aretina hafa aterakin'ny moka.
- Fahadiovana tsotsotra – toeram-pivoahana, fanasana tanana, fisotrona rano madio sy fikarakarana sakafo azo antoka.
- Ny fanadiovana ny rano mba ho tonga rano fisotro madio.
- Ny fisorohana ny diabeta amin'ny tsy fihinana sakafo sy zava-pisotro mamy.
- Ny resaka firaisana ara-nofo.
- Ny fandrindrana fiainam-pianakaviana, ny fampianarana ny olona rehetra mba hampiasa fanabeazana aizana mba tsy hisy vehivavy hiteraka zaza maro loatra mihoatra noho ny afaka hovelominy.
- Ny sakafo ara-pahasalamana tokony hohanina rehefa mitondra vohoka na mampinono. Tena ilaina ny fihinana sakafo samihafa (vary, tsaramaso ary anana). Mila omena nono foana ny zaza ary mila mampiasa "lait maternisé" raha tsy afaka mampinono ny reny. Ny varin'ampango **dia tsy misy** otrikaina ary **tsy** mampitombo ny zaza. Fadio ny zava-pisotro misy "alcool" rehefa mitondra vohoka. Ny fihinana anana dia tsy mampisy mangana ny zaza rehefa teraka.

- Fampianarana entina manampy ny mpianatra mba hanalavitra ny fiankinan-doha amin'ny zava-mahadomelina sy ny "alcool".
- Ny fomba fiatrehana aretina mateti-pahazo, ao anatin'izany ny fampahafantarana ny fotoana tokony hanantonana mpitsabo.
- Ny fikojakojana ny nify.

Ireo lohahevitra ireo dia afaka ampianarina amin'ny ora fianarana, ohatra : amin'ny ora fianarana "Biologie" sy siansa. Kendreo mba ho tafiditra amin'ny fandaharam-pianarana ny fianarana zavatra mikasika ireo lohahevitra ireo na manokàna fotoana hafa ianarana izany. Afaka maka mpitsabo na mpitsabo mpanampy ny sekoly mba hampiofana ny mpiasa ao aminy raha ilaina izany.

Manaraka fomba fiainana mampiakatra ny "économie"

- Manjifa ny vita gasy fa tsy ny vokatra nafarana avy any an-dafy.
- Manangana raharaham-barotra kely.

Mety tsy hitovy ny fomba hampianaran'ny sekoly ireo fahaiza-manao ireo. Ny sasany amin'ireto "activité parascolaire" manaraka ireto dia afaka hampivelatra ireo fahaiza-manao ireo amin'ny mpianatra.

Karazana "programme parascolaire" hafa / "Other extra curricular options

Ireto manaraka ireto dia karazana "programme parascolaire" hafa izay tsara ihany koa:

"Estime de soi"/ Self Esteem: Ny fananana "estime de soi" dia ny fanananao fahatokisana ny fahaizanao sy ny fanananao fijery "positif" momba ny tenanao. Ny fananana fahatokisan-tena sy "estime de soi" dia mampitombo tokoa ny fahombiazana amin'ny fiainana.

Amin'inona no ampianarana izany: Amin'ny "activité" rehetra sy fotoana fampianarana rehetra ao an-tsekoly.

Ny fomba ampianarana izany: Ny fomba hitondranao ny mpianatrao ao am-pianarana dia manampy ny "estime de soi" ananany. Raha lazainao fa vendrana izy dia hanana "estime de soi" ambany. Fa raha mitady ny tanjany (point fort) ianao ary midera azy dia mety hatoky kokoa izy fa afaka mahavita zavatra tsara ary manan-danja ny tenany. Maro ireo "activité" izay manangana ny "estime de soi". Ny « activité parascolaire » tahaka ny "éducation en plein air », fanatanjahantena, mozika sy tantara an-tsehatra dia mampitombo ny « estime de soi ».

Efa nahare aho fa misy mpampianatra eto Madagasikara manao fihetsika mahatonga ireo mpianany hatahotra, miteny ratsy azy ireo, mikapoka na mahatonga azy ireo hanana fijery ratsy mahakasika ny tenany. Ny fitondran-tena toy izany dia hahatonga ireo mpianatrao hankahala ny taranja ampianarinao ary tsy hahay izany. Misy fotoana ireo mpianatrao mety hahatezitra anao. Fa aoka mba hanana faharetana ianao, hanazava tsara, handray andraikitra amin'ny hitsiny manoloana ireo olana ara-pitondran-tena ary ny tena zava-dehibe indrindra, omeo tosika hatrany ireo mpianatra amin'ny zavatra vitany.

Fitarihana/Leadership: Tena zava-dehibe amin'ny fahombiazan'ny sekoly rehetra, ny orinasa, ny fiaraha-monina, ary ny firenena ny fisian'ny mpitarika tsara. Na iza na iza no ampianarin'ny sekoly misy anao dia misy amin'ireo mpianatra ao ireo no hanana tombontsoa hitarika amin'ny ho avy.

Ny fomba ampianarana izany: Omeo andraikitra ireo mpianatra mandritra ny lesona na ao an-tsekoly. Asaivo mifidy mpisolo-tena isaky ny kilasy na sokajy ireo mpianatra, ka ireny no hitatitra ny hevitr'izy ireo sy ny fihetsem-pony mandritra ny fivoriana hiarahana amin'ny mpandraharahan'ny sekoly isam-bolana. Afaka asiana filoha iray ary mpisolo-vava lehilahy sy vehivavy izay hitana andraikitra vitsivitsy toy ny manampy amin'ny fivorian'ny ray aman-dreny, mitondra teny sns...Manasà mpitarika eny amin'ny fiaraha-monina mba ho avy ary hiresaka momba ny andraikiny eny amin'ny fiaraha-monina. Manatona ny HELP Madagascar ao Toamasina raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fampianarana fitarihana ho an'ny mpianatra.

Toe-tsaina tokony hananana manoloana ny vola sy ny fananana/Attitude to money and posessions: Maro amin'ny olona eto amin'izao tontolo izao no manome lanja bebe kokoa ny vola sy ny fananana manoloana ny mpiara-belona aminy na ny fifandraisana amin'ny olona. Fomba fijery tsara ve izany sa tsia? Raha ny hevitro dia tsy ratsy akory ny fahombiazana, fa tsy mety kosa raha avy amin'ny fanambakana ny hafa no nahazoana izany vola izany. Tsara kokoa ny mahazo tombom-bola kely sady mikarakara ny mpiasanao sy ny tontolo iainana ianao noho ny mahazo tombony be fa mampiasa olona amin'ny tsy rariny sy manimba ny tontolo iainana. Ny fanaovana kolikoly dia tsy fahamarinana ihany koa. Rariny isika raha mandoa hetra fa ny manao tsolotra kosa dia tsy mety. Ampianaro mba tsy handray na hanome tsolotra ireo ankizy.

Tena zava-dehibe ihany koa ny ampianarana mikasika ny lanjan'ny fanangonam-bola sy ny fanomezana. Maro amin'ny Malagasy no mandany ny volany amin'ireo zavatra izay tsy haharitra. Ampianaro ny ray aman-dreny mba hahay hitantana ny volany ka mba tsy ho tapatapaka ny sarampianaran'ny zanany.

Ny fomba ampianarana izany: Ny mpampianatra dia modely ho an'ireo mpianatra, ny mpampianatra no tokony haneho ny toetra mety. Ora fianarana manokana mikasika ny fitantanambola.

"Principe"/Principles: Ny lalàna moraly hentitra dia tsara hampitaina amin'ny mpianatra. Ny toetra mahatoky, ny rariny, ny tsy fizahan-tavan'olona, ny fanomezan-danja ny hafa, ny fandraisan'andraikitra amin'ny asa tokony hatao, ny famelan-keloka, ny fahazotoana miasa ary ny fijoroana amin'ny fahamarinana.

Ny fotoana ampianarana izany: Mandritra ireo "activité scolaire" rehetra.

Ny fomba ampianarana izany: Ny mpampianatra dia tokony hiezaka araka izay vitany mba ho modely haneho ireo toetra ireo ary hanaiky fa ny olona dia mety ho diso. Ampirisiho ary ampianaro miasa miaraka amin'ny foto-pisainana sy fitondran-tena tsara ireo mpianatra. Aoka ho modely ho an'ny mpianatra amin'ny rariny sy ny hitsiny ao am-pianarana ny mpampianatra. Aoka hizaka ny vokan'ny nataony ny mpianatra izay manao fahadisoana. Mamelà ny helok'ireo mpianatra izay nanao zavatra tsy nety taminao taloha.

"Empathie" (fiaraha-miory) /Empathy: Ny sekoly dia tokony hampirisika ny mpianatra mba hahazo ny toe-javatra mahazo ny olona manodidina azy, ary manampy azy ireny amin'izay azony atao.
Ny fotoana ampianarana izany: mandritra ireo "activité scolaire" rehetra.
Ny fomba ampianarana izany: Ampio ireo mpianatra mba hahazo ny ady mianjady amin'ny tsirairay, maneho « sympathie » sy antra ho an'ireo mpianatra mandalo fotoan-tsarotra. Amin'ny taranja

sasany dia afaka manao vakiteny momba ny fiainan'ny olona samihafa sy ny toerana misy azy ireo ary mianatra ny mipetraka eo amin'ny toeran'ireo olona ireo. Ny sekoly dia afaka manohina ireo mpianatra tena mahantra amin'ny alalan'ny fanomezana azy sakafo maimaimpoana any an-tsekoly na asa ho an'ny ray aman-dreniny, ohatra miasa any amin'ny toerana fiompian'ny sekoly na mikarakara ny trano fianarana.

Fampandrosoana ny fiaraha-monina/Community development: Ny sekoly dia tokony hanampy ny mpianatra mba hahay hanampy ireo olona sahirana. Hevitra vitsivitsy:

- Ampianaro mahandro sakafo ireo mpianatra ary zarao amin'ny olona mahantra izany.
- Mambole hazo fihinam-boa eny amin'ny fiaraha-monina.
- Mianara mikasika ireo olana ara-pahasalamana eo anivon'ny fiaraha-monina ka mandehana mampianatra izany any amin'ireo fianakaviana sy ireo namana.
- Manamboara mofo mamy ary amidio izany mba ahafahana manangom-bola entina hanaovana fiantrana eo an-toerana.
- Asaivo manadio sy manala ny fako manodidina ny sekoly sy ny fiaraha-monina ireo mpianatra.

Toe-tsaina tia karokaroka/Curiosity: Ny fananana fahalianana amin'ny fianarana ary ny fametrahana fanontaniana.

Ny fotoana ampianarana izany: mandritra ny Lesona.

Ny fomba ampianarana izany: Ampirisiho hieritreritra fanontaniana mikasika ny lohahevitra ampianarinao ireo mpianatra, na dia tsy hainao aza ny valiny rehetra. Ataovy mahaliana ireo lesona ary manomeza ohatra mampifandray izany amin'ny fiainan'ny mpianatra raha mety. Omeo zavatra fanampiny ho vakiny ireo mpianatra liana ny amin'izany.

Fahaizana"communication"/Communicators: Ny "communication" tsara, mazava dia fahaiza-manao tena ilaina.

Ny fotoana ampianarana izany: Lesona, aorian'ireo "activité scolaire".

Ny fomba ampianarana izany: Manaova "groupe de discussion", "discussion de classe" ary ady hevitra ao an-dakilasy. Asaivo miezaka manatsara ny fanoritsoritana nomen'ny mpianatra iray ireo mpianatra sasany. Tokony hahavita hamorona lahatsoratra lava ireo mpianatra. Manaova tantara an-tsehatra amin'ny taranja ampianarinao na any amin'ireny "club" aorian'ny ora fianarana ireny. Mamorona "club" izay hanofananao ireo mpianatra hanao lahateny mahaliana mikasika lohahevitra iray.

Fampianarana "informatique"/Computer literate: Amin'ny fotoana maha-mety azy dia tokony omena tombontsoa hianatra "informatique" ireo mpianatra. Izany dia azo lazaina ho fanamby, indrindra ho an'ireo sekoly izay manana mpianatra maro sahirana na dia hividy penina sy taratasy hianarany aza.

Ny fotoana ampianarana izany: Lesona, "cours spécial".

Ny fomba ampianarana izany: Raha manana solosaina na "tablette" na "smart phone" ianao dia afaka omena ampiasain'ny mpianatra tsiroaroa izany mba hanaovany "activité". Asehoy ny mpianatra ny fomba fitadiavana "information" amin'ny alalan'ny aterineto. Jereo ny http://mada-enseignants.org raha mila "ressource" tsara azonao ampiasaina na ampidirina amin'ny solosainao ianao.

Fahaizana misaina lalindalina kokoa/Higher level thinking skills: Ny fampianarana lesona izay misy zavatra mitaky fahaizana misaina ambonimbony kokoa amin'ny sokajin'i Bloom dia tena hitondra tombony be dia be ho an'ny mpianatra amin'ny ho avy.
Ny fotoana ampianarana izany: Lesona.
Ny fomba ampianarana izany: Mampiasa hevitra avy amin'ilay toko momba ny sokajin'i Bloom.

Fahaiza-manao ilaina amin'ny fiainana/Life skills: Ireo fahaiza-manao ilaina mba hahombiazana amin'ny fiainana. Ny resaka fahasalamana, fitantanam-bola, fandrindrana fotoana, fahaizana manadihady, "orientation professionnelle", fanomanana ny fianarana atao any amin'ny ambaratonga ambony, ary ny maro hafa koa. Ny fanampiana ny mpianatra hahay hiatrika zava-tsarotra toy ny fahafatesana sy ny loza. Ny fampianarana ny mpianatra ny fahaizana mikaroka.
Ny fotoana ampianarana izany: Misy fahaiza-manao ilaina amin'ny fiainana izay afaka ampianarina amin'ireo lesona anatin'ny fandaharam-pianarana, ohatra: ny fitantanam-bola dia mety tsara amin'ny lesona matematika. Fa misy kosa fahaiza-manao maro izay mila fotoana manokana hianarana izany.

Mozika/Music: Ny mozika dia nanana toerana lehibe teo amin'ny fiainan'ny olombelona sy ny kolontsaina foana hatramin'izay.
Ny fotoana ampianarana izany: Mandritra ny lesona na ora fianarana manokana.
Ny fomba ampianarana izany: Ampianaro hira ireo ankizy mandritra ny lesona (ho fomba hianarana ilay taranja). Mampianara hira nentim-paharazana malagasy. Makà mpampianatra mahay hampianatra zava-maneno ireo mpianatra.

Dihy/Dance: Raha tsy ampianarina any an-trano ireo dihy nentim-paharazana eo an-toerana dia afaka ampianarin'ny sekoly izany. Na mampianara dihy moderina.

Tantara an-tsehatra/Drama: Ny fandraisan'ny mpianatra anjara amin'ny famokarana tantara an-tsehatra dia mampiakatra ny fahatokisan-tenany sy ny "estime de soi" ananany.
Ny fotoana ampianarana izany: amin'ireo lesona na "cours".
Ny fomba ampianarana izany: Ny tantara kely dia fomba iray mahafinaritra hilalaovana sy hahafahan'ny mpianatra mampiasa ireo teny amin'ny lesona momba ny fiteny vahiny na Malagasy. Ny famokarana tantara lehibe kokoa, izay hanasana mpanotrona hijery kosa dia mila fotoana manokana mihitsy ny fianarana izany. Izany dia tena hanampy ireo mpianatra mba hatoky tena kokoa ary hampitombo ny fahaizany "communication" sy ny fahaizany miara-miasa amin'ny hafa.

Fahaizana miasa "en équipe"/Working as a team: Ireo "Stratégie d'apprentissage actif" maro izay hanaovan'ny mpianatra "devoir de groupe" dia hampisondrotra ny fiaraha-miasa "en équipe" .

Ny fiarovana ny tena/Personal safety: Tena zava-dehibe ny fahaizana manalavitra ny loza. Betsaka ireo "danger physique" (toy ny eny amin'ny lalana sy ny any an-dranomasina) sy ny loza ateraky ny olona. Ireto misy ohatra vitsivitsy mahakasika izany:

- Ny fampianarana ny mpianatra mikasika ny fahasalamana sy fiarovan-tena tsotsotra mba hampihenana ny fitrangan'ny faharatrana.
- Ny fampianarana ny mpianatra momba ny loza ateraky ny "industrie sexuelle" sy ny "pédophilie", ary ny fomba hisorohana ireny.

- Ny fampianarana ireo mpianatra ny fisorohana ny tsy rariny ataon'ny mpampiasa ratsy fanahy, indrindra ny any an-dafy.
- Ny fampianarana ny mpianatra momba ny fisorohana ny fandriky ny fiankinan-doha (zava-mahadomelina/paraky/firaisana ara-nofo/toaka) ary ny toerana aleha raha miady amin'izany ny tenany na ny namany.
- Ny fampianarana ny mpianatra ny fisorohona ny hosoka izay mety hahavery ny volany.
- Ny fampianarana ireo ankizivavy ny loza mety hateraky ny fidirana amin'ny sehatry ny fivarotan-tena.
- Ny fampianarana ireo mpianatra mba hanaja ny vola eo am-pelatanany no sady hanohitra ny fakam-panahy mitarika azy amin'ny fitiavam-bola tafahoatra.
- Ny fampianarana ny mpianatra ny fomba hisorohana ny halatra ka tsy hisy hangalatra ny fananany.

Ny fotoana ampianarana izany: Matetika amin'ny "cours spécial".
Ny fomba ampianarana izany: Mila manao fandaharam-pianarana manokana izay miresaka momba ireo voalaza etsy ambony ireo.

Ny fampiasam-batana/Physical Activity: Ny fampiasam-batana isan'andro dia mampihena ny mety hitrangan'ny aretim-po na diabeta no sady mitondra fifaliana bebe kokoa ary mahatsara kokoa ny fiainana.
Ny fotoana ampianarana izany: Ny ankamaroan'ny sekoly dia manana fotoana manokana hanaovana fanatanjahantena. Misy mpampianatra manokana manofana ireo ekipa ara-panatanjahantenan'ny sekoly. Maro ny mpianatra tena tia fanatanjahantena ary ny fidirana amin'ny ekipa ara-panatanjahantena dia mampitombo ny fahazotoany amin'ny fianarana ireo zavatra hafa rehetra.

Ny fialam-boly/Hobbies: Misy sekoly manana "club" izay hahafahan'ny mpianatra mandray anjara amin'ny fialam-boly maro samihafa tahaka ny "'jeu d'échecs", "jeu de société" ary fanaovana asa tanana.

Ny fahaizana manombo-javatra (esprit d'initiative)/Enterprise: Ny fampianarana ny mpianatra ny fomba hitantanan'asa madinika.
Ny fotoana ampianarana izany: Afaka ampidirina amin'ny fampianarana matematika na amin'ireo "cours spécial".
Ny fomba ampianarana izany: Ny matetika fanao dia ireo zavatra tsotra tahaka ny fivarotana mofo namboarin'ireo mpianatra. Asaivo manao asa "en groupe" ireo mpianatra ary mitondra hevitra izay azony hatao hitadiavam-bola. Avy eo dia omeo vola kely izy ireo (ohatra: 5000Ar) mba hanombohany ny fitadiavam-bolany, ny tanjona dia ny hahazoany tombony araka izay azony atao. Ny tombony dia afaka omena ireo mpianatra na ireo mpanao asa soa. Misy mpianatra mila hampianao amin'ny fitadiavana hevitra ary rehefa manana tetikasa mahomby izy ireo vao omena vola. Tsy maintsy hisy foana anefa ireo asa tsy hamokatra.

Ny fahaizana mandini-tena/Reflective: Sarotra ny mianatra mandini-tena. Ireo mpianatra mahay mandinika ny tenany dia mahafantatra ny zavatra hainy sy ny tsy hainy. Vokatr'izany dia fantany izay tokony hiezahany bebe kokoa ahafahany mivoatra. Ireo mpianatra dia mila mianatra mandray lesona avy amin'ny fahadisoany fa tsy hamerina izany foana.

Ny fotoana ampianarana izany: Ny lesona rehetra.
Ny fomba ampianarana izany: Ny fananana tanjona mazava mikasika ny zavatra tokony ho hain'ireo mpianatra ary ny famelana azy ireo hanapaka raha vitany ny nianatra ireo na tsia. Ampirisiho hieritreritra izay zavatra hainy sy ireo izay mbola tiany hatsaraina ireo mpianatra.

Fampianarana mikasika ny tontolo iainana/Environmental education: Ny Malagasy dia miantehitra amin'ny tontolo iainana manodidina azy. Tena ilaina ny hikarakarana izany mba hitohizan'ny fiainany. Hevitra vitsivitsy tokony hojerena:

- Ny fomba hisorohana ny fanimbana ny tontolo iainana.
- Ny fampianarana ny mpianatra ny fomba fiompiana mahomby.
- Ny fampianarana ny mpianatra ny fomba fambolena mahomby.
- Ny fampianarana ny mpianatra ny lanjan'ny hazo sy ny ala.
- Ny fampianarana ny mpianatra ireo fomba fambolena maharitra. Ny fikarohana dia manambara fa ireo fomba fambolena vaovao dia afaka manatsara ny vokatra ary tsy mitaky "produit chimique" lafo vidy.
  - Misy fomba fijery kristiana mikasika izany, amin'ny teny frantsay/malagasy afaka jerena ao amin'ny:
    http://www.farming-gods-way.org/field_guide.htm. Misy milaza izany amin'ny an-tsipiriany bebe kokoa amin'ny teny anglisy amin'io tranonkala io. Izy io dia fomba tsotra sy mora afaka hanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny fambolena.
  - Misy boky filan-kevitra amin'ny teny anglisy avy amina fikambanana tsotra izay manana fomba fambolena sahala amin'ilay teo fa somary sarotsarotra kokoa izay hitanao ao amin'ny:
    http://www.worldagroforestry.org/downloads/Publications/PDFS/TM17693.pdf
    Io boky filan-kevitra io dia manazava ny tombony azo avy amin'ny hazo amin'ny sehatry ny fambolena.

Ny fotoana ampianarana izany: Fianarana "biologie", siansa na "voyage d'étude"
Ny fomba ampianarana izany: Fampidirana ireo lesona mikasika ny tontolo iainana amin'ny lesona ampianarinao. Ao Toamasina, ao amin'ny Parc Ivoloina (http://www.parcivoloina.org/) dia misy programa fampianarana tena tsara ho an'ny ankizy avy eo an-toerana.

Asa/Trades: Madagasikara dia tsy ampy mpiasa mahay izay mahatonga ireo orinasa tahaka ny Ambatovy hampiasa olona avy any ivelany. Eritrereto ny fomba ahafahan'ireo mpianatra mianatra momba ny asa anatin'ny fanabeazana raisiny, ohatra ny fanaovana "soudure", "mécanique", "technicien électronique", "électricité ", "plomberie" sns....

Sekoly kristiana/Christian schools: Ny sekoly kristiana dia matetika maniry ireo mpianatra ao aminy mba hianatra momba ny finoana ary hanana fifandraisana tsara amin'Andriamanitra.
Ny fotoana ampianarana izany: Amin'ireo ora fianarana sy "activité" rehetra.
Ny fomba ampianarana izany: Ny finoana kristiana mafy orina dia miorina ambonin'ny fahalalana kristiana lalina sy ny fahazoana izany, amin'ny fifandraisana velona amin'Andriamanitra sy ny fampiasana ny finoana amin'ny fanarahana ny lalan'Andriamanitra amin'ny fiainantsika isan'andro. Zavatra izay afaka atao any amin'ny sekoly kristiana:

- Fotoam-bavaka 10-20 minitra isan'andro. Ny fanovaovana ny zavatra atao dia tena ilaina amin'ny fanompoam-pivavahana. Aza hadino ny mampandray anjara mavitrika ireo mpianatra.

- Ireo mpampianatra dia mety hivavaka na hilazalaza momba ny fifandraisan'ny finoany amin'ilay lohahevitra izay hampianariny amin'ny lesona.
- Ireo mpianatra dia afaka omena tombontsoa hitarika ilay fotoana, na hijoro vavolombelona amin'ny zavatra izay efa nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainany.
- Tena ilaina ny famakiana Baiboly sy ny fianarana izany.
- Ny sekoly dia manana foto-pisainana kristiana hentitra, izay mampianatra ny mpianatra ny voalazan'ny Baiboly mahakasika ny fomba fiainana tokony hananany no sady manampy ireo mpianatra hahazo ny antony mahatonga izany ho fomba fiainana tsara tokony harahina.
- Ireo mpianatra dia tsy terena na gejaina hino. Izany dia safidy malalaka ananan'ny tsirairay.
- Ireo mpampianatra sy mpandraraha ny sekoly dia tokony hitantana ny sekoly am-pahatokiana, amin'ny hitsiny ary am-pahamarinana. Mety tsy hahavita ny zavatra tokony hataony izy ireo indraindray ka tokony hangataka famelan-keloka amin'ny olona rehetra ao amin'ny sekoly raha toa ka tsy nahavita ny andraikiny.
- Tandremo mba tsy ho lasa hirona any amin'ny fanarahan-dalàna be fotsiny ny finoana ka lasa tsy ahitana fiainana ary tsy manaja ny fomba fijery Kristiana hafa.

Activité/Activity

Mieritrereta kely ny sekoly misy anao:
1) Inona avy ireo "activité parascolaire" izay efa ampianarina ao amin'ny sekoly misy anao amin'izao?

2) Amin'ny fotoana manao ahoana no ampianarina ireo "activité parascolaire" ireo? Amin'ny fotoana manao ahoana no ahafahana mampianatra "activité" vaovao? Eritrereto ireo fotoana malalaka anananao mandritra ny taom-pianarana, ohatra anatin'ireny fotoana lava be fisoratana anarana ireny. Mety mila manokana fotoana isaky ny herinandro koa anefa ianao.

3) Inona no "activité parascolaire" tianao hampidirina amin'ny fandaharam-pianarana ao amin'ny sekoly misy anao? Nahoana?

4) Inona amin'izay voalaza ao amin'ity toko ity no hitanao fa tsy ilain'ireo mpianatrao loatra? Nahoana? *Mariho: Izany dia tena mety hanaovana fitsikerana. Tsy voatery hanaiky ny zavatra nosoratako ianao!*

5) Ahoana no fomba ampidiranao ireo "activité parascolaire" ao amin'ny fanontaniana faha-3 amin'ny fampianaranao?

6)Ahoana no fomba hampianaranao ireo "activité parascolaire" amin'ny fanontaniana faha-3 amin'ny ora ivelan'ny ora fianarana?

7) Ampiharo izay efa noeritreretinao hatao amin'ny lesonao na ao amin'ny sekoly misy anao!

10. Fahasarotana ara-pianarana/Learning Difficulties

Nanomboka nianatra mamaky teny Florina tamin'ny kilasy T1. Gaga ny ray aman-drenin'i Florina rehefa hitan'izy ireo fa manana olana amin'ny famakian-teny ny zanany. Izy anefa dia zaza marani-tsaina sady mazoto mianatra any an-tranony, ka nieritreritra izy ireo fa ho mora aminy ny hamaky teny. Fa sarotra taminy anefa izany. Tsy vitany ny mampifandray ny litera iray amin'ny feony na ny manambatambatra litera mba hamoronana teny. Ny olan'i Florina dia nitohy hatrany amin'ny T2. Mbola tsy afaka namaky teny izy ary nanana olana tamin'ny fanoratana.

Gerald dia tena tia fianarana ary tena nahay Malagasy sy "science sociale". Fa hatramin'ny nanombohan'ny taom-pianarana dia tsy nahitana fivoarana mihitsy izy tamin'ny matematika. Tsy hainy akory ny mifidy ny vola tokony halohany raha mividy zavatra izy na manao "addition" isa manome mihoatra ny 10. Tena halany ny fotoana fianarana matematika ary mahalana izy no manoratra na mahavita ny asa ampanaovina azy ao an-dakilasy ka lasa niteraka olana maro taminy izany.

Marc dia mpianatra antonontonony raha ny fahaizana no resahina ary saika hainy avokoa ny ankamaroan'ny taranja. Fa sarotra taminy ny niserasera tamin'ny mpampianatra na ny mpianatra hafa. Mandritra ny lesona dia matetika izy manao feo hafahafa ary indraindray izy dia tezitra ary manipitsipy zavatra. Rehefa mitranga izany dia tratran'ny olana izy ary efa nieritreritra ny handroaka azy mihitsy ny sekoly.

Fakafakao/Discuss

Q) Misy tsy vahiny aminao ve ny sasany amin'ireo tantara ireo? Mieritrereta mpianatra fantatrao izay manana olana toy izany.

Ireo mpianatra tsirairay anatin'ireo ohatra ireo dia manana *fahasarotana ara-pianarana*. Izany dia midika fa tena sarotra amin'izy ireo ny mianatra na mitondra-tena tahaka ireo mpianatra hafa.

Ny fahasarotana ara-pianarana dia mety hahatonga ny olona iray sahirana mianatra na mampiasa ireo fahaiza-manao sasantsasany. Ireo fahaiza-manao tena matetika voakasik'izany dia: ny famakian-teny, ny fanoratana, ny fihainoana, ny fitenenana, ny fisainana, matematika ary ny fahaizana miara-monina.

Ahoana no hanampiana ireo mpianatra manana fahasarotana ara-pianarana / How to help students with learning difficulties?

Voalohany indrindra, tsara ho fantatsika fa na inona na inona fahasarotana ara-pianarana mahazo ny mpianatra, ny ankamaroan'izy ireo dia manao izay afany mba hanao ireo zavatra izay mety tena sarotra aminy na tena tsy vitany. Mazava ho azy fa ho leo ny hiezaka hanao izany izy indraindray fa ampaherezo izy mba hiezaka fa aza bedesina.

Tena ilaina koa isika mba hahafantatra fa tsy mitovy mihitsy ny mpianatra *kamo* sy ny mpianatra manana *fahasarotana ara-pianarana*.

Faharoa, ny **fampianarana tsara** dia tena zava-dehibe. Ataovy azo antoka fa mazava tsara ny lesonao, voarindra tsara ary mandray anjara mavitrika amin'ny lesona ny mpianatra. Omano tsara ny

lesonao mba hisy karazana "activité" mandritra izany. Ezaho mba ho fohy sy tsy hiolakolaka ny lesona izay tsy maintsy hadikan'ny mpianatra.

Raha ankizy madinika no ampianarinao dia tadidio fa maro amin'ny fihetsika fanaon'ny ankizy no mitovitovy amin'ny fahasarotana ara-pianarana. Ohatra: Ny ankizy madinika dia tsy manana fifantohana maharitra ary sahirana mamaky teny sy manoratra. Ny ankamaroan'izy ireo anefa dia handresy ireo olana ireo raha mahazo fanampiana kely avy any aminao, na dia misy ihany aza ireo izay mbola ho sahirana hatrany. Ho an'ny mpianatra maro izay mananosarotra amin'ny zavatra iray mahakasika ny fianarana dia fanampiana tsotra fotsiny dia ampy hahaizany izany.

Raha manana mpianatra iray manana olana manokana amin'ny sehatry ny fianarana ianao ao an-dakilasy, andramo atao ireto zavatra efatra manaraka ireto;

1. Fantaro ny olan'ilay mpianatra. Hevero ihany koa fa mety efa manao izay afany izy fa tsy mba mahita vokatra tahaka ny mpianatra hafa.
2. Resaho aminy ireo olana hitanao aminy ary lazao aminy ny zavatra tokony hataony mba hampivoatra azy. Izay firesahana amin'ilay mpianatra izay matetika dia efa mahavaha ilay olana ka hitondra fivoarana amin'ny fianarany.
3. Omeo fampianarana fanampiny izy ka ampio izy amin'izay sehatra mampananosarotra azy.
4. Raha nahomby izany, mifalia! Raha tsy nahomby kosa, jereo ireo paik'ady aroso amin'ity toko ity.

Famintinana ny mikasika ireo fahasarotana ara-pianarana mateti-pitranga/ Summary of common learning difficulties

Dyslexie/Dyslexia – fahasahiranana amin'ny famakian-teny sy fanoratana.
Eritrereto hoe sarotra be aminao ny mamaky zavatra izay mora vakiana ho an'ny olona hafa. Na hoe lasa mifangaroharo avokoa ny soratrao ary toa lasa nofy ratsy ho anao ny fanaovana tsipelina. Richard Branson (businessman milliardaire) dia "dyslexique".

Dysgraphie/Dysgraphia – fahasahiranana amin'ny fanoratana ny endriky ny litera.
Eritrereto hoe sarotra be aminao ny manoratra, miezaka mafy ianao mba hanoratra litera iray ka lasa tsy afaka mifantoka amin'ny hevitr'ilay zavatra soratanao akory.
Ireto mpahay siansa malaza ireto: Albert Einstein sy Louis Pasteur dia tratran'ny dysgraphie.

Fikorontanana sy tsy fahampian'ny fifantohana : TDA/TDAH (Trouble du Déficit de l'Attention / Trouble du Déficit de l'Attention avec Hyperactivité)
Ny olona tratran'izany dia « hyperactive », tsy mifantoka ary/na taitaitra.
Eritrereto hoe sarotra be aminao ny mipetraka tsara amin'ny toerana iray. Ny vatanao dia te handendeha sy hiazakazaka foana, hitsambikimbikina, hihetsiketsika, nefa ianao dia tsy maintsy mijanona amin'ny toerana iray foana. Tsy afaka ny hifantoka amin'izay zavatra atao ianao, ka hitazona ny sainao hifantoka, tsy hieritreritra zavatra hafa mihoatra ny 30 segondra. Misy amin'ireo mpianatra tratran'ny TDA no very fifantohana ka manofy atoandro am-pahanginana.
Ilay mpamokatra sarimihetsika Walt Disney dia tratran'ny TDAH.

Dyscalculie/Dyscalculia – Fahasahiranana amin'ny matematika.
Eritrereto hoe sarotra be aminao ny manao matematika, tsy mety hiraikitra amin'ny sainao ireo isa. Rehefa miezaka mamaky tarehi-marika ianao dia toa mifamadibadika avokoa izany ary tsy mijanona amin'ny laharany.

Ilay mpamorona ny Microsoft, Bill Gates dia tratran'ny Dyscalculie.

Autisme/Autism – Ireo olona izay tratran'ny "autisme" dia manana olana amin'ny fifandraisana amin'ny olona sy ny fiainana ara-piaraha-monina. Matetika dia manao fihetsika miverimberina izy ireo. Toa lehibe loatra ny fahitany izao tontolo izao ka lasa misy fiantraikany amin'ny fitondran-tenany izany. Mahatsiaro sahirana izy raha amin'ny toerana maro olona no misy azy, toa mandreraka azy ny mifanerasera amin'ny olona ary sahiran-tsaina izy rehefa miala amin'ny mahazatra azy ny zavatra mitranga.
Ilay "compositeur" malaza Mozart dia tratran'ny autisme.

Ny fahataran'ny fitomboana vokatry ny tsy fanjarian-tsakafo/Stunting due to malnutrition - Ireo ankizy nateraky ny reny tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo na tsy ampy sakafo nandritra ny voalohandohan'ny fiainany dia matetika tsy mitombo ka tsy mahatratra ny vatana na fahaizana tokony hananany.

Ilay mpahay siansa malaza Voltaire sy ilay Mpanjakavavy anglisy Victoria Voalohany dia teny kely vatana tokoa ary toa tsy nitombo ara-dalana[6].

"Syndrome d'alcoolisation foetale"/ Foetal alcohol syndrome - Raha misotro zava-pisotro misy "alcool" ny vehivavy bevohoka mandritra ny vohoka dia be dia be ny karazana fahasarotana ara-pianarana sy fahasembanana ara-batana mety hahazo ilay zaza. Ny TDA na TDAH dia anisan'ny "symptôme" matetika hita amin'ny olona tratran'izany.

Fakafakao/Discuss

1) Marani-tsaina ve ireo mpianatra tratran'ny fahasarotana ara-pianarana?

2) Mety misy mpianatrao tratran'ny iray amin'ireo fahasarotana ireo ve?

3) Araka ny eritreritrao, inona no tsapan'ireo mpianatra manana fahasarotana ara-pianarana ireo?[7]

Fanazavana fanampiny/More detailed information

Dyslexie /Dyslexia

Ny Dyslexie dia nofaritana ho fananana olana amin'ny famakian-teny sy/na fanoratana.

Ireo famantarana/ Symptoms

Ny mpianatra manana io fahasarotana io dia mety ahitana famantarana iray na maromaro amin'ireo manaraka ireo:

- Sady miadana no sahirana mamaky teny.
- Mora mahay amin'ny alalan'ny fihainoana, fa sahirana kosa mianatra amin'ny alalan'ny famakian-teny.
- Ratsy tsipelina.

[6]http://wphna.org/wp-content/uploads/2013/03/GC-July-August-2010-blog.pdf notsidihina tamin'ny Desambra 2016

[7]Valin-teny voafidy:

1) Raha ny tokony izy, eny, fa ny fahataran'ny fitomboana no mety mampihena ny fahaizana..

4) Ny mpianatra dia manohatra ny tenany amin'ireo mpianatra hafa ary malahelo rehefa mahita fa tsy mahavita ny vitan'ireo sasany. Mety ho kivy satria tsy mba afaka manao izay ataon'ny hafa. Indraindray izy ireo dia milavo lefona ary tsy mety mnao ireo asa hitany sarotra.

- Sarotra aminy ny manoratra amin'ny tanana, fa afaka manome fanazavana am-bava tsara.
- Mikorontana ny filaharan'ireo litera rehefa mamaky teny sy/na manoratra.
- Ireo *b* dia soratany *d* ary ny *d* ataony *b*.
- Sarotra aminy ny mandamina fotoana na ny fitaovany.

Ahoana no hanampianao ireo mpianatra tratran'ny dyslexie? /How can you help students with dyslexia?

Tsy voatery hitovy ny karazana fanampiana ilain'ny mpianatra samihafa:

- Ataovy "photocopie" ny leson'ireo mpianatra. Hahay bebe kokoa izy ireo raha tsy ataonao mandika lesona lava be. Moramora kokoa aminy ny mianatra amin'ny alalan'ny fihainoana sy fijerena.
- Aza analana naoty noho ny tsy fetezan'ny tsipelina izy, fa ahitsio kosa izany.
- Omeo toerana mangina izy mba hanaovany ny asany.
- Mampiasa fomba fampianarana samihafa, fa tsy ny famakiana lahatsoratra fotsiny.
- Ampianaro tsikelikely ireo lesona. Ampiaraho amin'ny torolalana tsikelikely ny asa rehetra. Izany dia hanampy ny mpianatra rehetra, indrindra fa ireo mpianatra "dyslexique" na "dysgraphique".

- Ataovy lehibe ny soratra ary asio elanelana malalaka amin'ireo andalana ho an'ny "dyslexie".

- Afindrao toerana ho eny aloha ilay mpianatra mba ho lehibe kokoa aminy ny fahitany ny soratrao.
- Ataovy mampivoaka soratra tsara ny solaitra be, avereno lokoina izany raha ilaina.
- Mampiasa kahie misy tsipika mielanelana tsara ho an'ireo mpianatra manana olana amin'ny fanoratana.
- Aza anaovana teny mahery ireo mpianatra raha ratsy ny asa vitany, ampahafantaro azy fa tsy maninona na dia sarotra aminy aza ny manao izany, ampaherezo izy mba hikiry hatrany.
- Matetika dia moramora kokoa ho an'ireo mpianatra ny manoratra amin'ny alalan'ny fitaovana manokana noho ny manoratra amin'ny tanana. Raha azo atao, ataovy mampiasa "machine à écrire" na "ordinateur portable" izy.
- Ny fomba fianarana mety indrindra amin'ny mpianatra tratran'ny dyslexie dia ny fihainoana lahateny na resaka (discussion). Ny famakian-teny sy fanoratana dia mety hanembantsembana ny fianarany.
- **Ampaherezo ireo mpianatra!**

Dysgraphie /Dysgraphia

Ny mpianatra iray dia tratran'ny dysgraphie raha toa ka sahirana izy manao sary, ao anatin'izany ny fanoratana litera sy teny. Ilay ohatra eo amin'ny ankavanana io dia soratra mpianatra iray izay 11 taona fa efa lasa lavitra amin'ny fianarany izy amin'izao na dia mbola tsy mahavita manoratra mazava tsara aza.



Famantarana/Symptoms

- Sarotra vakiana ny sorany, na ny tenany aza mety tsy hahavaky ny sorany.
- Sarotra aminy avokoa ny asa atao an-tanana rehetra ary mety hiezaka hanalavitra ireny izy.
- Sahirana mafy raha sady manoratra no mieritreritra - afaka mandika lesona fa tsy afaka sady mieritreritra no manao izany.
- Mikaviavia.
- Sahirana mampirindra ny tanany sy ny masony.
- Olana amin'ny resaka fandaminana – manary zavatra na tsy afaka mitana "agenda" na mora very ara-potoana.

Ahoana no hanampianao ireo mpianatra tratran'ny dysgraphie? / How can you help students with dysgraphia?

Tsy voatery hitovy ny karazana fanampiana ilain'ny mpianatra samihafa:

- Ataovy "photocopie" ny leson'ireo mpianatra. Hahay bebe kokoa izy ireo raha tsy ataonao mandika lesona lava be. Moramora kokoa aminy ny mianatra amin'ny alalan'ny fihainoana sy fijerena.
- Aza hanalana naoty noho ny tsy fetezan'ny tsipelina izy, fa ahitsio kosa izany. Izany anefa mety tsy ho azo atao any amin'ireo fanadinana any an-tsekoly na fanadinam-panjakana.
- Ampianaro manoratra soratra lehibe aloha ireo mpianatra ary avy eo atao mihakely tsikelikely. Ohatra:
    1. Manoratra amin'ny rivotra, atao lehibe araka izay tratrany ilay soratra.
    2. Manoratra amin'ny solaitra be, araka izay lehibe indrindra vitany. Avy eo mamafa izany soratra izany amin'ny alalan'ilay fihetsika nataony tamin'ny fanoratana izany.
    3. Manoratra amin'ny solaitra (ardoise), atao lehibe araka izay vitany.
    4. Manoratra litera amin'ny solaitra ihany fa atao kely kokoa ny soratra.
    5. Manoratra litera amin'ny kahie, atao lehibe ny soratra.
    6. Manoratra litera amin'ny kahie indray fa atao kely ny soratra.
- Mampiasa kahie misy tsipika mielanelana tsara.
- Omeo toerana mangina izy mba hanaovany ny asany.
- Aza anaovana teny mahery ireo mpianatra raha ratsy ny asa vitany, ampahafantaro azy fa tsy maninona raha sarotra aminy izany, ampaherezo izy mba hikiry hatrany.
- Matetika dia moramora kokoa ho an'ireo mpianatra ireo ny manoratra amin'ny alalan'ny fitaovana manokana noho ny manoratra amin'ny tanana. Raha azo atao, ataovy mampiasa "machine à écrire" na "ordinateur portable" izy hanaovana ny asa mila atao an-tsoratra.
- Ny fomba fianarana mety indrindra amin'ny mpianatra tratran'ny dysgraphie dia ny fihainoana lahateny na resaka (discussion). Ny famakian-teny sy fanoratana dia mety hanembantsembana ny fianarany.
- **Ampaherezo ilay mpianatra!**

Dyscalculie/Dyscalculia

Famantarana/Symptoms

- Manana olana manokana amin'ny matematika.

Ahoana no hanampianao ireo mpianatra tratran'ny dyscalculie/How can you help students with dyscalculia

- Mifantoha amin'ireo zavatra izay ilainy ho hay mba hahavitany hiatrika ny fiainany andavanandro.

- Omeo asa izay manana hasarotana tokony ho vitany izy.
- Aoka ho azonao fa zavatra sarotra amin'izy ireo izany.
- Ampaherezo izy ireo mba hikiry. Maro ireo olona tratran'ny "Dyscalculie" izay mahita fa raha mikiry foana izy, amin'ny farany dia tratrany ihany ny tanjony.
- Mampiasa "méthode de différenciation" (jereo ilay toko mikasika ny « différenciation pédagogique»). Aza antenaina hanao matematika sarotra izay ampanaovinao ny mpianatra sasany ny mpianatra tratran'ny dyscalculie...fa raha hiatrika fanadinam-panjakana izy dia tadidio fa mila ampianarinao azy ny fomba mba hahazoana isa maromaro amin'ny fanadinana.

Ireo mpianatra sahirana mifantoka sy mihaino/Students who struggle to focus and pay attention

Matetika afohezina amin'ny hoe TDA (Trouble du Déficit de l'Attention) na TDAH (Trouble du Déficit de l'Attention avec Hyperactivité).

Famantarana/Symptoms

- Fihetsiketsehana mihoatra ny tokony ho izy (hyperactivité: ho an'ny TDAH ihany).
- Taitaitra manao zavatra (impulsif: ho an'ny TDAH ihany).
- Tsy mahay mipetraka tsara fa mihetsiketsika foana eo am-pitoerana (ho an'ny TDAH ihany).
- Mora variana ary sahirana mifantoka mandritra ny fotoana ela.
- Mety manao zavatra adaladala izay manapaka ny fampianarana (ho an'ny TDAH ihany).

Ny TDA dia fahaverezan'ny fifantohana izay tsy miteraka fikorontanana ho an'ny hafa. Sarotra ny mamantatra ny TDA matetika, ny TDAH kosa dia mora hita nohon'ny fihetsiketsehana tafahoatra (hyperactivité) aterak'izany.

Ahoana no hanampianao ireo mpianatra tratran'ny TDA na TDAH/How can you help students with ADD or ADHD?

- Ataovy tony ireo lesona. Aza mientanentana be loatra, fa ataovy mahaliana foana anefa ireo lesona.
- Manaova karazana zavatra samihafa amin'ny lesona. Ny "activité" dia tokony tsy hihoatran'ny 20 minitra.
- Omeo zavatra hotereny amin'ny tanany ilay mpianatra, ohatra:"éponge". Ny fikitikitihana izany dia hanampy azy ireo.
- Avelao handehandeha kely ilay mpianatra rehefa mila izany izy.
- Manomeza torolalana mazava ary ataovy tsikelikely izany.
- Ataovy any amin'ny sisin'ny efitrano fianarana ilay mpianatra, eny alohaloha satria eny aloha sy amin'ny sisiny ny efitrano dia ho vitsy kokoa ny zavatra hitany ka mety tsy hampifantoka azy.
- Omeo fotoana hialan-tsasatra kely ireo mpianatra. Ampirisiho izy hihazakazaka any ivelany. Kanefa tsara marihina fa raha mihazakazaka manao boribory izy dia vao mainka ho "hyperactif", Ampirisiho hihazakazaka mahitsy izy, ohatra: "Mihazakazaha mankerỳ amin'ny vavahady ary avy eo mihazakazaha miverina atỳ".
- Omeo valisoa na fankasitrahana izy rehefa mitondra-tena tsara (ohatra: deraina kely izy na asiana autocollant na tampon ny kahieny).
- Tadiavo ny tanjak'ilay mpianatra (point forts).

- Ampio ireo mpianatra manao zavatra adaladala mba hahalala ny tokony ataony, ohatra: 'Lili, rehefa ato an-dakilasy isika dia mila mipetraka tsara amin'ny toeranao ianao.'
- Raha toa ka lasa variana ilay mpianatra dia ampahatsiahivo azy ny zavatra tokony hataony (izay nampanaovina azy).
- Aza avela mampiasa ny fahasarotana mahazo azy ho fialan-tsiny amin'ny fitondran-tena tsy mety ataony ireo mpianatra. Mila mitady fomba hiatrehana ny fahasarotana ara-pianarana mahazo azy izay tsy hanelingelina ny fampianarana izy ireo.
- **Ampaherezo izy ireo!**

Ireo mpianatra tratran'ny "Autisme"/ Students with Autism

Tahaka ny amin'ireo fahasoratana rehetra voalaza teo, ny mpianatra iray dia tsy voatery hahitana ireo "symptômes" rehetra ireo ary ny fitrangan'ireo famantarana ireo dia mety ho samy hafa:

Famantarana/Symptoms

- Sarotra aminy ny manomboka na mitarika resaka na miditra amin'ny resadresaka madinika.
- Raisiny ara-bakiteny avokoa ny teny rehetra ka sarotra aminy ny mamantatra ny tena tian'ny olona ambara amin'ny ohabolana, sangisangy na oha-pitenenana.
- Sarotra aminy ny mahazo fomba fijery samihafa sy hevitra vaovao ary ireo hevitra midadasika.
- Sarotra aminy ny mahazo ny fihetseham-pon'ny olona hafa.
- Sarotra aminy ny milaza ny zavatra tsapany na ny fihetseham-pony araka ny tokony ho izy. Mety toa tony ny fahitana azy ary tampoka eo dia mitroatra izy na maneho ny fihetseham-pony amin'ny fomba tsy mety.
- Te-hifandray amin'ny olona hafa nefa tsy hainy ny zavatra tokony hataony mba hanaovany izany.
- Sarotra aminy ny mifandray na minamana amin'ny olona hafa.
- Misalasala na tsy mahazo ny 'fitsipika sosialy' ho amin'ny toe-javatra samihafa.
- Miasa loha.
- Tia na mila lamina na "routine" – matetika sorena rehefa tsy manaraka izay "routine" izay ny zavatra mitranga.
- Sarotra aminy ny mahazo ny fifandraisan'ny "évènement" na "actions" - ny mahazo ny "relation de cause à effet". Ohatra : Niteny zavatra nanafitohina an'i Elise i John ka nokapohin'i Elise izy.
- Tsy dia mahay fotoana loatra ka sarotra aminy ny hahavita ny zavatra ampanaovina azy ara-potoana, ny ho tonga ara-potoana amin'ny fivoriana tokony hatrehany na ny manombatombana ny fotoana aharetan'ny zavatra iray.
- Fihetsika miverimberina ary fahalianana be sy fahavitrihana amin'ny zavatra vitsy.
- Fironan-tsaina be loatra amin'ny zavatra iray. Ohatra: mety handany ora maro hiresahana momba ny kilalao tiany indrindra.
- Mety ho sarotra aminy ny hijanona amin'ny toerana mitabataba be.
- Manao feo hafahafa na fihetsika hafahafa mahazatra azy (tic).
- Ny mpianatra tratran'ny "autisme" dia mijery izao tontolo izao amin'ny fomba tena lôjika. Ny zavatra tsy manaraka ny "logique"(ohatra ireo olona miovaova miankina amin'ny toe-pony) dia tena manahirana azy.

Ahoana no hahafahanao manampy ireo mpianatra tratran'ny "Autisme"?/ How you can help students with Autism?

- Ataovy izay hampifantoka ilay ankizy mialohan'ny hanombohanao resaka.
- Ataovy mazava tsara ny teninao ary ataovy fohy ny fehezanteninao.

- Ataovy araka ny filaharan'ny fotoana hitrangany ny zavatra teneninao.
- Lazao azy izay tokony hataony fa aza ny tsy tokony hataony no tenenina! Ohatra: 'Mipetraha' fa tsy hoe 'aza mandehandeha eraky ny trano'.
- Aza manao sangisangy na mampiasa "sarcasme" raha tsy azonao antoka fa ho azony izany ary hitanao fa mety tsara ny fony amin'ny fotoana hanaovanao izany.
- Ekeo fa mila fotoana hijanonany irery izy indraindray.
- Ataovy mazava aminy tsara ny fihetseham-ponao. Lazao aminy izay tsapanao. Ohatra: Raha mitomany ianao, lazao aminy hoe faly ianao sa malahelo.
- Hazavao aminy ny fetra na fitsipika tokony harahina manoloana ny tranga sosialy iray.
- Ampirisiho izy mba hianatra ny hifandray amin'ny olona, mety hoe amin'ny alalan'ny fizarana manao izany any an-tranony na any an-tsekoly.
- Mampiasa tantara mba entina hanazavana aminy ny fihetsika tokony hananany manoloana ny toe-javatra manokana.
- Ampio izy mba hahazo ny toe-javatra misy amin'ny alalan'ny fanazavana aminy mazava tsara ny antony mahatonga ny olona hanao zavatra iray.
- Mora aminy ny mianatra amin'ny alalan'ny zavatra azony tsapain-tànana, sary, "démonstration" na lesona an-tsoratra.
- Manana fitadidiana tsara ny "information", "routine" sy ny "procédure".
- Aoka hanana "routine" tsy miovaova ao am-pianarana.
- Mijoro ho mahitsy sy marina.
- Manomeza torolalana fohy sy mazava tsara.
- Ampio ireo mpianatra amin'ny fizarazarana ireo asa sarotra lehibe ampanaovina azy . Ohatra, raha milaza ianao 'Mamorona lahatsoratra mikasika an'i Toamasina', afaka zarazarainao ho asa kely kokoa toy izao izany: 'Voalohany indrindra, soraty ireo zavatra hita eto Toamasina. Avy eo soraty ireo zavatra tianao mahakasika an'i Toamasina. Farany, soraty ireo zavatra tianao hivoatra eto Toamasina.'
- Ny fanampiana ilay mpianatra mba hahafantatra ny fomba tokony hitondrany ny tenany (ohatra 'Tsy mitabataba rehefa ato am-pianarana').
- Manana faharetana amin'ilay mpianatra.

<u>Ohatra:</u>

- Misy zazalahy iray nafindra efitrano fianarana ary tsy nanaiky izany fa nipetraka amin'ny tany ary nitomany. Hotsapan'ilay mpampianatra fa sarotra amin'io zazalahy io ny mifindra efitrano tampotampoka. Ka raha misy fiovana toy izany mitranga amin'ny manaraka dia efa hanao fampilazana matetika mikasika izany fiovana izany ilay mpampianatra mialohan'ny hitrangany.
- Misy zazavavy kely iray nivazavaza ilay ankizy nikasika azy. Rehefa afaka fotoana fohy dia hazavain'ny mpampianatra an'ilay mpianatra fa tsy mety ny mivazavaza olona toy izany satria mahatonga azy hatahotra izany ary zavatra tsy tokony atao izany.
- Misy zazalahy kely iray tsy nieritreritra fa manafintohina ireo mpianatra hafa ny zavatra lazainy. Entin'ilay mpampianatra misintaka kely izy ka hazavaina aminy hoe manafintohina olona ny zavatra nolazainy ka lasa tsy hiresaka aminy intsony ireo ankizy ireo raha manao toy izany izy.

Fahataran'ny fitomboana/ Stunting

Famantarana/ Symptoms

Raha tsy ampy sakafo ny vehivavy mitondra vohoka, na tsy ampy sakafo ny ankizy, ilay zaza ao an-kibo na ilay ankizy dia tsy hitombo araka ny tokony ho izy. Ny vatan'izy ireo dia ho kely noho ny

tokony ho izy ary tsy hitombo ara-dalana ny ati-dohany. Ho latsaka kokoa ny fahaizany sy ny fahafahany mianatra raha oharina amin'ny ankizy hafa. Mora azon'aretina izy ireo ary hatahorana kokoa ho voan'ny homamiadana na diabeta.
Manodidina ny 50% ny ankizy eto Madagasikara dia tratran'ny fahataran'ny fitomboana io.

Ahoana no hanampiana ireo mpianatra tratran'ny fahataran'ny fitomboana/How can we help students with stunting?

Rehefa tratran'ny fahataran'ny fitomboana ireo mpianatra dia tsy misy fomba hamadihana izay zavatra nitranga intsony. Fa kosa, mbola hanana ny fahafahana ny hianatra sy hivoatra izy ireo, na dia hisy ho sahirana kokoa noho ny sasany aza. Maro amin'ireo olona malaza taloha noho tratran'izany tsy fitomboana ara-dalana izany, ka noho izany aza tsipahina izy ireny!

Tena ilaina ny mampianatra mikasika ny sakafo ara-pahasalamana sy ny fandrindrana fiainam-pianakaviana an'ireny fianakaviana manana zanaka tratran'ny tsy fitomboana ara-dalana ireny.

Ny fanolorana fanabeazana tsara kokoa ho an'ny mpianatra rehetra dia hampivoatra ny fambolena, ny fandrindram-piterahana ary ny "régime alimentaire" eto Madagasikara. Ireo fivoarana ireo dia hampihena ny fahataran'ny fitomboana.

Raha any amin'ny toerana tena manana olana amin'ny fahataran'ny fitomboana no misy ny sekoly misy anao, afaka mampianatra izany eny amin'ny fiaraha-monina ve ny sekoly misy anao mba hampihena ny olana mahatonga ny fahataran'ny fitomboana?

Syndrome d'alcoolisation foetale / Foetal Alcohol Syndrome

Ny tahan'ny alikaola ambony miantraika amin'ny zaza ao am-bohoka dia mety hiteraka olana maro. Tsaboy ireo "symptômes" ary ampianaro ireo ray aman-dreny mba hifady alikaola mandritra ny vohoka.

Fanehoan-kevitra ankapobeny/General comments

Indraindray ireo mpianatra dia mety hanana fahasarotana ara-pianarana mihoatra ny iray.

Raha tratran'izany fahasarotana ara-pianarana izany ilay mpianatra dia tsy fahadisoany izany.

Maro ireo fahasarotana ara-pianarana tsy dia fahita. Ny sasany dia hafahafa, ohatra, misy namako iray izay mampifandray ny fihetsem-po amin'ny matematika. Tiany ary tena mahay "addition" izy. Fa aminy dia mahatohina ny manao "soustraction" ka lasa tsy mahay izany izy. Raha manana mpianatra mananosarotra ianao, maka fotoana hiresahana amin'ilay mpianatra. Anontanio azy izay hitany sarotra sy ny fomba afaka hanampianao azy.

Fanontaniana/Questions

1) Miresaha na manorata mikasika mpianatra iray fantatrao fa mety manana fahasarotana ara-pianarana.
a) Araka ny hevitrao, inona ilay fahasarotana mahazo azy?
b) Ahoana no hanovanao ny fomba fampianarana azy ireo na fitondranao azy vokatr'ity lesona ity?
c) Miresaha amin'ireo mpianatra ary anontanio azy izay hitany mora sy sarotra amin'ny taranja ampianarinao ary manao ahoana ny fahatsapany izany. Anontanio azy ny mikasika ireo zavatra hitanao fa sarotra aminy.

2) Inona no mety fiantraikan'ity toko ity amin'ny fomba fijerinao ny fahasarotana ara-pianarana?

11. "Différenciation pédagogique"/ Differentiation

'Tsy misy zavatra manohitra ny "égalité" mihoatra ny fitondrana olona tsy mitovy amin'ny fomba iray iraisana'- Thomas Jefferson, Père fondateur de l'Amerique

Fakafakao / Discuss

1) Eritrereto kely ireo mpianatrao mahay indrindra. Mandritra ny firy isan-jaton'ny fampianaranao izy no mipetraka tsy misy atao?

2) Eritrereto kely ireo mpianatrao manana fahaizana antonontonony. Mandritra ny firy isan-jaton'ny fampianaranao izy no mipetraka tsy misy atao?

3) Eritrereto kely ireo mpianatrao votsavotsa saina indrindra. Mety firy ny tahan'ny zavatra azony amin'ny lesona ampianarinao?

Misy lesona roa izay arosoko eto, ny iray dia lesona "différenciée", ny manaraka kosa dia "non-différenciée". Ity lesona ity dia mifototra amin'ny lesona tena nisy izay natrehako.

Lesona 1: lesona "non- différenciée"/ Lesson 1: A non-differentiated lesson

Tanjon'ny lesona: Fahafantarana fa ny Romana dia nampiasa "symbole" ho solon'ny "chiffre" tsotra.

Amin'ity lesona ity, asaivo adikan'ny mpianatra ny lesona ary araho amin'ny fanazavana mahazatra izany.

Les Chiffres Romains

Les Romains ont utilisé des symboles à la place des chiffres normalement utilisés:

Symbole	I	II	III	IV	V	VI	VII	VIII	IX	X	XI	...	XIV	...	XIX	XX
Nombre	1	2	3	4	5	6	7	8	9	10	11	...	14	...	19	20

Afaka 30 minitra, rehefa nahavita nandika ilay lesona ireo mpianatra miadana indrindra dia tapitra ilay lesona.

Fakafakao / Discuss:

Inona no zavatra tsara sy ratsy hitanao tamin'iny ohatra lesona iny?

Ny hevitro / My Thoughts:

Ny lesona sy ny fanazavana dia nazava avokoa ary ireo mpianatra votsa indrindra dia nisy zavatra natao foana nandritra ilay lesona.

Kanefa misy olana lehibe maromaro:

- Ny ankamaroan'ireo mpianatra dia tsy nisy atao nandritra ny fotoana lava nanaovana ilay lesona. Ireo mpianatra amin'ny fahaizana antonony dia nanoratra nandritra ny 15 minitra

ary nipetraka fotsiny nandritra ny 15 minitra. Ireo ankizy mahay indrindra dia nanoratra nandritra ny 5 minitra ary nipetraka fotsiny nandritra ny 25 minitra.

- Ity lesona ity dia tsy "*différenciée*"- ireo mpianatra rehetra dia nampanaovina zavatra mitovy tanteraka. Ilay lesona dia nokendrena ho an'ireo mpianatra vitsivitsy izay votsa indrindra, izany hoe ny ankamaroan'ireo mpianatra dia tsy nianatra zavatra maro araka ny tokony ho izy.
- Tsy nisy fitsapam-pahaizana ka tsy fantatr'ilay mpampianatra raha naharay zavatra ireo mpianatra na tsia.

Lesona 2: Lesona "différenciée" / Lesson 2: A differentiated lesson:

Amin'ny lesona "différenciée", samy hafa ny tanjon'ny lesona apetraka ho an'ny mpianatra tsy mitovy fahaizana:

Ny mpianatra rehetra: Fahafantarana fa ny Romana dia nampiasa "symbole" ho solon'ny "chiffre" tsotra.
Ny ankamaroan'ny mpianatra: Fahaizana mamadika ny "Numération romaine" ho "nombre" tsotra sy ny mifanohitra amin'izany hatramin'ny isa 20.
Mpianatra vitsivitsy: Fahaizana mampiasa ireo "symbole" 'C' sy 'M' amin'ny "Numération romaine".

Mitovy amin'ny nanolorana ilay lesona voalohany ny nampianarana ity lesona ity. Fa nampiana fanontaniana maromaro mihasarotra hatrany ho an'ny mpianatra antonontonony sy ny mpianatra mahay kokoa. Ary asaina mandika fanontaniana iray ka mamaly izany vao miditra amin'ny fanontaniana manaraka izy ireo satria tsy natao ho voavalin'izy ireo avokoa ireo fanontaniana rehetra ireo.

Les chiffres romains

Les Romains ont utilisé des symboles à la place des chiffres normalement utilisés:

Symbole	I	II	III	IV	V	VI	VII	VIII	IX	X	XI	...	XIV	...	XIX	XX
Nombre	1	2	3	4	5	6	7	8	9	10	11	...	14	...	19	20

Questions: Utilisez les informations dans vos notes pour répondre à ces questions:

1) Ecrivez les nombres correspondants aux chiffres romains suivants:

a) I b) II c) VII d) XI e) XX

2) Ecrivez les nombres suivants en chiffre romain:

a) 3 b) 4 c) 14 d) 19

3) Ecrivez les nombres de 12 à 18 en utilisant les chiffres romains

4) L = 5

Reliez les nombres suivants aux numérations romaines qui conviennent :

49	XLI
50	LI
51	LXXI
71	L
65	LXV
41	IL

5) C = 100. Ecrivez 199 et 180 en utlilisant les chiffres romains

Omeo 20 minitra ireo mpianatra handikany ilay lesona ary avy eo, mamaly ireo fanontaniana.

Hafamadika avy eo ny kahieny ary hazavainao azy ireo ny valin'ireo fanontaniana. Ataovy an-tsaina foana ny "niveau" an'ireo mpianatra izay mety sahirana mamaly ilay fanontaniana hazavainao, ka amin'ilay fanontaniana voalohany, ataovy tsotra sy mora azo ny fanazavanao ary amin'ilay fanontaniana 5, afaka ataonao sarotsarotra kosa satria ireo mpianatra tena mahay no nanaovana ireo fanontaniana ireo.

Ary farany, manaova "activité d'évaluation formative" amin'ny alalan'ny "Aotra hatramin'ny dimy" (0 à 5) :

1) Asehoy amin'ny rantsa-tananao ny "nombre" mifanaraka amin'ireo "symbole" ireo:
   a) II
   b) IV
   c) VI
   d) IX

2) Soraty eo amin'ny solaitra be ireto manaraka ireto :
   1) XVII
   2) XIX
   3) XXI
   4) LXXX
   5) CXX

Asaivo asehon'ny mpianatra anao amin'ny rantsan-tanany ny "numération romaine" mifanaraka amin'ny a) 19 b) 21 c) 80 d) 17 e) 120

Resaka mikasika ilay lesona 2 / Discussion of lesson 2

Amin'ilay lesona faharoa, ireo *mpianatra faible* dia handika ilay lesona ary mety hiezaka hanao ilay fanontaniana voalohany. Mety ho azony ny fanazavana an'ilay fanontaniana voalohany sy faharoa fa avy eo dia tsy ho arany intsony ny tohiny .

Ireo mpianatra amin'ny ankapobeny dia hahavita ireo fanontaniana 1-3 ary mety hahazo ny fanazavana ilay fanontaniana 4 sy 5.

Ireo mpianatra tena mahay dia hahavita io fampiharana io, mety ho vitsivitsy ihany ny diso na ho marina avokoa ny valiny.

Ilay lesona faharoa dia misy zavatra mifanentana amin'ny fahaizan'ny mpianatra tsirairay avy no sady misy "évaluation formative" izay ahafahan'ny mpampianatra mahita izay mpianatra nahazo ilay lesona.

Ny "théorie" mikasika ny "différenciation" / Differentiation theory

Amin'ny ankamaroan'ny kilasy dia mizara ho sokajy telo ny mpianatra:

- Mpianatra votsa: Ireo mpianatra sahirana mandray ireo lesona tsotra ary ahiana ho tsy afa-panadinana. Saika misy 10%-20% mpianatra votsa ny ankamaroan'ny kilasy.

- Mpianatra antonontonony: Ireo mpianatra izay mahomby amin'ny fianarany, nefa tsy manana fahaizana manokana. Eo amin'ny 60-80% ny mpianatrao dia ao anatin'izany sokajy 'antonony' izany.
- Ireo mpianatra tena mahay: Ireo mpianatra izay mahita fa mora aminy ny fianarana ary mila zavatra sarotsarotra kokoa mba hahafahany mandray zavatra maro araka ny fahaizany avy amin'ilay lesona. Maro ny kilasy mety hahitana 10-20% mpianatra tena mahay.

Ny lesona "différenciée" dia natao mba hianatra foana ny mpianatra tsirairay avy amin'ireo sokajy samihafa amin'ny ankamaroan'ny fotoany ao an-dakilasy ary mba hahazoan'ny mpianatra tsirairay zavatra sarotsarotra ianarany izay tokony ho tratran'ny fahaizany.

Amin'ny lesona "différenciée", ny kahien'ny mpianatra dia tsy hitovy satria misy mpianatra hahavita zavatra maro kokoa noho ny sasany.

Misy karazany telo ny "méthode de différenciation" afaka ampiasaina:

- "Différenciation par tâche"
- "Différenciation par résultat"
- "Différenciation par assistance"

"Différenciation par tâche" / Differentiation by task

Samy manao asa (tâche) avokoa ny mpianatra tsirairay fa atao araka ny fahaizany izany.

Ohatra:

1) Raha mampianatra vakiteny any amin'ny ambaratonga fototra dia zaraina ho tarika 3 araka ny fahaizany ireo mpianatra. Ho an'ireo tarika roa izay mahay indrindra, asaina mifandimbidimby mamaky an'ilay lahatsoratra amin'ny tarika misy azy izy ireo. Mandritra ny fotoana hiarahan'ireo ankizy ao amin'ireo tarika roa mifanampy manao izany, ilay tarika votsa indrindra dia manao ny asa ampanaovina azy miaraka amin'ny mpampianatra izay manampy azy @ fanaovana ilay vakiteny.
2) Mitovy amin'ilay lesona natao ohatra teny am-panombohana, rehefa voadika ilay lesona dia asaina mamaly ireo andiam-panontaniana indray ireo mpianatra. Atao mihasarotra hatrany ireo fanontaniana ary atao karazam-panontaniana izay hanampy ireo mpianatra amin'ny fahazoana ilay lesona. *Tsy tokony* handika ireo fanontaniana hatramin'ny farany ireo mpianatra vao manomboka mamaly izany. Raha voamboatra tsara ireo fanontaniana dia ho maro ny mpianatra no tsy hahavita izany hatramin'ny farany.
3) Asaivo manao zavatra hafa hataony (tâche) ireo mpianatra rehefa vitany ny "devoir de classe". Ny zavatra ampanaovina azy anefa dia tokony hifandray amin'ny fianarana. Ohatra: mamaky boky avy any amin'ny trano fitehirizam-boky, vaovao mahakasika ilay taranja na manomana "projet".

"Différenciation par résultat" / Differentiation by outcome

Ny mpianatra rehetra dia manao asa mitovy, fa ny zava-bitan'ireo mpianatra kosa dia hiankina amin'ny fahaizan'ilay mpianatra.

Ohatra:

1) Tantarao an-tsoratra amin'ny teny frantsay ny toerana onenanao. Lazalazao amin'ny an-tsipiriany araka izay vitanao izany. Ireo mpianatra votsavotsa dia mety hanoratra fehezanteny iray, ireo mahay kokoa kosa hanoratra "paragraphe" iray.

2) Manorata lahatsoratra mikasika ny fomba fiasan'ny "système digestif".

3) Mamorona teny maro araka izay fantatrao amin'ny alalan'ireto litera ireto: a r t i m s h o

4) Amin'ny fanaovana sorakaliana, anatin'ny 3 minitra, adikao tsara izay rehetra vitanao amin'io. Avy eo, omeo mpianatra hafa izany mba hotsarainy.

5) Asaivo manao fikarohana mikasika lohahevitra iray ireo mpianatra, any amin'ny trano famakiam-boky na amin'ny alalan'ny "encyclopédie" efa anaty solosaina na aterineto. Avy eo dia manomana famelabelaran-kevitra mikasika izay zavatra hitany ireo mpianatra.

6) Mametraha "question ouverte" izay mety hahazoana karazana valin-teny maro be avy amin'ireo mpianatra.

"Différenciation par assistance" / Differentiation by support

Ireo mpianatra rehetra dia ampanaovina asa mitovy ary antenaina hitovy ny zava-bitany. Ireo mpianatra votsavotsa kosa dia omena fanampiana mba hahavita ilay asa.

Ohatra:
1) Zarao ho tarika ireo mpianatra, afangaro ireo mpianatra mahay sy tsy dia mahay ary asaina miara-miasa manao "devoir de problème" maromaro izy ireo. Hazavao amin'izy ireo fa ireo mpianatra tsirairay ao anatin'ilay tarika dia samy tokony ho afaka manazava ny valin-teny hitan'izy ireo, ary asaivo manampy ireo tsy dia mahay ireo mpianatra mahay.

2) Makà mpianatra iray mahay sy mpianatra tsy dia mahay ka asaivo miaraka manao ilay asa izy ireo, ny tanjona amin'izany dia ny hampitombo bebe kokoa ny fahaizan'ilay mpianatra mahay amin'ny alalan'ny fampianarany ilay mpianatra iray ary ilay tsy dia mahay kosa dia hahay kokoa nohon'ny fampianarana azony avy amin'ilay namany.

3) Ampirisiho ireo mpianatra mba hitady fanampiana avy amin'ny namany raha misy zavatra tsy hainy mialohan'ny hanantonany anao.

Activité/ Activity

Manomana "différenciation" izay hataonao amin'ny lesona hampianarinao amin'ny herinandro. Zarao amin'ny mpiara-miasa aminao ireo hevitrao.

12. Fiarovana ny ankizy/ Child Protection

'Ny fanimbana na fanararaotana ny ankizy dia mety hitranga n'aiza n'aiza ' – Fiangonana any Ecosse

Inona no atao hoe fahasimbana na fanararaotana?/What is harm or abuse?

Ny fanararaotana dia ireo karazana zava-dratsy rehetra mahazo ny ankizy vokatry ny nataon'ny olon-dehibe, na noho ny tsy firaharahian'ny olon-dehibe. Misy karazany izany:

Fanararaotana ara-batana: Ny fanararaotana ara-batana dia mitranga rehefa iharan'ny herisetra ny ankizy, voaratra na iharan'ny fanaintainana ara-batana ataon'ny olon-dehibe. Tsy mitovy ny fibedesana ara-dalana izay mihatra amim-batana (ohatra: ny fikapohana zaza noho ny ditrany) sy ny fanararaotana (fanaovana herisetra amin'ny ankizy). Nefa kosa maro ireo "psychologue" no mampirisika ny Ray aman-dreny mba hampiasa fomba fibedesana hafa. Ao anatin'izany ihany koa ny fampijaliana ankizy ataon'ny samy ankizy.

Fanararaotana ara-tsaina: Ireo ankizy ompana, lazaina fa tsy misy ilana azy na ampijaliana amin'ny alalan'ny teny na ny fihatahana aminy. Misy ireo milaza fa izany dia manimba kokoa noho ny fanararaotana mihatra amin'ny vatana. Ity fanararaotana ara-tsaina ity dia mety hanimba kokoa noho ny fanararaotana ara-batana. Ao anatin'izany ihany koa ny fampijaliana ankizy ataon'ny samy ankizy.

Tsy firaharahina: Ireo ankizy tsy mahazo fitiavana, fikarakarana na sakafo izay ilainy. Eto Madagasikara dia maro ireo ankizy izay azo lazaina fa tsy voakarakara noho ny tsy fahampian-tsakafo mahazo azy. Tia azy ireny ihany ireo ray aman-dreniny fa tsy mba afaka manome azy sakafo araka ny tokony ho izy.

Fanararaotana ara-nofo: Ireo ankizy ampitodihin'ny olon-dehibe amin'ny "pornographie", na voatarika amin'ny firaisana ara-nofo amin'ny olon-dehibe. Ny ankamaroan'ny fanararaotana ara-nofo dia notontosain'ny lehilahy, fa ny ankamaroan'ny lehilahy dia tsy mpanao izany. Ireo zaza tsy ampy taona lasa tafiditra amin'ny fivarotan-tena dia anatin'ny fanararaotana ara-nofo.

"Radicalisation": Famandrihana ny ankizy mba hanaraka fomba fijery ratsy, ohatra: Ny "Etat islamique" na ireo toy izany.

Fampiasana ankizy: Ny fampiasana ankizy dia mety ho endrika fanararaotana ary mety hiteraka voka-dratsy amin'ny fitomboan'ny ankizy. Ny mpampianatra no matetika mahay mitsara raha ohatra ka mitaky zavatra tsy araka ny tokony ho izy amin'ilay ankizy ny ray aman-dreniny na ny mpitaiza azy. Ny zava-misy amin'ny fiainana eto Madagasikara mantsy no mahatonga ireo ankizy maro be tsy maintsy miasa mba hahafahany mamelona ny fianakaviany.

Ireo fanaraotana rehetra voalaza etsy ambony dia **ratsy**, **manimba ny ankizy** ary **hampitondra takaitra azy ireo mandritra ny fiainany manontolo**.

Famantarana ny fisian'ny fanararaotana/Signs of abuse

Maro ireo famantarana fa iharan'ny fanararaotana ny ankizy iray:

- Ireo mangana izay tsy hain'ireo ankizy hazavaina, na any amin'ny toerana tsy mahazatra. Nefa tsy vokatry ny fanararaotana avokoa ny mangana rehetra!
- Fiovana be tampotampoka amin'ilay ankizy, ohatra: olona misokatra amin'ny hafa lasa mitokatokana. Tsy ny fiovana rehetra amin'ny ankizy anefa dia ho vokatry ny fanararaotana avokoa, ohatra: mety hoe nisy havany maty na mety manana olana ara-pianakaviana izy.
- Fisian'ireo famantarana ara-batana ny tsy fahampian-tsakafo. Izany dia mety hiteraka ny fahataran'ny fitomboana.
- Ankizy mbola kely taona miresaka momba ny firaisana ara-nofo. Tsy voatery ho porofon'ny fanararaotana izany.
- Ireo ankizy reraka loatra rehefa tonga ao am-pianarana. Mety hoe tsy maintsy miasa mafy izy rehefa any an-tranony... na nilalao "jeu" tamin'ny solosaina izy nandritra ny alina.

Inona no tokony atao manoloana ny fanararaotana/What to do about abuse

Fanararaotana eny amin'ny fiaraha-monina / Abuse in the community

Raha toa ka fantatrao fa ny iray amin'ny mpianatrao dia iharan'ny fanararaotana any amin'ny fiaraha-monina misy azy dia tokony hiditra an-tsehatra ny sekoly. Ny fomba hidiranao an-tsehatra anefa dia hiankina amin'ny toe-javatra misy anao fa ireto misy hevitra vitsivitsy:

- Tsy fanjarian-tsakafo: Ampianaro an'ireo ray aman-dreny ny sakafo tsara tokony homeny ny zanany ary raha anisan'ny fototry ny olana ny hamaroan'ny zanany, ampianaro mikasika ny fomba fandrindrana fiainam-pianakaviana ireo ray aman-dreny (fanabeazana aizana). Hevero ihany koa ny fanomezana sakafo ara-pahasalamana isak'antoandro any an-tsekoly.
- Raha toa ka tsy ireo ray aman-dreny no manao izany fanararaotana izany dia resaho amin'ireo ray aman-dreny ny paik'ady tokony hananany mba hiarovana ilay zanany.
- Raha ireo ray aman-dreniny no manao ilay fanararaotana, ampiasao ny fahendrenao, mety mila miantso ny "ministère de la population" izay mety afaka hanampy amin'izany ianao na antsoy ny laharana maitso 147.
- Misy sekoly manendry mpiasa iray mba hisahana ny resaka fanararaotana ary omena fotoana manokana izy hanaovana izany.
- Manatona ny polisy.
- Manatona ireo tompon'andraikitra eo an-toerana.
- Ampio ilay ankizy amin'ny fitadiavana ireo havany izay afaka hanampy azy raha toa ka tsy afaka ny hanampy azy ireo ray aman-dreniny.
- Afaka aterina eny amin'ny toerana fitaizana zaza kamboty ihany koa ilay ankizy kanefa tsara kokoa raha eny anivon'ny fiaraha-monina ihany no hitaizana azy.

Ny fisorohana ny fanararaotana eny an-tsekoly / Avoiding abuse in schools

Saika ahitana fanararaotana avokoa ny ankamaroan'ny sekoly eto Madagasikara. Ny mpampianatra ihany koa dia mety ho voaendrikendrika fotsiny. Hojerentsika eto ny fomba hampihenana ny mety hitrangan'ny fanararaotana eny amin'ny sekoly sy ny fomba hiarovana ny mpiasa ao amin'ny sekoly mba tsy hotratran'ny fanambarana tsy marina. Tadidio fa ny asa tena tian'ny olona "pédophile" dia ny asa ahafahany mifandray amin'ny ankizy.

a) Ataovy azo antoka fa tsy manana tantara ratsy mikasika ny fanararaotana ireo mpiasa.

- Jereo tsara ny “référence” ananan’ilay olona mialohan’ny hampiasana azy. Anontanio ireo mpampiasa azy fahiny raha efa nisy tranga fanararaotana niseho. Takio ny “contrôle de police” ho an’ireo mpiasa mety horaisinao amin’ny ho avy.
- Tokony horaisina ireo vahiny mandalo ao amin’ny sekoly, fa tsy tokony havela irery miaraka amin’ny mpianatra iray na roa.

b) Ofano ireo mpiasa ao aminao mba handray andraikitra ka hampihena ny tranga fanararaotana sy ny mety hisian’ny fanendrikendrehana:

- **Ahenao ny fitokatokanana:** Ny fanararaotana dia matetika mitranga eny amin’ireo toerana mitokana tsy hitan’olona ka irery miaraka amin’ny ankizy iray ny olon-dehibe. Mba hampihenana ny fitokatokanana dia tokony hamboarina ny efitrano fianarana mba ho tazana avy any ivelany ny ao anatiny.
- **Ny mpampianatra dia tokony hiaraka amin’ny ankizy maromaro foana:** Sarotra ny hanararaotra ankizy rehefa miaraka amin’ny mpianatra maro ny mpampianatra anankiray.
- **Ampitomboy ny fandraisana andraikitra:** Ireo mpampianatra dia tokony hampilaza ny lehibeny rehefa mampianatra amin’ny ora ivelan’ny ora fianarana na mampanao “cours” mpianatra tokana. Ny “cours individuel” dia tokony eny amin’ny toerana izay afaka ho hitan’olona ny ao anatiny, ohatra eny amin’ny efitrano fianarana misokatra varavarana.
- **Ireo mpiasa dia mila mifampahery hatrany mba samy hitondra-tena tsara,** hanao araka izay voalazan’ireo toro-marika etsy ambony. Raha misy miahiahy ny amin’ny fitondratenan’ny mpampianatra iray dia tokony ho fantatr’izy ireo ny olona tokony hampahafantarany an’izany.
- **Ho an’ny sekoly kristiana: Ampianaro mazava tsara ny finoanareo** mba hahafahan’ireo mpianatra mahita ny lesoka amin’ny hevitra haelin’ny vondrona “radical”.

c) Saraho ny toeram-pivoahan’ny ankizy sy ny olon-dehibe ary ny toerana fisoloany akanjo.

d) Ampianaro ireo ankizy ny olana mahakasika ny fanararaotana.

- Ireo mpianatra dia tokony hahafantatra ireo zavatra samihafa mitarika amin’ny fanararaotana - ireo olona tsy fantany izay mamandrika azy ireo mba handeha any amin’ny toerana mitokana irery; Ireo fikasikasihana tsy ara-dalàna ataon’ny olon-dehibe sns. Tokony ho fantatr’izy ireo fa ireo mpanararaotra dia matetika tena efa za-draharaha amin’ny fomba ifandraisana amin’ny ankizy ary mampiresaka.
- Tokony ho fantatr’ireo ankizy ny olona azony hiresahana mikasika ny fanararaotana.
- Tokony ho fantatry ny ankizy ny loza manodidina ny “radicalisation”.
- Tokony ho fantatry ny ankizy fa tsy tokony leferina ny fanenjehana ataon’ny namany.

e) Ny fanenjehana dia tsy tokony hatao tsinontsinona. Ny fanenjehana dia fanararaotana ara-tsaina sy ara-batana ataon’ny ny ankizy hafa amin’ny ankizy iray. Izaho dia mahafantatra sekoly tsy dia ahitana izany fahenjehana izany. Amin’io sekoly io dia roahina ireo mpianatra izay tsy mitsahatra ny manenjika ankizy hafa. Tsy tokony handefitra amin’ny fanararaotana ara-tsaina sy ara-batana ataon’ny ankizy mihitsy.

f) Aza atao tsinontsinona ny fanodikodinana zaza tsy ampy taona, indrindra raha misy elanelana lehibe amin’ny taonan’ireo olona manao izany na raha toa ka manararaotra ny iray amin’izy ireo.

Fakafakao/Discuss

Inona no afaka ataonao sy ny sekoly misy anao manoloana izany olana izany?

13. Ny fandraisan'anjaran'ny fiaraha-monina/Community involvement

Misy sekoly iray any amin'ny faritra avon'ny "Malaisie", any amin'ny toerana mitoka-monina, mitovy amin'ny faritra ambanivohitra eto Madagasikara. Ireo olona any dia be fitiavana, mahafinaritra ary manan-karena. Izy ireo dia nahazo fanabeazana tsara ary manana fahefahana eo anivon'ny fanjakana misy azy ireo na dia lavitra ny misy azy ireo aza izany.

Ny fahombiazany dia avy amin'ny zavatra roa: Voalohany, ny finoana kristiana izay nanafaka azy ireo tamin'ny fisotroan-toaka sy ny fady izay miteraka zava-dratsy; ary faharoa, ny fitiavany ny fanabeazana. Talohan'ny nananganana sekoly tany dia misy ankizy tsy maintsy mandeha dian-tongotra mandritra ny *herinandro* mba hamonjy ny sekoly ambaratonga faharoa, saika mipetraka any foana izy ireo mandritra ny taona. Tamin'ny fotoana nandehanako tany dia tonga dia hitako fa nomen-danja tokoa ny fanabeazana.

Ilay sekoly ambaratonga faharoa dia nisy zaridaina mahafinaritra lafatra dia lafatra. Ilay mpikarakara izany dia nampiseho anay ny manodidina ary nanazava fa ireo tanàna tsirairay any dia samy manana andraikitra amin'ny ampahan'ny sekoly avokoa. Misy mponina avy amina tanàna iray mikarakara ny efitrano fianarana; ny sasany mikarakara ny tokontany.

Ireo mponina tao dia tena liana mafy amin'ny fanabeazana ny zanany ary vokatr'izany dia niasa mafy ary nahomby ireo mpampianatra sy mpianatra. Ary io sekoly lavitra be io no anisan'ny nahazo ireo vokatra tsara indrindra tany Malaisie.

Manerana izao tontolo izao, ireo firenena izay manome lanja ary manao ny ainy tsy ho zavatra ho an'ny fanabeazana dia mahomby kokoa. Ireo Filipiana izay firenena mitovy amin'i Madagasikara dia tena manome lanja ny fanabeazana. Izany dia manome azy ireo ny fahaiza-manao ahafahany miasa maneran-tany ka andefasany vola any amin'ny fianakaviany. Maro amin'ireo mponina any Asie no mahita fa tena zava-dehibe ny fanabeazany ny zanany mba hahafahan'izy ireo ho tonga dokotera, "ingénieur" na "dentiste".

Fakafakao/Discuss

1) Ahoana no fomba hampandraisantsika anjara ireo olona tsotra avy amin'ny fiaraha-monina amin'ny fampivoarana ny sekoly eto Madagasikara?

2) Inona no mety ho fahasamihafana hiseho raha mandray anjara amin'ny sekoly ny fiaraha-monina?

3) Inona no mety ho vato misakana amin'ny fandraisan'anjaran'ny fiaraha-monina?

Fandraisan'ny ray aman-dreny andraikitra/Parental involvement

Matetika dia mora amiko ny mamantatra hoe iza amin'ireo ray aman-dreny no ho avy hihaona amiko amin'ireo "porte ouverte". Raha hendry, mazoto mianatra ary manao ezaka araka izay vitany ireo mpianatra dia ho avy handalo ireo ray aman-dreniny. Raha maditra ilay ankizy, tsy mba manao enti-mody mihitsy ary toa te ho any an-toeran-kafa foana fa tsy te hijanona ao an-tsekoly dia ho any an-toeran-kafa koa ireo ray aman-dreniny.

Ireo ray aman-dreny izay mihevitra ny fanabeazana dia matetika manan-janaka izay mahomby amin'ny fianarana. Satria maro amin'ireo fahaiza-manao sy fahalianan'ireo ankizy no nianarany avy

tamin'ireo ray aman-dreniny. Misy ray aman-dreny milaza fa tsy misy asa ho an'ireo ankizy nianatra. Tsy hoe tsy mahita asa izy ireo anio dia tsy misy ny asa na tsy hisy asa mihitsy amin'ny ho avy. Ary misy ankizy hanangana raharaham-barotra ho an'ny tenany ary hamokatra asa maro vaovao, na hampiasa ny fanabeazana azony mba hampahomby bebe kokoa ireo raharaham-barotra efa misy.

Inona no azon'ny sekoly atao hanampiana ireo ray aman-dreny mba ho taitra amin'ny fanabeazana/How can schools help parents get excited about education?

- **Manaova "porte ouverte" na "soirée d'information" ho an'ireo ray aman-dreny**, izay hanasana ny ray aman-dreny rehetra mba hanatrika. Mandritra izany ianao dia afaka:
    - Mizara momba ny zavatra ianaran'ireo mpianatra.
    - Mizara ny vaovaon'ny sekoly sy ny fahombiazana.
    - Mizara ireo daty manan-danja amin'ny sekoly.
    - Mizara ireo tantaram-pahombiazan'ireo mpianatra efa nianatra tao amin'io sekoly io taloha.
    - Mampahery ireo ray aman-dreny mba handefa ireo zanany an-tsekoly foana.
    - Mampahery ireo ray aman-dreny mba haneho fahalianana amin'ny zavatra ianaran'ireo mpianatra, ohatra: Asaivo manasa ny zanany mba hampianatra azy ireo zavatra ianarany ireo ray aman-dreny, na manontany azy izay zavatra nianarany.
    - Ataovy mahafinaritra izany, asio fialam-boly raha mety, mba hahatonga ny ray aman-dreny haniry ny ho avy.
- **Ny "bulletin"** : Tsy tokony ho naoty sy teny fanamarihana iray fotsiny no voasoratra ao. Ireo mpampianatra dia tokony hilaza zavatra tsara momba ny mpianatra sy izay zavatra mila hohatsaraina. Izany dia midika fa mila maka fotoana hahafantaranao ny tanjaka sy fahalemen'ilay mpianatra ianao. Hahafaly ireo ray aman-dreny ny fahitany zavatra tsara mikasika ireo zanany na dia tsy tanteraka aza izy ireo.
- **Ny fivorian'ny ray aman-dreny** dia tombotsoa iray hiresahana amin'ireo ray aman-dreny (matetika amin'ireo mpianatra) mikasika ny fandehan'ny fianarany, hampaherezana azy ireo mba handroso foana ary hanolorana azy hevitra mba hivoarany. Izany dia tombontsoa iray hanampiana ireo ray aman-dreny mba hahazo ny lanjan'ny zavatra ataon'ireo zanany. Na dia tena ratsy aza ny mpianatra iray dia mila mijery fomba hivoarany ary mitady izay zavatra hainy ianao.
- **Ampandraiso anjara amin'ny sekoly ireo ray aman-dreny**, izany dia hampitombo ny fahavitrihany amin'ny zavatra ataon'ny sekoly. Fa tsy ny ray aman-dreny rehetra no hanana fotoana hanaovana izany. Ohatra :
    - Asaina manatona ny sekoly ireo ray aman-dreny ary mampianatra ireo zavatra izay ananany traikefa.
    - Mikojakoja ny efitrano fianarana.
    - Mamboly ary mikojakoja hazo fihinam-boa ao amin'ny tokontanin'ny sekoly.
    - Miompy akoho ao amin'ilay sekoly ho tombontsoan'ireo mpianatra.
    - Manofana ireo mpianatra amin'ny baolina kitra na fanatanjahantena hafa.
- Raha **tsy afaka** mandoa saram-pianarana ireo ray aman-dreny, mitadiava fomba hahafahan'izy ireo manampy ny sekoly ho solon'izany! Ny tsy fahafahany mandoa izany dia matetika noho ny tsy fananan'asa. Afaka manampy amin'ny fikojakojana ny sekoly, na miasa any an-dakozia na tokontany mandritra ny andro vitsivitsy ve izy ireo? Misy sekoly iray nividy tany, lavitra ny sekoly. Ireo ray aman-dreny izay tsy afaka mandoa ny saram-pianarana dia miasa tany iray andro na roa volana ho solon'izany. Ny sakafo azo avy amin'izany dia atao sakafon'ny ankizy any an-tsekoly.

Amin'izay dia tsy misy manadala hoe 'mahantra' ireo ankizy, ilay tany fambolena dia ivelan'ny toerana misy ny sekoly ary ny fanampiana ireo ray aman-dreny dia tsy atao ampahibe-maso.

- Raha **misy vola aloa** amin'ny fanabeazana dia ho liana kokoa amin'izany ny olona. Raha tsy maintsy hampiasa ny volany amin'izany ny olona, dia midika izany fa manome lanja ilay fanabeazana izy. Fa tena zava-dehibe ihany koa anefa ny fanomezana fahafahana hianatra ho an'ny olona tena tsy manam-bola.
- Rehefa vita ny fanadinana an-dakilasy dia omeo ny mpianatra entiny mody ilay taratasim-panadinana ary averina miaraka amin'ny sonian'ny ray aman-dreny avy eo. Ny fahalalan'ny ray aman-dreny ny fandehan'ny fianaran'ny zanany dia tena zava-dehibe tokoa.

Inona no tokony hataon'ireo ray aman-dreny ao an-tokantrano mba hampiseho ny fahalianany amin'ny fanabeazana/What should parents do at home to show interest in education

- Manontany amin'ny an-tsipiriany ny tontolo andron'ireo ankizy tany an-tsekoly, ohatra 'Inona avy ny taranja nataonareo? Inona no zavatra nianaranao tamin'ny matematika? Afaka manome ahy ohatra "équation" novahanao ve ianao?'
- Miresaka amin'ireo zanany mahakasika ny fanadinana nataony na ny "bulletin" voarainy. Derao izy amin'ireo zavatra tsara ary ampaherezo mba hanao tsaratsara kokoa amin'izay zavatra nampananosarotra azy.
- Ampio ireo mpianatra mba hanana faniriana ambony. Izany akory tsy midika hoe voatery ovaina ny raharaham-barotry ny fianakaviana (ohatra: fambolena) fa kosa mety hoe hampiasa ny fahalalana noratoviny izy mba hanatsarana izany.
- Asaivo manokana fotoana hamerenana izay zavatra nianarany ireo ankizy rehefa any an-trano. Omeo fotoana ahafahany mifantoka izy ao an-trano mba hianarany.
- Manana fomba fijery tsara mahakasika ny fanabeazana foana, na dia tsy dia nahita fianarana firy aza ianao.
- Mamaky boky ho an'ireo ankizy madinika. Mety afaka manokatra trano famakiam-boky ahitana boky ho vakin'ny ray aman-dreny ny sekoly?
- Tokony hampianatra ireo zavatra hainy an'ireo zanany ireo ray aman-dreniny.
- Mampirisika ireo ankizy mba hamaky boky.

Misy ankizy tsy taizan'ny ray aman-dreniny. Amin'ny toe-javatra toy izany dia tokony hampandraisinao andraikitra tahaka ny ataonao amin'ny ray aman-dreny ireo mpitaiza.

Ny fandraisan'anjaran'ny ray aman-dreny sy ny fiaraha-monina amin'ny sekoly dia samy afaka mitondra fivoarana lehibe amin'ny vokatry ny sekoly.

Fanontaniana/Questions

1. Manao ahoana ny fomba fijerin'ny fiaraha-monina sy ny ray aman-dreny ny fanabeazana?
2. Ahoana no fomba hanatsaran'ny sekoly ny fifandraisany amin'ny fiaraha-monina?
3. Inona no dingana hataonao mba hanatsaranao ny fifandraisanao amin'ny ray aman-dreny sy ny fiaraha-monina amin'ny maha-mpampianatra anao?
4. Resaho amin'ny lehiben'ny sekoly misy anao ny hevitra hitanao ho manan-danja.

14. Drafitra fanomanan-desona/Lesson Planning

> *"Raha manao drafitra haharitra ho an'ny taona iray ianao, mamafaza voa. Raha tianao haharitra folo taona, mambole hazo. Raha tianao haharitra arivo taona, ampianaro ny olona. Raha mamafy voa indray ianao, vokatra iray monja no hojinjainao. Raha mampianatra ireo olona ianao dia hijinja vokatra aman-jato."* Kuan Chung

Fakafakao/Discuss

1) Ahoana ny fomba hanomananao ny lesona ampianarinao amin'izao?

2) *Fitsikerana:* Inona no hitanao mahomby amin'ny fomba fanomananao lesona?

3) *Fitsikerana:* Inona no afaka hatsaraina amin'ny fomba fanomananao lesona?

I Mr Rakoto dia tara kely vao tonga tao am-pianarana rehefa avy nankafỳ ny fotoana fisakafoanany. Tsy tena azony antoka hoe aiza no kilasy hampianariny fa izany dia tsy nahataitra azy. Rehefa avy nampiditra ireo mpianatra izy dia nanontany ny iray tamin'ireo mpianatra ny zavatra nataon'izy ireo tamin'ny lesona nampianariny farany. Nieritreritra kely izy ary afaka minitra vitsivitsy dia nanapa-kevitra ny hanao soratononina ny lesona mikasika izany lohahevitra izany. Nihodikodina kely teo ny lesona ary lasa lava kokoa noho ny tokony ho izy, fa tsy maintsy nandany ora iray izy. Rehefa vita ny soratononina dia tapitra ilay lesona.

Tonga alohaloha kely i ramatoa kely Clare, ary nanoratra fanontaniana hitarihana ilay lesona sy hampieritreretana ireo mpianatra rehefa eo am-pidirana izy ireo. Ireo mpianatra dia niresaka momba ireo fanontaniana ary ramatoa kely Clare dia nanoratra ireo hevitra lehibe voalazan'izy ireo. Nasainy nadikan'izy ireo izany, ary avy eo nampiasainy ilay lesona voafintimpitina tany aminy mba hampianarana izay zavatra tokony ho hain'izy ireo. Avy eo dia nomeny fanontaniana fito mahakasika ilay lohahevitra izy ireo, fanontaniana dimy mitaky fitadidiana na fahazoana ilay lesona ary fanontaniana roa izay hampieritreritra lalina kokoa an'izy ireo. Aloha kely ny fifaranan'ny lesona dia niresaka momba ireo valim-panontaniana ireo mpianatra.

Fakafakao/Discuss

1) Iza amin'ireo lesona etsy ambony ireo no tsara kokoa? Nahoana?

2) Iza amin'ireo no voaomana bebe kokoa? Nahoana?

Ny fanomanana tsara dia midika fa hanana lesona mahomby izay hampahay ny mpianatra ianao. Ny tsy fahampian'ny fanomanana dia midika fa ho very fotoana ilay kilasy ampianarinao, tsy hazava ny lesona ary kely no ho voarain'ireo mpianatra.

Misy fanomanana karazany roa:

- **Ny fanomanana drafitra lavitr'ezaka (répartition à long terme)** izay hanomananao ny ambangovangon'ilay taranja ampianarinao.
- **Ny fanomanana drafitra ho an'ny herinandro vitsivitsy** izay hanomanana ny lohahevitra na ny fe-potoana hanaovana izany.
- **Ny fanomanana drafitra fohy ezaka (répartition à court terme)** izay hanomananao ny zavatra hitranga amin'ny lesona tsirairay.

Ny fanomanana drafitra lavitr'ezaka/Long term planning

Ny fanomanana drafitra lavitr'ezaka dia ilay fandaminanao ny fotoana hampianaranao ireo fizaran'ny taranja manontolo.

Ity manaraka ity dia fitsinjaran'asa lavitr'ezaka ho an'ny fampianarana siansa iray nataoko:



Fanaovana drafitra maharitra na lavitr'ezaka/Making a long term plan

Mba hanaovana drafitra maharitra dia fantaro ny fotoana anananao mba hampianarana ilay taranja. Avy eo, raiso avokoa ireo lohahevitra rehetra amin'ilay taranja, ary ampidiro amin'ireo fotoana izay anananao hampianarana. Asio herinandro vitsivitsy ambiny amin'ny farany mba hanaovana famerenana na ho an'ireo fotoana tsy ampoizina hikatonan'ny sekoly.

Raha mampianatra programa izay vaovao aminao ianao, ampiasao izay fizotrin'ny programa namboarin'ny namana mpiara-miasa aminao ho anao, na zarazarao isaky ny lohatenin-desona lehibe ilay programa. Raha manana boky fampianarana ianao dia afaka ampiasainao ireo lohateny lehibe izay voasoratra ao amin'ny fanehoam-pejin'ilay boky mba hanampy anao hizarazara ilay programa.

Aoka hahay hifanaraka amin'ny zava-misy (flexible) ianao. Ny tiana hambara dia mety hisy lohahevitra hitaky fotoana lavalava kokoa noho izay noeritreretinao, ny sasany mety hila fotoana fohifohy kokoa. Fa na izany aza dia tokony hitandrina mba tsy ho tara loatra ianao fa hahararaka ny fandaharam-potoananao, raha tsy izany dia mety tsy ho vitanao ny programa. Adidinao manoloana ny mpianatrao ny famitanao ny programa.

Tokony hijery miandalana ny drafitra maharitra nataonao hatrany ianao mba ho azo antoka fa tsy ho tara ianao. Raha manana fotoana hitsapana ny fahaizan'ireo mpianatrao momba ilay taranja ampianarinao ianao mialohan'ny hampianarana azy ireo, dia hanampy anao hahafantatra ny zavatra tokony hianaran'izy ireo izany.

Ny fanomanana drafitra ho an'ny herinandro vitsivitsy/Medium term planning

Ity fanomanana drafitra iray ity dia ahafahanao manomana lesona hataonao anatin'ny herinandro vitsivitsy, na hanomananao lohahevitra lehibe iray.

Amin'ity drafitra ho an'ny herinandro vitsivitsy ity dia manao lamina fohifohy ho an'ny lesona tsirairay ianao. Mifidiana lohatenin-desona iray, ary manorata hevitra vitsivitsy mahakasika izay zavatra mety hataonao amin'ireo lesona tsirairay ireo.

Raisintsika ohatra ny mety ho drafitra ampiasaina amin'ity fampiofanana ity :

	Lohatenin'ny lesona	**Activité**
1	Fampidirana, ny fomba fampianarana tsara sy fomba hanovozan'ny olona fahalalana.	Resaka hitarihana ireo mpianatra mba hieritreritra.
2	Inona avy ireo zavatra afaka ampianarina any an-tsekoly. Ny fomba hianaran'ny olona. Ny “apprentissage actif”.	Mijery ireo tarigetran'ny sekoly. Ankihibe. Modelin'ny "circuit electrique".
3	Sokajin'i Bloom sy ny momba ny fiteny sy ny fianarana.	Fampidirana ny sokajin'i Bloom ary mandahatra ireo karatra. Enti-mody- ny sahanasa avy amin'ny sokajin'i Bloom. Miresaka momba ireo olan'ireo mpianatra amin'ny resaka fiteny.
4	Fahasarotana ara-pianarana.	Manaraka izay voalaza ao amin'ny boky fampianarana.
5	Fitsapam-pahaizana.	Manaraka izay voalaza ao amin'ny boky fampianarana.
6	...	...

Fanomanana drafitra lesona tsirairay/ Planning individual lessons

Ny fanomanana drafitra lesona tsirairay, na laharana lesona maromaro mikasika lohahevitra iray dia hampahomby bebe kokoa ny lesonao. Raha sambany manomana lesona ianao dia mety hitaky fotoana lavalava izany satria hieritreritra lalina momba ireo lafiny isan-karazany mahakasika ilay lesona hampitainao rehetra izay mety mbola tsy noeritreretinao taloha ianao. Fa rehefa zatra kokoa manao fanomanana ianao dia ho haingana kokoa izany.

Activité/Activity

Amin’ny pejy manaraka eo dia hisy modely afaka hampiasainao hanomanana lesona iray na laharana lesona maromaro. Diniho ireo fizarana rehetra:

a) Inona no asany?

b) Inona no maha-zava-dehibe izany?

<table>
<tr><td colspan="2">Lohatenin’ny lesona:</td><td>Aiza ary rahoviana:

Kilasy:</td></tr>
<tr><td colspan="2">Tanjon’ny lesona “différenciée”:

Ny mpianatra rehetra mianatra ny:

Ny ankamaroan’ny mpianatra mianatra ny:

Ireo mpianatra mahay indrindra mianatra ny:</td><td>Enti-mody:</td></tr>
<tr><td colspan="3">Inona no tokony ho fantatry ny mpianatra mialohan’ny hanaovana ity lesona ity?</td></tr>
<tr><td>Fitaovana ilaina:</td><td>Fahasarotana ara-pianarana:</td><td>Teny:

Ny tanjona ara-pitondran-tena:</td></tr>
<tr><td colspan="3">Drafitry ny lesona:</td></tr>
<tr><td colspan="3">Fitsapam-pahaizana:</td></tr>
<tr><td colspan="3">Jery todiky ny lesona:</td></tr>
</table>

Ity manaraka ity dia famakafakana ireo fizarana ao amin'ilay taratasy misy drafitra fanomanana lesona etsy ambony. Hanome ohatra mikasika ny lesona azonao ampianarina mikasika ny sakafo (nutrition) aho.

Lohatenin'ny lesona: Lohateny izay mamehy ny lesona, ohatra 'Nutrition'.

Tanjon'ny lesona"différenciée": Inona avy ireo hevi-dehibe tokony ho hain'ireo mpianatra amin'ilay lesona. Tokony ampiasainao izany mba hitsapana ny fahazoan'izy ireo ny lesona amin'ny faran'ny lesona rehetra.

Tanjon'ny lesona ratsy: Mampianatra momba ny "nutrition"
Tanjon'ny lesona tsara:

Mpianatra rehetra: Inona no sakafo mitondra proteinina, carbohydrate", "corps gras", mineraly ary vitaminina?
Ny ankamaroan'ny mpianatra: Inona no atao hoe proteinina, "carbohydrate", "corps gras", mineraly ary vitaminina ary nahoana no ilaina ireo?
Ny endrikendriky ny sakafo ara-pahasalamana.
Ny mpianatra mahay indrindra: Ahoana no hanaovany ny sakafo fihinany mba ho ara-pahasalamana kokoa izany?

Ratsy ny tanjon'ny lesona raha toa ka tsy mazava ny zavatra tena tiana hampianarina amin'ilay lesona. Ny tanjon'ny lesona tsara dia "différenciée"ary mampiseho mazava izay zavatra tokony ho hain'ireo mpianatra rehefa vita ny lesona. Rehefa voasoratrao mazava tsara ireo tanjon'ny lesona dia ho mora aminao ny hanomana izany

Inona no tokony ho fantatry ny mpianatra mialohan'ny hanaovana ity lesona ity: Amin'ity fizarana iray ity dia tokony hieritreritra ireo zavatra tokony ho hain'ireo mpianatra mba hahafahany mianatra ilay lesona vaovao hampianarinao ianao. Tena zava-dehibe izany satria matetika dia mila hampahatsiahivina ireo mpianatra ireny fahalalana ireny mialohan'ny hanombohana ilay tena lesona.

Ho an'ity lesona mikasika ny "nutrition" ity, mety hanoratra aho hoe: 'Mahafantatra karazana sakafo samihafa'.

Afaka mampatsiahy izany fahalalana izany ianao amin'ny alalan'ny fanontaniana ireo mpianatra ireo karazana sakafo rehetra ao an-dohany.

Afaka mandinika ny fomba ampidiranao io lesona io amin'ilay lohahevitra manontolo izay hampianarinao ihany koa ianao.

Fitaovana ilaina: Mila mitondra boky manokana na fitaovana ve ianao amin'io lesona io?

Fahasarotana ara-pianarana: Ahoana no hanampianao ireo mpianatra manana fahasarotana ara-pianarana? Mety hanoratra ianao hoe: 'Resaho Theo mba hivoaka handehandeha kely rehefa manomboka tsy tafapetraka fa mipelipelika izy', na 'manao "photocopie" ny lesona ho an'i Roxanna'.

Teny: Inona avy ireo teny mbola vaovao ho an'ireo mpianatra. Aza hadino ny manazava ireo teny vaovao tsirairay ireo, asaivo manonona ilay teny ny mpianatra tsirairay ary afaka adikan'izy ireo any amin'ny "cahier de vocabulaire" any aminy izany. Tadidio fa sarotra ny mianatra ny dikan'ny teny

iray raha tsy hainao ny manonona izany. Matetika ny mpampianatra “langue” dia manome lisitra misy ireo teny tsy maintsy hianarany ireo mpianatra aorian’ny lesona rehetra.

Raha ho an’ity lesona momba ny “nutrition” ity dia mety hoe : 'proteinina, “carbohydrate”, “corps gras”, mineraly ary vitaminina'.

Tanjona ara-pitondran-tena: Misy fitondran-tena tianao ampianarina ireo mpianatra ve? Mety hoe tianao mba hianatra hihaino ny valin-teny omen’ny namany ireo mpianatra na hoe mila hatsaraina ny fiaraha-miasan’izy ireo amin’ny asa tarika.

Drafitry ny lesona: Eto no hanoratanao izay ho fandehan’ny lesona.

Rehefa manao drafitry ny lesona ianao dia aza hadino ny mametraka fanontaniana amin'ny tenanao hoe *inona no hataon’ireo mpianatra mandritra izany*? Eritrereto izay hataonao mba hahatonga ireo mpianatra handray anjara amin’ilay lesona.

Ohatra drafitra lesona azo atao:

Fanombohana (5min): Asaivo ‘mieritreritra karazana sakafo faran’izay maro’ fantany ireo mpianatra. Soraty amin’ny solaitra be ireo sakafo lazain’izy ireo. (Ny antsasaky ny solaitra be ihany ampiasaina satria hijanona eo mandritra ny lesona manontolo izany)

Votoatiny 1 (15 min): Manazava ny tanjon’ny lesona. “Prise de note active”: Manazava ny atao hoe proteinina, “carbohydrate”, “corps gras”, mineraly ary vitaminina ary nahoana no ilaina ireo. Atao azo antoka fa hain’ireo mpianatra ny manonona ireo teny ireo. Mampiasa ireo lesona ao amin’ny kahie leson’ny mpampianatra. Manontany ireo mpianatra ireo hevi-dehibe ary manoratra izany eny amin’ny solaitra be mba hahafahan’ireo mpianatra somary votsavotsa mandika izany.

Votoatiny 2 (10 min): “Apprentissage par découverte” (fomba fianarana izay hikarohan’ny mpianatra fa tsy tolorana fotsiny): Isaky ny manonona sakafo iray ny mpampianatra dia manontany ireo mpianatra raha proteinina/ “carbohydrate”/“corps gras”/mineraly/vitaminina no azo avy amin’izany. Mifidy avokoa ireo mpianatra rehetra: ankihibe manondro ambony/manondro ambany. Amin’ny voalohany dia ho maro ireo diso fa amin’ny farany dia hahay hamantatra izany bebe kokoa izy ireo. (ohatra: ny hena rehetra dia misy proteinina).

Votoatiny 3 (5 min): Manorata lesona mikasika ireo fahalalana azon’ireo mpianatra avy amin’ilay “activité” natao teo. Ireo mpianatra mandika izany. Ohatra: Ny hena rehetra dia misy proteinina. Ny legioma rehetra dia misy vitaminina sy mineraly. Ny vary sy ireo “céréale” rehetra dia misy “carbohydrate”.

Votoatiny 4 (10 min): Manazava fa ny sakafo ara-pahasalamana dia misy proteinina,“carbohydrate”, “corps gras”, mineraly ary vitaminina. “Penser - Apparier – En groupe de 4 – Partager” (TPSS): Tahaka ny ahoana ny sakafo ara-pahasalamana?

Asongadino fa raha vary fotsiny no hohanina dia “régime alimentaire” tena tsy mety izany. Tsara kokoa raha ampiarahana amin’ny tsaramaso ny vary. Raha toa ka misy ankohonana tsy manam-bola ampy ividianana sakafo ara-pahasalamana dia tsara raha asiany ananambo maina manta voatoto iray sotro amin’ny sakafo hohaniny isan’andro. Ny ananambo dia sakafo tsy dia malaza nefa tena be vitaminina sy mineraly. Ho an’ireo manan-katao, tsara raha atao maro karazana ny sakafo, tena tsara

raha misy karazana sakafo miloko samihafa eo amin'ny lovianao. Ny Malagasy manan-katao dia tokony hinana voankazo sy legioma 50%, proteinina (tsaramaso/"noix"/ hena) 25%, ary "carbohydrates" (vary/ovy) 25%. Fadio ihany koa ireo sakafo mamy satria ireny dia manimba ny nify ary mahatonga ny diabeta.

Famaranana (10 min): "Penser - Apparier - En groupe de 4 - Partager"/TPSS: Miresaha mikasika ireo sakafo fihinanao ary ahoana no hanatsaranao izany.

Enti-mody: Eto no hanoratanao ireo enti-mody izay omenao na mila takina. Ho an'ity lesona mikasika "nutrition" ity: Milaza amin'ny olona faran'izay maro hitanao mikasika ny sakafo tokony hohanina mba ho ara-pahasalamana kokoa ny sakafontsika.

Fitsapam-pahaizana: Inona no hataonao hahafantaranao raha tratran'ireo mpianatra ny tanjon'ny lesona (na tsia)? Amin'ny lesona momba ny "nutrition", ilay "activité" famaranana dia hanampy anao hitsapa ny fahaizan'ireo mpianatra.

Jery todiky ny lesona: Rehefa vita ilay lesona...inona no nety? Inona no azonao hatsaraina amin'ny manaraka? Ity fizarana ity dia hanampy anao hivoatra amin'ny maha-mpampianatra anao. Aza hadino ny manisy zavatra tsara ihany koa. Ohatra:

1) "Activité" votoatiny 2 sy votoatiny 3 dia tena nety tsara. 2) Nankafizin'ireo mpianatra ny lesona 2) Tsy ampy namitana ilay famaranana araka ny tokony ho izy ny fotoana.

Ity manaraka ity dia modely fandrafetana lesona izay tena malaza amin'ny mpampianatra maro:


Fandrafetana lesona anatin'ny 5 minitra
Jery ankapobeny
(vue d'ensemble)
Ireo tanjon'ny lesona
Ireo fizaran'ny fizotrin'ny lesona
Différenciation
SEN
G&T
EAL
Fisintonan-tsaina
Fandraiketana
"Mot-clé"
Fitsapam-pahaizana
Fanovana amin'ny fotoana farany
(Changement de dernière minute)
TEACHERTOOLKIT.ME/VITRUVIANTEACHING
© TEACHER TOOLKIT

Hazavaiko kely ireo ampahany tsy dia mazava:

Jery ankapobeny (The Big Picture) dia ilay fanehoana ny fifandraisan'ilay lesona ampianarina amin'ireo andiana lesona rehetra.

Fisintonan-tsaina (engagement) dia izay ataonao mba hisintonana ny fahalianan'ny mpianatra eny am-panombohana ny lesona, ohatra, mampiasa ny "Penser-Apparier-en groupe de 4-Partager" (TPSS) mba handinihana fanontaniana iray na maneho sary mahaliana azy ireo mahakasika ilay lohahevitra.

Ny fandraiketana (stickability) dia izay zavatra hataonao mba hanampiana ireo mpianatra hitadidy ilay lohahevitra, ohatra rehefa tapitra ilay lesona dia hametrahana fanontaniana vitsivitsy izay hanampy azy ireo hitadidy ilay lesona ireo mpianatra na manao "démonstration" na "activité" izay mora tadidy.

Différenciation (differentiation): Ny fomba hanoloranao lesona izay mety amin'ireo mpianatra somary votsavotsa sy ireo izay mahay ary ireo izay manana fahasarotana ara-pianarana.

Ireo fizaran'ny fizotrin'ny lesona (Learning episodes): Ireo fizarazarana samihafa amin'ny lesona ampianarinao. Raha mampianatra lesona iray ao anatin'ny adiny roa araka ny fanao eto Madagasikara dia mety hisy fizarana mihoatra ny 4 ilay lesona.

Hevitra hafa momba ny fandrafetana lesona/Other lesson planning thoughts

- Samy manana ny fomba fianarany ny mpianatra tsirairay. Ny mpampianatra tsara indrindra dia hanana lesona miovaova izay misy "activité" samihafa.
- Zarazarao ho fanombohana, votoatiny ary famaranana ny lesona.
- Amin'ny fanombohana, afantohy amin'ilay lesona ampianarinao ireo mpianatra ary ampahatsiahivo azy ireo ny zavatra tokony ho hainy mialohan'ny hanaovanao ilay lesona.
- Ny votoatiny no fizarana lava indrindra, eo no iezahan'ireo mpianatra manatratra ny tanjon'ny lesona.
- Rehefa hamarana ilay lesona ianao dia manaova "activité d'évaluation formative" izay hamerenanao ireo zavatra noresahina tamin'ilay lesona ary ahitanao izay hain'ireo mpianatra.

Activité/Activity

Manaova drafitra lesona ho an'ireo lesona hampianarinao mandritra ireo herinandro vitsivitsy ho avy ka mampiasa ireo hevitra voarainao avy amin'ity toko ity sy ny iray amin'ireo modely ireo. Amin'ny voalohany dia mety ho elaela ianao vao hahavita izany.

Rehefa mahavita drafitra lesona tsara ianao, eritrereto ny fomba hanafainganana ny fanomananao izany.

15. Fametrahana tanjona ho an’ny mpianatra/Setting goals for students

Raha manana zavatra ho kendrena ny olona dia hihoatra ny tanjony.

Activité/Activity

Eritrereto hoe hametraka tanjona ho an’ny mpianatra iray ianao: 'Miezaha'. Fakafakao raha tsara io tanjona io na tsia? Inona no tianao amin’io tanjona io? Inona no tsy tianao amin’io tanjona io?

Fametrahana tanjona mahasoa/Setting useful goals

Rehefa mametraka tanjona dia tena ilaina ny tanjona mba ho mahasoa. Andao hijery tanjona vitsivitsy isika:

'Miezaha': Izany dia tsy tanjona tsara satria tsy mazava. Hatraiza ny ezaka tokony hataoko? Inona no mila fiezahana?

'Miezaha amin’ny matematika': Tsara kokoa, fa mbola tsy mahalaza ny tahan’ny ezaka mila ataony.

'Miezaha mba hiakatra avy amin’ny 10/20 ho 20/20 ny naotinao amin’ny matematika': Tsara kokoa fa mety sarotra loatra ny hahatratrarana izany.

'Miezaha mba hiakatra avy amin’ny 10/20 ho 12/20 ny naotinao amin’ny matematika': Tanjona azo tanterahina, fa ahoana no hatratrarana izany, rahoviana no tokony ho tratra izany?

'Miezaha mba hiakatra avy amin’ny 10/20 ho 12/20 ny naotinao amin’ny matematika anatin’ny telo volana, amin’ny alalan’ny famerenanao lesona rehefa tonga any an-trano ianao, fanontanianao namana raha misy zavatra tsy azonao antoka ary ny fanaovanao enti-mody miaraka amin’ireo namanao': Izany dia tanjona tena tsara. Ny zavatra tokony atao mba hahombiazana, ny fotoana hahavitana izany ary ny fomba hanaovana izany dia mazava.

Ny tanjona tsara dia:

Voasoritra mazava: Mazava hoe inona no mila hohatsaraina.

Azo refesina: Tokony hazava tsara ny fomba hahafahana mandrefy raha efa tratra ilay tanjona.

Azo tratrarina: Tokony ho voafaritra amin’ilay tanjona ny fomba hanatratrarana izany.

Azo tanterahina: Tanjona izay afaka ny ho tratran’ilay mpianatra.

Voafehy ara-potoana: Misy fe-potoana hanatratrarana ilay tanjona.

Amin’ny maha-mpampianatra anao dia mila manampy ireo mpianatrao ianao mba hametraka tanjona ho an’ny tenany. Afaka manome soso-kevitra mikasika ny tanjona tokony hananany ianao, fa ny tanjona dia tsy mety raha tsy ilay mpianatra no maniry hanatratra izany. Manoro hevitra anareo aho mba hanokana fotoana ahafahan’ireo mpianatra hieritreritra momba izay tiany hohatsaraina sy hanampianao azy mba hahitany tanjona azo tanterahina ary ireo fomba ahafahany hanatratra izany. Afaka milaza izany tanjona izany amin’ireo ray aman-dreniny na olona hafa fantany izy mba hahatonga azy hanao izay ho afany hahatratrarany izany.

Fakafakao/Discuss

1) Amin’ny taranja ampianarinao, tanjona manao ahoana no mety hapetrak’ireo mpianatra?
2) Amin’ny taranja ampianarinao, inona avy no tokony hataon’ny mpianatra mba hivoarany?
3) Fakafakao miaraka amin’ireo mpampianatra hafa izay mampianatra taranja mitovy aminao ny valiny.

16. Fifehezana ny fitondran-tena /Behaviour management

Ny ankamaroan'ny ankizy dia tia mianatra amin'ny kilasy voafehy tsara izay tsy ahitana olana ara-pitondran-tena maro.

Ireo teboka anisan'ny tena manan-danja amin'ny fifehezana ny fitondran-tena ny mpianatra:

- Ny lesona mahaliana sady mampavitrika dia mampihena ny olana misy vokatry ny fitondran-tena.
- Rehefa asainao mangina ny mpianatra dia aza avela hitohy hiresaka izy. Miandrasa mandra-pahanginan'izy ireo, aza avela hisy mpianatra miresaka rehefa miteny ianao.
- Fantaro foana izay zavatra ataon'ny mpianatrao ary jereo tsara izay mitondra tena tsara sy izay maditra.
- Rehefa misy manao fitondran-tena tsy mety dia ampiasao ity '1-2-3' ity:
    1. Ampahafantaro ilay mpianatra fa tsy mety ny fitondran-tenany: 'Jack, aza miresaka ianao'.
    2. Ampitandremo indray izy: 'Jack, raha tsy mitsahatra ny miresaka ianao dia ... ', teneno azy ny sazy tokony homena azy raha tsy manaraka ny teninao izy.
    3. Tanteraho ilay sazy: 'Jack, raiso ny entanao dia mifindrà toerana eto ianao'.
- Mahaiza mifidy ny sazy mifanaraka amin'ilay ditra.
    - Raha miresaka foana ilay mpianatra, ny famindranao toerana ilay mpianatra iray dia matetika ampy mba hampitsahatra ilay tabataba satria lasa lavitra ny namany izy.
    - Rehefa mirava dia resaho mikasika ilay ditrany ilay mpianatra.
    - Ajanony ao an-dakilasy ilay mpianatra rehefa mirava ny mpianatra rehetra – "retenue".
    - Asaivo manoratra taratasy manazava ny tsy mampety ny fitondran-tenany ilay mpianatra ary asaivo ambarany ao ny zavatra hataony mba hanovany izany.
    - Antsoy ny ray aman-drenin'ilay mpianatra ary resaho amin'izy ireo ilay fitondran-tenan'ilay zanany.
    - Aza avela mankany an-tsekoly ilay mpianatra mandritra ny andro iray (mise à pied) raha tena ratsy ny zavatra nataony.
    - Roahy ilay mpianatra. Rehefa tsy misy vahaolana hafa intsony vao tokony hanao izany.

Hevitra vitsivitsy hafa:

- Aoka ho marina ianao amin'ny fitsaranao. Indraindray misy ankizy iray mangalatra, mamaly izany ilay mpianatra iray nangalarany ary izy indray avy eo no tratran'ny olana.
- Ny ankizy madinika dia mora variana kokoa noho ny mpianatra lehibe kokoa, ka mandefera kokoa amin'izy ireny.
- Tonia foana fa aza mitraotra.
- Tsy tokony ho gaga ny mpianatra raha mahazo sazy, izany hoe tokony hampitandremana aloha izy.
- Hendry kokoa ny mpianatra rehefa tiany sy hajainy ilay mpampianatra mampianatra.
- Fadio ny manome sazy ny mpianatra rehetra raha mpianatra iray no nanao zavatra tsy mety.
- Apetraho mazava tsara foana ny zavatra andrasanao amin'ireo mpianatra. Amin'ny fotoana voalohany handraisako ny mpianatro dia hanontaniako ny mpianatra hoe manao ahoana ny

fitondran-tena tokony hananany. Manaiky ny ankamaroan'ny hevitra aroson'izy ireo aho ary avy eo milaza ny zavatra andrasako:

- Manaova izay afanao mba hahay.
  - Mitondra pensilihazo sy kahie fampiharana amin'ny lesona rehetra.
  - Tongava ara-potoana.
  - Mangina ary mihaino rehefa misy mpianatra hafa miteny na miteny ny mpampianatra.
  - Miezaha mieritreritra fanontaniana tsara hapetraka mandritra ny lesona.
  - Mangataha fanampiana raha sahirana (ireo namana no anontaniana voalohany).
- Ny mpianatra dia tia ny fitsipika mazava mahakasika izay mety sy ny tsy mety amin'ny fitondran-tena .
- Ataovy mazava ny fitsipika mifehy ao an-tsekoly. Moramora kokoa ny mampihatra ny fitsipika raha samy manamafy izany avokoa ny mpampianatra rehetra.

Fakafakao/ Discuss

Inona no mampananosarotra anao amin'ny fitondran-tenan'ny mpianatra mandritra ny lesonao? Ahoana no fomba hamahanao izany?

17. Fanabeazana amin'ny fiteny roa/Bilingual Education

> *"Raha tianao ho tonga lafatra ny fahalalanao dia mianara ireo fiteny rehetra ary aza hadino ny tenin-drazanao."*[8]

Ny rafi-pampianarana eto Madagasikara dia mikendry mba hahay fiteny roa ny mpianatra rehefa vita ny fianarany eny amin'ny ambaratonga faharoa. Ireo mpianatra izay mahavita ny fianarana eny amin'ny ambaratonga faharoa dia tokony hahavita:

- Mamaky teny sy manoratra amin'ny teny frantsay.
- Mamaky teny sy manoratra amin'ny teny malagasy ofisialy.

Raha samy hafa be amin'ny teny malagasy ofisialy ny tenim-paritra eo an-toerana, toy ny amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara dia mila mahay fiteny 3 izany ireo mpianatra.

Fakafakao/Discuss

Araka ny fandinihinao, inona avy ireo olana mikasika ny fiteny izay hatrehan'ireo mpianatra any an-tsekoly eto Madagasikara?

Ny olana amin'ny fiteny eo amin'ny sehatry ny fanabeazana/Language issues in education

Mino aho fa ny olana ara-pitenenana no antony mahatonga ny maro amin'ireo olana ara-panabeazana eto amin'ity firenena ity.

Ny sasany amin'ireo olana ireo:

- Maro amin'ireo mpianatra nahavita ny fianarany no tsy mahafehy tsara ny teny frantsay na Malagasy. Misy mahazo izany am-bava fa tsy mahay mamaky teny na manoratra araka ny tokony ho izy.
- Maro amin'ireo ankizy niala an-daharana no nandao ny sekoly noho ny olana amin'ny fiteny.
- Ireo mpianatra tratran'ny "dyslexie" sy ireo mpianatra somary votsavotsa dia efa mijaly mianatra fiteny iray ary ny fianarana fiteny faharoa dia tena sarotra amin'izy ireo.
- Ireo mpampianatra dia mety tsy mahafehy tanteraka ireo fiteny tokony hampiasainy rehefa mampianatra.
- Ireo mpampianatra taranja hafa dia tsy mihevitra ny tenany ho mpampianatra fiteny, na tsy mahay ny fomba tsara entina mampianatra fiteny.
- Ilay fomba fampianarana dia mahatonga ireo ankizy hianatra ireo lesony tahaka ny boloky na "perroquet". Tsy azon'izy ireo akory ny dikan'ireo teny fa ianarany fotsiny hoe ireo no teny tokony hosoratany rehefa mahita fanontaniana misy teny mitovitovy amin'izany izy. Izany hoe ireo mpianatra dia mety afa-panadinana ka handao ny sekoly fa tsy manana fahaiza-manao maro ankoatra ny fitadidiana.
- Tena sarotra amin'ireo mpianatra ny miampita tanteraka avy amin'ny fanabeazana amin'ny teny malagasy ho any amin'ny fanabeazana amin'ny teny frantsay.

[8] Nalaina avy tamin'ny "Publication royal médiévale norvégienne" Konungs skuggsjá tamin'ny taona 1200 taorian'i Jesosy Kristy

- Ny fahafehezana ny teny frantsay dia ilaina mba hahazoana asa tsara karama.
- Maro ireo mpianatra no mampiasa fitenim-paritra izay tsy teny malagasy ofisialy. Izany dia mety hampananosarotra ireo mpianatra amin'ny fanadinana satria mila mampiasa tenim-paritra izay tsy manavanana azy na tsy tiany izy.

Fikarohana mikasika ny fanabeazana amin'ny fiteny roa/Research into bilingual education

Maro ireo fikarohana natao mikasika ny fanabeazana amin'ny fiteny roa[9].

Ny 'tenin-drazana' dia ilay fiteny na tenim-paritra ampiasain'ny ankohonana misy ilay ankizy. Eto Madagasikara, ny 0.57% ny Malagasy dia tsy mampiasa teny hafa ankoatra ny teny frantsay, ny 15.82% mampiasa teny frantsay indraindray ary ny 83.61% dia mampiasa teny malagasy isan'andro. Amin'ity toko ity dia heverina fa ny tenim-paritra (fa tsy ny ao Antananarivo) eto Madagasikara no tenin-drazan'ireo mpianatrao. Heverina ihany koa fa ny fiteny faharoa ampianarina dia ny teny frantsay.

Teboka vitsivitsy avy amin'ilay fikarohana:

- Raha toa ka avadika amin'ny teny hafa ny teny ampiasaina any an-tsekoly mialohan'ny tena hahafehezan'ireo mpianatra ny tenin-drazany dia hiteraka voka-dratsy amin'ny fianaran'izy ireo izany. Tsy mitombona kosa izany raha toa ka ilay fanabeazana amin'ny fiteny roa "à double sens" no ampiasaina.
- Eo amin'ny 5 -7 taona eo no fanabeazana an-tsekoly ilaina mba ahafehezana ny tenin-drazana.
- Raha toa ka mahafehy fiteny iray ireo mpianatra dia ho mora aminy ny hahafehy fitenim-pirenena hafa.
- Ny fomba fampianarana tsara ny fiteny dia tena zava-dehibe amin'ny fahombiazan'ny rafi-pampianarana mampiasa fiteny roa.
- Mila omena lanja hatrany ny tenin-drazana. Raha misy sekoly milaza hoe 'ny tenin-drazanareo dia tsy manana ny lanjany', dia manambara amin'ireo mpianatra fa ilay sekoly dia tsy manome lanja ny kolontsain'izy ireo na ny firazanany, ary ho very ny fahazotoan'ireo mpianatra.
- Tena sarotra amin'ny mpianatra ny mianatra fiteny iray raha toa ka tsy misy mampiasa izany ny olona iray trano aminy ary toa tsy misy dikany ny hianarany izany. Ireo ankizy eny ambanivohitra dia mety mbola tsy nahita olona miteny frantsay mihitsy ka ho sarotra kokoa amin'izy ireo ny teny frantsay raha oharina amin'ireo ankizy izay manana ray aman-dreny mahay miteny frantsay.

[9] 'Ireo olana amin'ny politika mikasika ny fiteny eto Madagasikara', nosoratan'i Oyvind Dahl izay miresaka momba ireo fikarohana mifantoka amin'i Madagasikara https://brage.bibsys.no/xmlui//bitstream/handle/11250/162102/OD_Linguistic_policy.pdf notsidihina tamin'ny Oktobra 2016. Raha te-handalina bebe kokoa mikasika izany ianao dia jereo ny momba ny rafi-pampianarana eto Madagasikara sy any Philippines.

Fomba vitsivitsy afaka hanatanterahana ny fanabeazana amin'ny fiteny roa:

1) Fanabeazana amin'ny teny rano ray: Ny tenin-drazana no fiteny ampiasaina amin'ny fampianarana ny taranja rehetra. Raha mampianatra teny vahiny (ohatra": Frantsay) dia ny tenin-drazana no entina manazava ireo lesona. Raha eto Madagasikara no hanaovana izany dia hampianarina amin'ny tenim-paritra eo an-toerana avokoa ny taranja rehetra.

2) Ny fanabeazana amin'ny fiteny roa "à double sens": Misy taranja ampianarina amin'ny teny malagasy ary misy kosa amin'ny teny frantsay. Matetika dia ny Siansa sy ny Matematika no ampianarina amin'ny teny frantsay.

3) Ny fanabeazana amin'ny fiteny roa: Ny fanabeazana dia hatomboka amin'ny tenin-drazana ary afaka taona vitsivitsy dia avadika amin'ilay fiteny faharoa. Raha eto Madagasikara no hanaovana izany dia ny teny malagasy no teny entina mampianatra eny am-panombohana ny fianarana ary avy eo avadika amin'ny teny frantsay izany aty aoriana.

a) Ny fialana aloha amin'ny tenin-drazana: Ny fanabeazana dia tanterahina amin'ny tenin-drazana mandritra ny 1-2 taona. Izany dia ampy hampivelarana ny fahaizan'ireo mpianatra mifanerasera amin'ilay teny. Avy eo avadika amin'ilay fiteny faharoa. Ny fikarohana dia maneho fa tsy mahomby izany fomba izany.

b) Ny fijanonana ela amin'ny tenin-drazana: Ny fanabeazana dia tanterahina amin'ny tenin-drazana mandritra ny 5-7 taona. 5-7 taona no fe-potoana ilaina hampivelarana ny fahaizana mamakafaka ireo zavatra ianarana amin'ilay fiteny. Rehefa afaka izany dia avadika amin'ilay fiteny faharoa ny teny entina anabeazana.

Karazana «méthode » iray amin'ireo voalaza etsy ambony ireo no ampiasaina eto Madagasikara. Mino aho fa ny safidy 2) na 3b) no mety indrindra amin'ny fanabeazana eto.

Fakafakao/Discuss

1) Mitovitovy ve ny teny malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra ampiasaina any amin'ny toerana misy anao ka samy afaka antsoina hoe 'tenin-drazana' avokoa?

2) Manao ahoana ny fihetsik'ireo mpianatra ao amin'ny sekoly misy anao manoloana ny fianarana ny teny malagasy ofisialy?

3) Inona no ataonao mba hananan'ireo mpianatrao fahalalana ampy ny teny malagasy ofisialy izay ilaina hiatretrahana ny fanadinana?

Ny fomba fampianarana fiteny mahomby/Effective language teaching

Na inona na inona no rafitra ampiasain'ny sekoly misy anao, afaka mitondra fiovana lehibe ho an'ireo mpianatrao ianao raha mampianatra azy ireo fiteny iray amin'ny fomba mahomby. Afaka ny hahomby ireo mpianatrao na dia tsy ny rafitra tsara indrindra aza no ampiharina.

Tokony ho azonao an-tsaina fa mpampianatra fiteny (langue) ianao.

Mpampianatra fiteny ianao.

Hevitra vitsivitsy mikasika ny fampianarana fitenim-pirenena:

1) Ataovy izay hampazoto ireo mpianatra hianatra fiteny:

> a) Ataovy sary an-tsaina hoe handeha any an-tsekoly ianao ary lazaina aminao fa ny fiteny ampiasain'ny ray aman-dreninao dia tsy misy dikany ary fandaniam-potoana fotsiny ny fianarana izany. Tsy hazoto hianatra ianao! Omeo lanja foana ilay tenin-drazan'ireo mpianatra, na tsy mampianatra amin'izany fiteny izany aza ianao.
>
> b) Ampio ireo mpianatra mba hahazo ny antony mila hianarany ilay fiteny. Ny teny malagasy ofisialy dia ianarana satria ilain'ireo mpianatra izany amin'ny fiatrehany fanadinana ary ampiasaina matetika izany amin'ny lahatsoratra, "télévision" ary "radio". Ny teny frantsay dia tsy maintsy ianarana satria izany no hahafahan'ireo mpianatra manohy fianarana any amin'ny ambaratonga faharoa sy hahazoany asa handraisany karama mihoatra ny karama ambany indrindra.
>
> c) Ataovy mahafinaritra ny fianarana izany. Manaova kilalao mikasika ny fiteny, toy ny Fady (jereo ny toko mikasika ny "apprentissage actif") na ataovy mandray anjara mavitrika amin'ny lesona ireo ankizy mba hampitombo ny fahazotoany.

2) Manaova ezaka mba tena hahaizanao ilay fiteny ampiasainao rehefa mampianatra. Aza menatra raha toa ka mbola tsy tena voafehinao izany amin'izao fotoana izao, fa katsaho ireo tombotsoa rehetra izay ahafahanao manatsara ny fahaizanao ireo teny ampiasainao:

- Ampiasao amin'ny fividianana "dictionnaire" ny volanao.
- Mamakia boky na gazety izay hitanao tsara.
- Mamonje ireo fianarana "langue" izay ampianaran'ireo olona mahay izany indrindra ao amin'ny fiaraha-monina na sekoly misy anao.
- Manaova "cours" any amin'ny Alliance Française izay manolotra fampianarana tena tsara.

3) Omeo lanja ny tenin-drazana. Ny fikarohana dia maneho fa ny fanomezana lanja ambony an'ilay tenin-drazana dia hampivoatra ireo fiteny rehetra ianaran'ireo mpianatra

4) Manaova "devoir de groupe" mandritra ny lesona. Asaivo miaraka mifanakalo hevitra momba ireo valim-panontaniana amin'ilay teny ianarany izy ireo.

5) Manokana fotoana lavalava hampitenenana ireo mpianatra ao an-dakilasy. Ireo mpianatra dia mila mahavita miresaka mikasika ilay zavatra ianarana mialohan'ny hahafahany manoratra mikasika izany.

6) Raha mampianatra amin'ny fiteny faharoa izay tsy tena hain'ireo mpianatra ianao dia hampifandraiso amin'ilay tenin-drazana ireo teny ampiasainao.

Raiso sary an-tsaina hoe manome lesona tahaka io fehezanteny manaraka io ho an'ireo mpianatra ianao:

> Ik weet dat de zee blauw is.

Inona no dikan'io fehezanteny io? Maro amin'ireo mpianatrao no hahatsapa ny zavatra tsapanao mamaky anio rehefa mamaky ireo lesona amin'ny teny frantsay omena azy.

Ampio ireo mpianatra mba hampifandray ireo lesona amin'ny teny frantsay amin'ny tenin-drazany. Afaka manao toa izao ianao:



Ireo mpianatra dia mahafantatra fa 'Ik' dia midika hoe 'izaho'. Ampifandraiso ireo teny frantsay (izay ianaran'ireo mpianatra) sy ireo teny malagasy. Mety mila mampianatra ny dikan'ireo teny amin'ny teny malagasy ihany koa ianao. Na dia nianatra tsianjery ireo fehezanteny amin'ny teny frantsay aza ireo mpianatra somary votsavotsa dia sady nianatra teny frantsay ihany izy tao anatin'izany.

Ireo efa mahay tsara ny teny frantsay dia afaka ny hahazo tsara ireo fanazavana teny vaovao amin'ny teny frantsay fa ireo izay mbola vao manomboka mianatra izany dia ho sahirana.

7) Ny lesona mikasika ny fiteny dia tokony hampavitrika (active). Asaivo manao zavatra iray amin'ilay teny ianarany ireo mpianatra. Ohatra: Asaivo manoratra fanazavana iray amin'ny fomba hafa izy ireo, mampiasa teny hafa na "stucture grammaticale" hafa. Asaivo mamorona tantara fohifohy mikasika lohahevitra iray ny tarika iray. Na asaivo mitady ny valim-panontaniana marina mahakasika fanontaniana iray "en groupe" ireo mpianatra. Na ampiasao ireo "technique d'apprentissage actif" hafa izay ato amin'ity boky ity.

8) Asaivo manamboatra "dictionnaire" kely momba ilay taranja izay ahitana ireo teny rehetra ilainy amin'ilay taranja ampianarinao ireo mpianatra. Ilay "dictionnaire" dia tokony hisy:

- Teny Malagasy.
- Ny famaritana ireo teny amin'ny teny malagasy.
- Teny Frantsay (raha ampianarina amin'ny teny frantsay ny lesona).
- Ny famaritana ireo teny amin'ny teny frantsay (raha ampianarina amin'ny teny frantsay ny lesona).

9) Raha toa ka misy mpianatra vao manomboka mianatra amin'ny teny frantsay, fantaro fa ny *ankamaroan*'ny asanao dia hirona amin'ny fampianarana ilay teny satria ny ankamaroan'ny mpianatrao dia tsy hahay firy ny teny frantsay. Raha miezaka mampianatra izany teny izany ianao dia hohitan'ireo mpianatra mora kokoa ny fianarana ilay taranja.

10) Asaivo miteny mafy ireo mpianatra rehefa mamaky teny. Mandraisa teny iray na roa izay tsy notononiny araka ny tokony ho izy ary ampio izy ireo mba hanatsara ny fanononany izany. Na asaivo mitady teny iray na roa diso fanononana izay mila hahitsin'izy ireo ny mpianatra mihaino azy.

11) Mampiasa "évaluation formative" hijerenao ny fahazoan'ireo mpianatra ilay fiteny. Aza kivy raha tsy azon'ireo mpianatra ny teninao, fa manana faharetana ary ampio izy ireo mba hahay ny "base".

12) Mampiasa ohatra izay afaka ampifandraisin'ireo mpianatra amin'ny zavatra efa hitany rehefa mampianatra fiteny. Raha misy ohatra toa ity manaraka ity amin'ireo boky fampianarana:

'Tamin’izaho tany Paris dia nitsidika ny Tour Eiffel aho', dia ovao zavatra izay fantatr’ireo ankizy eto Madagasikara izany. ohatra 'Tamin’izaho tany Toamasina dia nitsidika ny “plage”'. Matetika dia mety ho sarotra raisina ireo ohatra anatin’ny boky fampianarana satria efa sady miady mafy mba hahazo ilay tenim-pirenena vaovao ireo mpianatra no mbola miresaka zavatra tsy mbola hitany na niainany ilay teny ao.

13) Raha sady mampianatra amin’ny teny malagasy ofisialy ianao no mampiasa ny tenim-paritra, ampahafantaro ireo mpianatra mazava tsara raha toa ka mampiasa teny malagasy ofisialy ianao.

14) Tadidio fa tsy ny mpianatra rehetra no manana fahitalavitra, “video” na “radio” izay ahafahan’izy ireo mandre ny teny malagasy ofisialy. Afaka ny manokana fotoana ianao aorian’ny ora fianarana, fotoana izay ahafahan’ireo mpianatra mihaino “radio” na mijery “video” amin’ny teny malagasy.

15) Aoka mba ny fahazoana ilay teny no tena hifantohana fa tsy ny fitadidiana lesona fotsiny.

16) Raha azo atao, asaivo mamaky boky ireo mpianatra. Ny fanaovana vakiteny tsy tapaka dia mampivoatra tokoa ny fahaizana tenim-pirenena. Ny fanaovana vakiteny be dia be dia tena zava-dehibe raha tiana hahay ilay fiteny ireo mpianatra.

17) Raha mampianatra mpianatra mampiasa tenim-paritra samihafa ianao dia izy ireo no asaivo mampianatra anao. Anontanio azy ny fomba hitenenany zavatra iray amin’ny tenin-drazany ary ampitahao amin’ny tenim-paritra hafa izany.

18) Tsara raha afaka mampianatra teny frantsay ireo ray aman-dreny ianao.

Fanontaniana/Questions

1) Manao ahoana ny fahaizanao ny teny ampiasainao rehefa mampianatra?

2) Ahoana no hampivoaranao ireo teny ampiasainao rehefa mampianatra?

3) Ahoana no hanovanao ireo lesona ampianarinao mba hanampianao ireo mpianatra mba hahay fiteny (langue) bebe kokoa?

18. Fitaovam-pampianarana na 'ressource pédagogique' sy toro-hevitra/Teaching resources and ideas

> *'Tsy ny tsy mahay mamaky teny sy manoratra akory no lazaina hoe bado amin'ny taonjato faha-21 fa izay tsy mahavita mianatra, ka manadino izay nianarana taloha ary mandray fianarana vaovao.'* Mpanoratra Amerikana, Alvin Toffler

Maro ireo lohahevitra tsy voajery amin'ny an-tsipiriany ato amin'ity boky ity. Ny mpampianatra mahay dia tsy mitsahatra miasa hahafanta-javatra sy hahazo bebe kokoa ny taranja iandraiketany. Manoro hevitra momba ireo toerana hanovozam-pahalalana fanampiny ity toko ity.

Rohy anovozana haren-tsaina amin'ny "internet"

Manana tranonkala sy pejy Facebook aho ahitana haren-tsaina maro hanampiana ny fampianaranao:

- Tranonkalo: http://www.mada-enseignants.org
- Pejy Facebook:'Centre de formation d'enseignants Robert MacGregor' (https://www.facebook.com/madaenseignants)

Ireo tahirin-kevitra amin'ny "internet" dia ahitana:

- Ireo boky rehetra nosoratana ho an'i Madagasikara
  - Fomba Fampianarana Moderina
  - Ity boky ity
  - Fomba Fampianarana Moderina ho an'ny Ambaratonga Fototra sy ny Garabola.
  - Des Idées Pratiques sur la Physiqe-Chimie en 6ème
- Rohin'ny tahirin-kevitra ho an'ny finday sy solosaina.

Mandehana manatona "cyber" raha tsy zatra mampiasa "internet" ianao, ary miangavia mpiasa ao hanampy anao.

Boky

Mitadiava foana boky mety hanampy anao na ny mpianatra eny amin'ny fivarotam-boky tranainy.

Fikambanana

Eritrereto ny hanangana fikambanana mpampianatra eo an-toerana hiasa handrafitra fitaovam-pampianarana ho an'ny taranja misy anao.

Fiofanana

Manolotra fiofanana isan-karazany izahay. Misy ny fanohanana ara-bola ho an'ireo sekoly sahirana tsy mahaloa ny sarany.

Fomba Fampianarana Moderina I

Ahitana fizaram-potoana 10, atao mandritry ny adiny 15 hianarana ny fahaiza-manao fototra momba ny fampianarana. Hevitra voarakitra ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe "Fomba Fampianarana Moderina" no ifotorana.

Natao ho an'ny mpampianatra amin'ny ambaratongam-pampianarana rehetra ny fiofanana.

Ahazoana bokin-desona iray sy taratasy fanamarinana any am-piafaran'ny fiofanana ny saram-piofanana naloha.

Fomba Fampianarana Moderina II

Ahitana fizaram-potoana 10, ary maharitra adiny 15 hanampiana ny mpampianatra hampihatra ireo lesona tamin'ny fiofanana voalohany. Ahitana lohahevitra mifototra amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe "Fomba Fampianarana Moderina II" koa izany.

Ahazoana bokin-desona iray sy taratasy fanamarinana any am-piafaran'ny fiofanana ny sarany aloha.

Fomba Fampianarana Moderina ho an'ny Ambaratonga Fototra
Ahitana fizaram-potoana 5, ary maharitra adiny 7 sy sasany. Hevitra voarakitra ao amin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe "Fomba Fampianarana Moderina ho an'ny mbaratonga Fototra" no ifotorana

Ahazoana bokin-desona iray sy taratasy fanamarinana any am-piafaran'ny fiofanana ny sarany aloha.

Fanofanana mpanofana

Mpampianatra hanofana momba ny Fomba Fampianarana Moderina I no hofanina. Maharitra adiny 21 (ary ahitana fizarana 14) ny fiofanana ary maimaim-poana. Ahazoana boky tari-dàlana ho an'ny mpanofana izany. Tsy maintsy efa nahavita ny Fomba Fampianarana Moderina I sy II ny mpampianatra vao afaka misoratra anarana hanao ity fiofanana ity.

Des Idées Pratiques sur la Physique-Chimie au College

Nandrafitra asa fampiharana mora vidy ho an'ny mpampianatra Siansa izahay. Ohatra, nandrafitra lesona izahay ahazoan'ny mpampianatra fitaovana entina manao fanandramana ao am-pianarana ary azo ampiasaina mandritry ny taom-pianarana iray manontolo. Amin'ny sarany 15000 ariary. Mampanao fiofanana indray andro (adiny 6) izahay ampidirana ny asany amin'ireo fanaovana fanandramana.

Ahazoana bokin-desona iray sy taratasy fanamarinana any am-piafaran'ny fiofanana ny sarany aloha.

Famandrihana fiofanana

Antsoy ireto laharan-tariby ireto raha anao famandrihan-toerana na mila fanazavana fanampiny:

Antananarivo (ivelan'ny ora fianarana azafandy): Tahina – 0348875540 na Josianne - 034 96 150 36

Tamatave (ivelan'ny ora fiasana azafady): Lili: 032 580 3630 or 034 13 762 04

Azo atao koa ny mifandray aminay amin'ny halalan'ny "internet":

Fenoy ny "formulaire" ao amin'ny tranonkala: https://mada-enseignants.org

Na koa tsidio ny pejy Facebook: 'Centre de formation d'enseignants Robert MacGregor' https://www.facebook.com/madaenseignants

Ary farany/And finally...

Ity boky ity dia nahitana karazana hevitra maro. Mila manandrana ireo hevitra ao anatin'ity boky ity ianao any amin'ny kilasy ampianarinao. Tsy afaka hampihatra ireo rehetra ireo indray mandeha ianao, ny sasany mety hila taona maromaro vao ho voafehinao tanteraka. Fa miezaha manandrana izany anatin'ny taona maromaro, tano izay hevitra hitanao fa mety aminao.

Ny fampianarana dia asa mendrika ary sarotra. Misaotra anao nisafidy ny ho mpampianatra. Ny hoavin'ny firenenao dia eo an-tanan'ny olona tahaka anao. Ny Malagasy dia manana harena anaty lehibe. Avoahy amin'ny alalan'ny fanabeazana izany!